FAHAMA

TEKINIKA FAMORONANA "TONONKALO" SY "TANTARA FORONINA"

RANARIVELO *Rufin*

FAHAMA



TEKINIKA FAMORONANA "TONONKALO" SY "TANTARA FORONINA"

RANARIVELO *Rufin*

FAMPIDIRANA

Iarahana manaiky fa tsy misy famoronana "mandeha ho azy" tsisy fitsipika sy tsisy tekinika. Toy ny fahaizana Fitsipi-pitenenana sy Fitsipi-panoratana an'ireo voambolana rehefa hanoratra na hamorona lahatsoratra, dia toy izany koa ny fahaizana ny Tekinika fandrafetana Tantara foronina sy poezia na kalo.

Ary ny firenena manana ny Teniny ho TENY RENY, TENY VELONA dia manana ny Rarinteniny manokana ho azy toy ny Rarinteny frantsay (versification française), Rarinteny anglisy (versification anglaise) sns...raha tsy hiresaka poezia na kalo. Koa isika malagasy, manana ny Tenintsika, Teny reny, Teny velona..., nahoana moa no tsy manana ny Rarinteny Fenitra malagasy (Versification classique malagasy) sy Tantara foronina Fenitra Maoderina?

Ary izay no antom-pisian' ITY BOKY ITY : DINGANA IHANY NANANGONANA IREO AMPAHANA TAHIRIN-KEVITRY NY MPANORATRA NOZARAINA TENY AMIN'NY TAMBAJOTRA SERASERA, AMPAHANY IZAY "VOARAMBIN'NY TANANA " IHANY mikasika mivantana ny TEKINIKA FAMORONANA SORAKANTO navondrona ho BOKY FIANARANA SY APETRAKA HO DINGANA IHOARAN'IREO ZANDRY AO AFARA.

Mety ahitanao tahirin-kevitra vitsivitsy ao miresaka sy mamerina lohahevitra anankiray saingy amina fomba sy tanjona samihafa.. Toy ny lohahevitra tsy voazavan'ny tahirinkevitra iray mety voazavan'ny iray amin'ny fomba sy endrika hafa. Mifanampy sy mifameno.

Fizarana telo no hita ato, ankoatra ny Fampidirana sy ny Famaranana ary ny boky fakan-kevitra .

- Fizarana voalohany

Tekinika famoronana Tantara foronina Fenitra maoderina (Roman classique moderne) - Fizarana faharoa

Tekinika famoronana Rarinteny fenitra malagasy (Versification classique malagasy) miainga amin'ny ngadona anki efatra: ngadona kiroaroa sy ngadona kitelotelo ary ngadona manokana sy ngadona malalaka.

- Fizarana fahatelo

3/Fampiharana ny "Mianatra poema na kalo" sy Fanazavana fanampiny.

Dingana ihany ity boky ity izay manohy ny asa fikarohana nataon'i Régis Rajemisa Raolison sy Rabearifeno Albert momba ny Rarinteny malagasy sy fisintonana petrakevitra avy amin'ireo sorakanton'ireo mpanakanto soratra omaly sy ankotrio; DINGANA IHANY HO TOY NY BOKY FIANARANA mba hanaovan'ireo zandry aoriana asa fikarohana mitohy ho amin'ny Fampivoarana ny Haisoratra malagasy.

Ny faniriana dia ny FAMETRAHANA NY SORAKANTO FENITRA misokajy ho

- Rarinteny fenitra na Rarinteny klasika ho fianarana sy ho amin'ny fikarohana mitohy. Ao anatin 'io ny momban'ny haisary hosodoko tsara hitarina sy halalinina.
- Tantara foronina fenitra maoderina (Roman classique moderne) ao anatin'io ny sombintantara sy ny sombimpiainana ho fianarana sy fikarohana mitohy hatrany.

Fa FIKAROHANA TSY RITRA TOVOZINA NY FAMORONANA SORAKANTO.

Koa dia" am-bava homana, am-po mieritra."

Ranarivelo Rufin

14 Desambea 2025.

IREO BOKY NANOVOZAN-KEVITRA

1/ Mikasika ny Tantara Foronina

- Boky " Vato ambany riana" nosoratan'i Roel Ranarivelo.

Natontan'ny Tranom-pirinty Loterana Malagasy - 2017

- " Bina" nosoratan'i Auguste Rajaonarivelo de l'Académie

Natontan'ny Tranom-pirinty Loterana Malagasy.-

- " Rom-boay" nosoratan'i Roel Ranarivelo

- " Takelaka notsongaina " nosoratan'i Siméon Rajaona, tome 2

Ambozontany Fianarantsoa 1972

- Dictionnaire Malagasy - Français

Abinal et Malzac S.J - Edition Ambozontany

- Hevitra hafa nosintonina avy tamin'ny "internet" mikasika ny Tantaraforonina

2/ Mikasika ny Poezia na Kalo

- Bokikely toy ny haben'ny karine milohateny "Rarinteny" manohy nyasan'i Régis Rajemisa Raolison nosoratan'i Rabearifeno Albert

- "Haintenin'ny Ntaolo" nangonin'i François Rakotonaivo

Ambozontany Fianarantsoa

- "Nadika tamin'ny alina" sy " Saiky nofy" ary ireo kalo malagasynosoratan'i JJ Rabearivelo

- "Folihala" sy " Izy mirahavavy" nosoratan'i Dox

- " Dinitra" nosoratan'i Rado

- " Takelaka notsongaina" tome 1 nosoratan'i Siméon Rajaona

Edition Ambozontany Fianarantsoa

- Boky " Fianarana Fitsipi-pitenenana malagasy"- Dingana voalohany - cours moyen nosoratan'i Régis Rajemisa Raolison.

Imprimerie Catholique - Antanimena

- Ireo hevitra samihafa notovozina tao amin'ny "internet"

FIZARANA VOALOHANY

TANTARA FORONINA FENITRA MAODERINA

(Roman classique moderne)

(Ampahany tamin'ireo Ampahana Angona Tahirin-kevitra nozaraina teny amin'ny Tambajotra serasera

TANTARA FORONINA

Ny tantara sorakanto dia vondron'ireto asasoratra ireto:

-Tantara foronina (roman)

- Sombintantara (nouvelles)

- Sombimpiainana (récit)

- Ampahampiainana mitovy lenta amin'ny Lahatsoratra foronina (composition)na kalo milahatsoratra (poème en prose)

- Tontolona trangam-piainanan'ny mpilalao (évènements) sy ireo mpiantsehatra (personnages).

Manahirana ny mandika ny teny frantsay "évènement" amin'ny teny malagasy. Vanimpotoana ve? Trangampiainana ve? sa...Ndao atao hoe Tontolona trangam-piainan'ny mpiantsehatra iray anivon'ny fotoana sy elanelana. Fanazavana Fintina mialoha.

Ireo sokajina Tantara sorakanto mety azo angonina sy amboarina entina andrafetana Tantara foronina iray manontolo ny fitambarany no hojerena fohy eto:

- a) Ampahampiainana (ao amin'ny sokajy kalo milahatsoratra sy lahatsoratra foronina) izay ampahana sombimpiainana.

Mety iray ihany na roa na telo amin'ireo " Teboka Famoronana anki efatra ny zotra sy votoatin'ny Ampahampiainana (Filazalazanjavatra, Fitantarana, Resaka ifanaovana, Rohimpisainana) izay entina mamorona kalo milahatsoratra sy lahatsoratra foronina (poème en prose et composition).

Mpilalao iray no ifantohana anivon'ny ombona sy sehatra. Tsy idirana lalina loatra ny mpilalao tohitra sy ny mpilalao fanampiny eto.

Azo atao ho mpilalao fototra ny mpilalao tohitra dia mifamaly amin'izany. Toraka izany koa azo atao mpilalao fototra ny mpilalao fanampiny na mpanalanana iray araka ny tranga isafidianana sy apetraka.

Ao no manomboka voalohany ny famoronana Ampahampisiana na PARAGRAFY (séquences de réalité vécue) izay Ampahantsarinteny (séquences d'images) natambatambatra ho Ampahampiainana izay kalo milahatsoratra sy lahatsoratra foronina.

Voafaritra anaty fotoana sy elanelana eto ny sehatra filalaovana sy fandokoana izany. Efa misy ny drafitra fototra napetraka ho Lasitra arahana :

- Fampidirana mametraka trangan'olana (problématique)

- Velatra lambanana mitantara sy manomana ny Vonafamahanaolana (denouement)
- Famaranana mametraka tambatra toejavamisy farany (situationfinale) sy tsoakevitra .

Lafiny tekinika ranofotsiny ireo. Ny Haifanoratra no manome aina azy. Vakio ny toko voalohany ao amin'ny boky "BINA" - b) Sombimpiainana.

Ny Sombimpiainana (récit) dia mety ho fitambaran'ny Ampahampiainana roa na telo na mihoatra mifamatotra sy mifampiankina ary tokana andrin-kevitra iankihinana.

Eo anelanelan'ny Ampahampiainana sy Sombintantara no misy ny Sombimpiainana .

Tazonina hatrany ilay mpilalao fototra anatin'ny kalo milahatsoratra na lahatsoratra foronina saingy itarina kely ny ambaindain'ny mpilalao tohitra sy mpilalao mpanalalana na fanampiny amin'ny alalan'ny fampidirana ampahampisiana vaovao .Ny Ampahampisiana dia Ampahantsarinteny fototry ny famoronana entina mampiditra sy mamaha olana.Manana ny anjara toerany koa izy eo amin'ny Tekinika Fitantanana ny tohin'ainan'ny Fitaintainana (suspense) d)/Sombintantara

Ny sombintantara iray dia mety ho fitambaran'ny Sombimpiainana roa na telo na mihoatra mifamatotra sy mifampiankina amin'ny andrinkevitra tokana.

Ny Tontolona trangampiainan'ny mpiantsehatra eto dia mety - ho iray ihany na - ho roa izay mampivelatra ny fizotran'ny Fitaintainana "suspense" izay tena ilaina ny fahaizana mitantana azy hatrany amin'ny farany. Mitombo hatrany araka izany ny isan'ny mpilalao na mpiantsehatra amin'izay. e) Tantara foronina

Ny Tantara foronina izany dia mety ho fitambaran'ny Sombintantara telo mihoatra izay mifamatotra, sy mifampiankina ary mihodidina amin'ny andrin'ny Fitaintainana Reniny "suspens" ihodidin'ireo fitaintainana zanany rehetra izay vahana any am-parany.

Izay fomba fanazavana izay no akaiky kokoa amin'ny fanazavana sy famaritana ny atao hoe Tantara foronina amin'ny ankapobeny.

Araka izany ny Sombintantara iray voalohany miorina eo amin'ny Tontolona trangam-piainana iray no ivondronan'ny trangampiainana ahitana Mpilalao fototra (miampy an'ireo miara-dia aminy) sy Mpilalao tohitra (miampy an'ireo miara-dia aminy) ary Mpilalao mpanalalana na fanampiny miaraka amin' ireo miara-dia aminy.

Ny Sombintantara faharoa miorina eo amin'ny tontolompiainana faharoa ivondronan'ny trangampiainana misy ny Mpilalao fototra izay Mpilalao Tohitra etsy ambony miampy an'ireo miara-dia aminy.

Dia toraka izany koa ny Sombintantara fahatelo.

Arakaraka ny hamaroan'ny teboka sy sehatra iombanan'ireo mpiantsehatra ireo no tetika ampidirana sy hamahana olana eo amin'ny zotra fandaminana sy fitantanana ny Fitaintainana (suspense) manomboka eo fivelaran'ny TRANGAN'OLANA (problématique) ka hatrany amin'ny VONAFAMAHÀNA (denouement) any am-paran'ny Tantara.

Ary ireo Sombintantara telo ireo dia mifaningotra sy mifamatotra ary mifampiankina amin'ny andrin-kevitra iray sy Fitaintainana Reniny (suspense majeur) iray mihodidina amin'ny andry tokana reniny.

NY ZAVADEHIBE DIA MIFANINGOTRA SY MIFAMOLAKA IREO SOMBINTANTARA TELO MIFAMPIANKINA IREO MAMAHA NY OLANA FOTOTRA APETRAKY NY SOMBINTANTARA

VOALOHANY IZAY ANDRIN'NY TANTARA NA ANDRIN'IREO SOMBINTANTARA ROA HAFA.

Fanazavana notsorina mikasika ny Tekinika fototra famoronana Tantara foronina ireo. Azonao vakiana sy ampitahaina ny "Vato ambany riana" sy ny "Bina".

B/ IREO TEBOKA FAMORONANA EFATRA LEHIBE EO AMIN'NY TANTARA FORONINA

Eto am-panombohana dia mipetraka ny safidy

- na Mpanoratra miditra ao amin'ny sehatry ny Tantara mampiasa ny izaho, aho, -ko ianao

- na Mpanoratra ivelan'ny sehatra, mipetraka ho mampilalao an'ireo mpiantsehatra ianao

Ireto ireo teboka efatra lehibe tsara ho fantatra sy tsara ho hay rehefa hamorona TANTARA SORAKANTO (Torolalana ihany ireo) :

1) Filazalazanjavatra (description)

- Tontolo manodidina ny olona: ny natiora sy ireo harintsaina nazavaboary nahodin'ny olombelona toy ny trano, ny tetezana, ny tanimbary sns...ary ireo mikasika ny fotoana sy elanelana izay sehatra ilalaovana ny tantara.

Ohatra. Vao manomboka ny toko I ao amin'ny rom-boay, dia ireo tazana avy eny ambony fiaramanidina miditra ny tananan'ny Mananjary (paysage) no soritsoritana sy lokoana an-tsoratra . Misy teny tekinika milaza an'io ho an'ireo mpaka sary mipika na mpaka horonantsary . Mbola tena Asan'ny mpanoratra hakantoana koa io.

- Tontolo ivelan'ny olona: Ny tarehy amam-bikany , ny rafi-batany syireo izay entiny eny aminy.. Ohatra ao amin'ny boky "Bina" , ny filazalazana momba an'i Kemba ao amin'ny Toko I.

- Tontolo anatin'ny olona: ireo fihetsehampo, ireo hetsitsaina (étatpsychique) sy izay ara-panahy ary ny toetr'olona- Ao amin'ireo sombintantara takelaka notsongaina , boky faharoa, no ahitana an'io. Ireo ilay HAISARY HOSODOKO ATAO AMIN'NY ALALAN'NY SORATRA (Dessin et Peinture avec des mots).

Manana toerana lehibe io FILAZALAZANJAVATRA io ao amin'ny Tantara foronina fenitra (Roman classique) izay iavahany amin'ny Tantara foronina maoderina(Roman moderne) tsy dia ahitana ny antsipirian-javatra amin'ireo.

Ny Tantara foronina maoderina dia tsy miditra lalina loatra amin'io fanoritsoritana sy fandokoana hita sy tsapa ao amin'ny Filazalazanjavatra io.

2) FITANTARANA (Narration) :

Tantaraina ireo fizotran'ny hetsiky ny zavatra iray izay hetsehin'ny manodidina azy (ravinkazo noendahin'ny rivotra) na izay hetsehan'ny hery avy ao anatiny (olona mitoto vary ohatra).

Raha diso mibahana ao amin'ny asasoratra io dia toy ny manao tantaram-pirenena na manao tatitra sns... ilay mpanoratra.

Ngeja anefa ny anjara asan'io Fitantarana io. Manazava sy mamintina toe-javamisy ary ny trangan-javamisy (circonstances) sady mampifandray ny ampahantsary na ampahampisiana. Any amin'ny Fomba fitondrana ny Tantara io no hohazavaina misimisy kokoa.

Atsidika fohy fa misy koa endriky ny Fitantarana fanampiny eny antsefatsefan'ny fizotran'ny tantara antsoina hoe " Fononteny" na karazana" entre parenthèse". Raha diso lava loatra io Fononteny io dia mety manimba na manakona ny lalan-kizorana. Ao amin'ny "Vato ambany riana" ny Fononteny dia mitatra manana endrika sombimpiainana (récit) na sombintantara (nouvelles) mihitsy aza.

- 3) KARAJIA NA RESAKA IFANAOVAN'NY MPILALAO

a) Miteny irery (monologue) izay mampiasa ny Filazalazanjavatra sy Fitantarana ary rohimpisainana. Mampiasa ny mpisolo anarana izaho, aho, -ko.

Raha miditra ao amin'ny sehatry ny tantara ny mpanoratra dia mifanosona ao ny izin'ilay mpilalao sy ny izin'ilay mpanoratra. Ilaina ny Tekinika fanavahana an'ireo. Ohatra Mpanoratra sarotiny amin'ny toetra maha kristianina mandray ny toeran'ny mpilalao sy mpangalatra ary jiolahimboto amin'ny toetra sy fiteny ary fomba fiaina. Tsy maintsy iainany io raha tiana ho tafita ny tiana ambara. b) Resak'olon-droa (dialogue) na mihoatra izay miainga amin'ny Filazalazanjavatra sy Fitantarana omban'ny fononteny ary rohimpisainana.

Ao anatin'io ny "miteny irery" amin'ny toetra isan-tsokajiny: miresaka amin'ny tenany na mitarona amin'ny olona efa maty na mizaka amin'ny kasingana zavaboary sy ny sisa sy ny sisa.

- d) Rohimpisainana. Fironan-kevitra sy tomban'eritreritry ny mpanoratra amin'izay rehetra tiany ampitaina.(pensée de l'auteur). Amin'ny ankapobeny tsy mandeha irery izy io fa mitsofoka eny antsefatsefaky ny Filazalazanjavatra na Fitantarana na Resaka ifanaovana eny.

Fanamarihana.

Raha diso be loatra io karajia na Resakz ifanaovana io dia lasa manakaiky ny Tantara tsangana na Tantara mandeha amin'ny radiô ilay foronina.

Ny iavahan'ny Tantara foronina maoderina na ankotrio (roman moderne) amin'ny Tantara foronina fenitra (roman classique) anefa dia saiky mifanety ny Resaka ifanaovana" na "dialogue" ao amin'ny Tantara foronina ankotrio. Tonga dia atrik'ady velona amin'ny alalan'ny Karajia no mibahan-toerana ao amin''ny tantara. Velona sy miaina ary mora voarain'ny fo sy saina ny hafatra ampitain' io toetran'ny Tantara maoderina io.

Ohatra ao amin'ny boky BINA anatin'ireo toko afovoamboana hatrany amin'ny farany no ahatsapana io toetra io.

4/ ROHIMPISAINANA.(pensée de l'auteur)

Fironan-kevitra ideôlôjikan'ny mpanoratra ho hazondamosin'ny Tantara foronina no hita ato.

Raha mibahan-toerana be irery ao amin'ny Tantara foronina io rohimpisainana io dia manova ny toetra amaritana azy io.

Ohatra : ny Tantara foronina amy fironana lalàna, toekarena, fiarahamonina, fitsaboana, fivavahana (Roman à caractère juridique, économique, sociologique, médecine, religieuse.)

Na Tantara foronina fenitra na Tantara foronina maoderina dia samy ahitana an'io rohimpisainana amin'ny endrika manokan'ny mpanoratra tsirairay io. Fa ny Tantara foronina fenitra manampy amin'ireo dia mirona amin'ny fandalana ny maha olona ny olona (humanisme, dignité humaine) . Izay no manavaka azy amin'ny hafa.

Izay ny momba an'iny Dingana iny. Mbola tsy ampy anavahana ny Tantara foronina Fenitra (roman classique) amin'ny Tantara foronina maoderina (roman moderne) ireo.

Ranarivelo Rufin

TEKINIKA FANDRAFETANA TANTARA FORONINA

Tantara foronina fenitra maoderina na Tantara foronina fenitra ankotrio (Roman classique moderne) dia sokajina tantara foronina tokana sady feno. Izay fomba sy tekinika fandrafetana ny Tantara foronina Fenitra Maoderina (Roman classique moderne) izay no ezahana ianarana eto.

Ireto avy ireo boky nanovozana hevitra

- Boky "Bina" nosoratan'i Auguste Rajaonarivelo
- Boky "Vato ambany riana" nosoratan'i Ranarivelo Roel.
- Boky Takelaka notsongaina, tome 2
- Boky "Rom-boay" nosoratan'i Roel Ranarivelo
- Tahirin-kevitra avy amin'ny "internet" mikasika ny TANTARA KANTO ahitana an'ireto:

- ny Tantara foronina (Roman) amina fomba fijery "francophone" sy "anglo-phone"
- ny Sombintantara ,(Nouvelles)
- ny Sombimpiainana (Récit)
- ny Ampahampiainana (Poème en prose na composition)

Ahoana no anavahana ny Tantara foronina Fenitra amin'ny Tantara foronina maoderina?

Ranarivelo Rufin.

Ny Tantara foronina ao dia anatin'ny Tantara sorakanto na Tantara kanto.

Ireto avy ireo Teboka efatra lehibe eo amin'ny famoronana Tantara foronina :

- Filazalazanjavatra (description)
- Fitantarana (narration)
- Karajia na resaka ifanaovana (dialogue sy monologue)
- Rohimpisainana (pensée de l'auteur)

Tsiahivina fa reo iray tarika amin'ny hoe Tantara sorakanto dia ahitana an'ireto

- Lahatsoratra foronina na sokajy iray amin'ny kalo milahatsoratra (poème en prose)-
- Sombimpiainana (récit) - Sombintantara (nouvelle)
- Tantara foronina (Roman).

Ireo izany no Tsy maintsy voafehy ny mampiavaka an'ireo.

Fa tsy misy famoronana mandeha ho azy eo amin'ny lafiny ARTISTIKA sy eo amin'ny lafiny TEKINIKA.

Ranarivelo Rufin

Tantara foronina Fenitra sy Maoderina.

Fomba fijery voalohany sy faharoa fehezin'ny HAIFANORATRA KANTO no atambatra ho ankiray.

Fomba fijery "francophone" mifandraika amin'ny Tantara foronina Fenitra sy fomba fijery "anglophone" mifandraika amin'ny Tantara foronina maoderina.

Ary izay no DINGANA APETRAKA manome ny TANTARA FORONINA FENITRA MAODERINA (Roman classique moderne) eo amin'ny lafiny artistika sy eo amin'ny lafiny tekinika.

Araka izany,

Lava noho ny Sombintantara no sady Tontolona trangampiainan'ny mpilalao fototra telo (3 évènements majeurs) farafahakeliny voafehin'ny Haifanoratra kanto no mamaritra sy mandrafitra ny Tantara foronina Fenitra (klasika) na Tantara foroniba môderina indraindray.

Ndao tomorina ny fanazavana ny Tantara foronina miorina eo amin'ny Tontolona trangampiainan'ny mpilalao fototra telo fara fahakeliny.

Fepetra: Ireo Tontolona trangampiainan'ny mpilalao fototra telo iankinana dia iainan'ny fifandraisana mitsimbalivaly (relations dialectiques), mifaningotra sy mifampiankina ary mihodidina amin'ny ANDRIN'NY AIN'NY FANAINTAINANA FOTOTRA IRAY (Pilier d'un suspense majeur) mandrakotra ny tomandavan'ny tantara.. Izay fomba fijery miankina amin'ny Tontolona trangampiainan'ny mpilalao telo izay no azo hamaritana ihany koa ny atao hoe Tantara foronina feno. Ny Haifanoratra entina mandrafitra azy sisa no maha sorakanto azy na ny fahaizana mametraka ny lojikan'ny fanangonana sy fandaminana ary fandrindrana an'ireo KASINGAM-PAMORONANA .

Ohatra 1/ Vato ambany riana , diam-penin'i Ranarivelo Roel.

Fintinina fohy ny fanazavana an'ireo mpilalao fototra ankitelo. Raisina ny boky " Vato ambany riana"

- Tontolona trangampiainan'ny mpiantsehatra fototra Bodo no manome Sombintantara iray

Tontona trangampiainan' ny mpiantsehatra fototra Mavo no manome Sombintantara iray hafa

- Tontolona trangampiainan'ny mpiantsehatra fitotra Bako no manome Sombintantara iray hafa koa

Tontolona trangampiainan'ny mpiantsehatra fototra ankitelo na Sombintantara telo samy mahaleontena, tsy mifampiankina ireo. Ohatra telo (trois illustrations) ireo sombintantara telo ireo izay entina anohanana lohahevitra iray faranan'ny velatra lambanana mamarana ny resaka.

TTF .Raha io boky io no jerena dia tsy mamaly ny famaritana amin'ny atao hoe Tantara foronina (roman) eo amin'ny firafiny. Na dia izany aza anefa dia tena miavaka ny HAIFANORATRY NY MPANORATRA ary izay endrika izay dia ampahan'ny toetra Fenitra klasika na fenitra. Ny fivelaran'ny karajia sy Fitantarana dia endrika iray mampiavaka ny Tantara foronina Fenitra amin'ny Tantara foronina maoderina.

Raha ny fomba nitondrany ny fandehan'ny Tantara dia ao amin'ny sokajina Tantara foronina mamakafaka lohahevitra no misy azy (Roman à thèse).

Ohatra 2 /: BINA

Tontolona trangampiainan ny mpiantsehatra Bina sy Kemba ary i Fatakamanana sy ny tariny.

Sombintantara ankiroa mifaningotra sy mifampiankina ireo ka manome Tantara foronina iray. Tsy dia mifanalavitra amin'ny Tantaram-piainana (biographie) ny boky "Bina" ; Ny famaranana azy no namboarina amoahana môraly kristianina. Toetra manokan'ny Tantara foronina Fenitra io endrika famaranana io.

Fanamarihana

Ny Tantara foronina iray dia miorina amin'ny Tontolona trangampiainan'ny mpiantsehatra telo ahitana mpilalao fototra sy mpilalao tohitra ary mpilalao mpanalalana na mpilalao fanampiny.

Ny Sombintantara iray dia miorina aminaTrangampiainan'ny mpiantsehatra telo ahitana mpilalao fototra sy mpilalao tohitra ary mpilalao mpanalalana fa fanampiny.

Ny Sombimpiainana (récit) iray dia ahitana Ampahampiainana roa na telo na mihoatra ka mifaningotra sy mifampiankina.

Ary ny Ampahampiainana iray (lahatsoratra foronina) dia ahitana ampahampisiana (séquences de vie) andinina kalo vitsivitsy roa na telo mihoatra.

Ny ampahampiaina no ilay tantara sorakanto fohy indrindra , kalo milahatsoratra (poème en prose) lahatsoratra foronina (composition)

Ny iavahan'ny Tantara fototra fenitra (Roman classique) amin'ny Tantara foronina maoderina (roman moderne) dia eo amin'ny Famaranana.

Ireto misy endriny efatran'ny Famaranana.

1/ Famaranana endrika klasika.

Iray lambanana (après denouement) ireo mpilalao andry ankitelo (fototra, tohitra ary mpanalalana). Fototra eto ny fanajana ny maha olona sy fametrahana ny fitsipiaina na môraly (respect de la dignité humaine. Morale.)

2/ Famaranana endrika faharoa.

Lasa héros ilay mpilalao fototra (personnage principal). Miondrika aminy daholo ny mpilalao tohitra sy mpanalalana.

3/Famaranana endrika fahatelo.

Lasa victime ilay mpilalao fototra. Ohatra ao amin'ny boky " Roamboay" nosoratan'i Roel Ranarivelo: ilay kambana nonina tany ivelany dia toy ny

resy teo amin'ny fanatrehana ilay loharano niaviany ao amin'ny fiafaran'ny tantara

4/Famaranana endrika hafa. Tsy an-tany tsy am-parafara ilay mpilalao fototra. Mihantona toa tsisy famaranana ka mitady lafiny ironana. Azo atsofoka ato ny Famaranana maoderina. Isan'ny toetra ankiray ananany io.

Ranarivelo Rufin

TEKINIKA FANDRAFETANA TANTARA FORONINA FENITRA SY MAODERINA

TEBOKA FAHATELO LEHIBE

Apetraka eo amin'ny vanimpotoana nisiany ny hoe Fenitra (classique)/sy ny teny hoe maoderina na ankotrio (moderne). Dia araka izay ny Fanazavana ny Tantara foronina Fenitra (roman classique) sy ny Tantara foronina maoderina na ankotrio (roman moderne.)

Ny teny hoe Fenitra na Klasika dia ahitana tara-kevitra tranainy niforonany fehezin'ny fitsipika manokana ho azy eo amin'ny lafiny artistika sy tekinika eo amin'ny famoronana tantara kanto ahitana tara-kevitra modely eken'ny maro mivoy ny fitsipiaina na môraly mandrindra ny filaminan'ny ombona ('ordre social") , manindrahindra ny fironana maha olona "Humaniste et dignité humaine".

Ny teny hoe Ankotrio na Maoderina dia ahitana tara-kevitra mpandala ny fironan-kevitra malalaka na fahafahana maneho hevitra sy mifantoka amin'ny fironan-kevitra mamaky ny akoran'atody hivoahan'ny haikanto teraka omban'ny elatry fahafahana anivon'ny onjan'ny fivoaran'ny Teknôlôjia ankotrio

. Misy fahasahiana manoratra (engagé,) ny ratran'ny ombona sy filàna sahy mamoaka ny kotrehin'ny fikomiana anaty sy fikomiana ivelany ao amin'izay iainany anaty vanimpotoana misy azy. Any amin'ny lafika farany no misy ny haifanoratra fenitra.

HAIFANORATRA

Kasinga lehibe iray tsy afa-bela ao anatin'ny Teny sy ny Soratra eny an-tanan'ny mpahay sorakanto ny HAIFANORATRA eo amin'ny lafiny artistika sy FOMBA FANORATRA eo amin'ny lafiny tekinika (tekinika fanangonana sy fandaminana ary fandrindrana izay tiana ambara) .

Azonao vakiana ilay boky amin'ny teny frantsay izay azo isintonana tekinika fitrandrahana ny teny malagasy ho amin'ny tekinika na fomba fanoratra: " Savoir rédiger" livres de bord LAROUSSE.

Ny Tantara foronina klasika malagasy(roman classique malagasy) dia tsy azo sarahana amin'ny tantaran'ny roman classique tandrefana. Fitsipika Fenitra avy any no namolavola an'ireo mpanoratra sombintantara sy tantara foronina teto.

Ndao tomorina ny Haifanoratra. Teny sy Soratra no akora voalohany sy fitaovanan'ireo mpandala ny fitsipipiaina fenitra "classicisme " sy ny miverina an-doharano. Sarotiny amin'ny teny sy voambolana ampiasaina ary ny fomba fanoratra manaraka fitsipipitenenana ry zareo.

Mitandrina ny teny madio tsy maloto na tsy mifangaro na dia ao aza ilay iraka ho vavolombelon'ny vanimpotoana iainany tarafina amin'ny teny sy voambolana ampiasaina.

Ny Tantara foronina maoderina kosa (Roman moderne) dia miezaka ho tena vavolombelon'ny vanimpotoana iainany na eo amin'ny fampiasana ny teny vaovao teraka , na eo amin'ny toetra ivelany na toetra anatin'ny tranga miseho na eo amin'ny sokajina trangampiarahamonina mangarahara iainana tsisy fihatsarambelatsihy.

Ny teny na voambolana niforona na vao teraka dia manana ny Tantarany ary mivoy kolontsaina tandra vadin-koditra aminy. Ao ny fitenin'ireo ambany Tanàna, fitenin-jatovo ankotrio mety mandratra sofina, ny fitenim-paritra sy ireo fitenin'ireo karazana ombona anivon'ny fiaraha

monina indrindra ao amin'ireo iharan'ny herisetra sy tsindrihazolena sy ny sisa.

Ny tena Tantara foronina maoderina zato isan-jato(roman moderne) dia mampiasa an'ireny teny ireny . Mety soratana araka ny fitsipika sy fomba fanoratra na mety gasiana na soratana araka ny niandohany.

Azo atao ny mampiasa an'io Tantara foronina maoderina io ho entina mampivandravandra ny tsy rariny, mamoaka ny miafina nafenina tamin'ny tena endriny sy toetrany. Mety koa mampivoitra ny rariny sy ny maha olo-mendrika (humanisme sy dignité humaine) .

Mametraka ny hatsaran-tarehy na hakanto (beauté) kosa ny Tantara foronina Fenitra. Kasinga roa lehibe ao anatiny ny Haifanoratra. Ireto avy:

1/ Haifeon'ny Teny (Musique du verbe)

a) Rindra ngadona voajanahary manome ny Vondrona ngadona (groupes rythmiques) fohy, antonony ary lava araka ny toe-javamisy sy trangan-javamisy. - Ao koa ny rindrampeo ampiasana toy ny rima anaty- ary ny tamberinteny na andianteny izay anisan'ny ngadona..

Ohatra, vakio ny Famaranana ao amin'ny Vato ambany riana. " Andro iray". Endrika lahatsoratra mikalo kanto. Sarotra hita ireny ao amin'ny Tantara foronona maoderina.

b/ Haisary hosodoko petaka sy haisary hosodoko mihetsika izay foto-pisiana mamelona ny Fitantarana (Narration) dia samy atao amin'ny Filazalazanjavatra sy karajia ary rohipisainana avokoa. Ireo no entina manao haisary hosodoko velona sy miaina (Peinture vivante avec des mots) mifandrindra amin'ny fihetsehampo sy hetsika anaty eritreritra ary feon'ny fieritreretana anaty vanimpotoanan'ny kalo tora-po (lyrisme) sy kalo rômantika "romantisme".

Eny an'onjan'ny HAKANTON'NY HAIFEON'NY TENY SY HAISARY

HOSODOKO IVELOMIN'NY SORATRA no miaina sy velona ny Fiantarana sy ny Karajia" Dialogue" ary ny rohimpisainana.(pensées)

Ranarivelo Rufin

Ireo rehetra ireo no fototra iavahan'ny Tantara foronina fenitra (roman classique)/ amin'ny Tantara foronina maoderina ,(roman moderne).. Ny Tantara foronina maoderina na ankotrio dia saika mionona amin'ny hoe miaina sy velona ary mivantana anatin'ny Teny sy Soratra ny zavamisy sy ny toe-javamisy isaka ny tranganjavamisy. (Fitantarana sy Karajia mifanety sy misesy,). Any amin'ny laharana farany no misy ny môraly ho fehiny sy ny hakanto artistika raha hisy aza.

Azo atao tsara anefa ny mampiditra an'io Haifanoratra fenitra io ao anaty Tantara foronina maoderina.

Azontsika antsoina hoe TANTARA FORONINA FENITRA MAODERINA izy amin'izay "Roman classique moderne".

Ary azon'ny tena mpanakanto soratra atao tsara izany ho

FAmpivoarana ny HAisoratra na Sorakanto MAlagasy Apetraka

mialoha ity fahatsapana ity :

Saika tsy misy intsony ny mpanao Tantara foronina fenitra zato isanjato raha araka ireo famaritana ireo na raha misy aza dia iray amin'ny zato amin'izao fotoana ihazakazahan'ny tekinôlôjia maoderina izao.

Ao amin'ny tena Tantara foronina fenitra (roman classique) ihany no misy ny sorakanto.

Ny azo atao dia ny TANTARA FORONINA FENITRA MAODERINA Am-bava

homana, am-po mieritra.

Ranarivelo Rufin

FOMBA FITONDRANA TANTARA FORONINA

Dimy ihany eo no ho resahana eto.

Manontany tena isika hoe: izay mahay manoratra rehetra ve izany dia afaka manao Tantara foronina maoderina avokoa?

Ho valiana io ao aoriana kely.

Ndao ho tomorina ireo Fomba fitondrana Tantara Foronina ankidimy:

1/ Mahitsy fizotra (linéaire, ordre chronologique) , miainga amin'ny teboka A mankany amin'ny teboka B. Mety misy FONONTENY ampahantsary eny an-tsefatsefany eny, tsy manembatsembana ny filinin'ny mpamaky anefa izany noho ny ampahantsarinteny tsy dia lava. Mainka aza manazava ny kizo kely eny ho eny izany. Fononteny eny anaty filazalazanjavatra (description), Fononteny eny anaty fitantarana (narration) na Fononteny anaty resaka ifanaovana (dialogue) na Fononteny eny anivon'ny rohimpisainana (pensée).

Ohatra: ny boky BINA.

Eo am-boalohany izy dia hita sy tsapa fa manaraka ny famoronana Fenitra.

Fa rehefa tonga any afovoany any dia toa mihazakazaka maika hamarana ny tantara ny mpanoratra (hita mihafohy hatrany ny halavan'ny toko ary mihamihena ny momba ny filazalazanjavatra) Izay ilay ampahan'ny endrika famoronana môderina.

2/ Fizotra mahitsy mitampody na miverin-dalana; miainga amin'ny teboka B fiafaran'ny tantara ary miverin-dalana mankany amin'ny teboka A fiandohan'ny Tantara foronina.

Fononteny ranoray eto no ampiasaina, Fononteny izay manivatsiva ny alan'ny lasa sy ny onjan'ny olan'ny omaly : Fononteny azo anampidirana Filazalazanjavatra sy karajia ary rohimpisainana.

3/ Flash back. Toy ny faribolana ny lalana aleha. Rehefa tonga eo amin'ny teboka B misy ny fiolahana miverin-dalana dia mamonjy ny teboka A nialàna na rehefa tonga eo amin'ny teboka B dia milatsaka mamarana ny tantara ny ampahampisiana teo amin'ny teboka A.

Miainga amin'ny toerana A ary miverina amin'io toerana io ihany na miverina eo amin'ny teboka B mira teboka A ka mety ho A' (misy fiovana kely).

4/ Teboka iray D eo anelanelan'ny A sy B no iaingan'ny mpanoratra. Ny Teboka D dia mety eo amin'ny lohandohany na eny antenantenany na aloha kelin'ny rambony. Maro ny tekinika sy fomba azo ampiasaina. Miankina amin'ny Aingampanahy na ny Haifanoratry ny mpanoratra iny.

Ohatra iray: Raisina ny ampahana hitsy iray AB. Teboka D singan'ny AB. D mankany amin'ny A aloha amin'ny alalan'ny Fononteny . Avy eo mandalo eo amin'ny D dia miroso mankany amin'ny teboka B..

5/ Teboka iray hafa:

Fohy dia tena fohy ny elanelana misy eo amin'ny teboka ankiroa A sy B (mety adim-pamataranandro vitsivitsy na andro iray). Miainga eo amin'ny Teboka D manakaiky ny Teboka B ny tantara foronina. Fononteny avy eo no ampiasaina araka ny drafitry ny mpanoratra. Mandalo eo amin'ny Teboka D avy eo no sady mamaha ny olana miafara ao amin'ny Teboka B.

Ohatra akaiky amin'io dia ny ao amin'ny boky " Vato ambany riana", diam-penin'i Ranarivelo Roël. Ao amin'ny Tontolona Trangampiainan'ny mpiantsehatra Bodo.

Aiza ho aiza amin'io ny manamarika ny Toetra iavahan'ny Tantara Foronina môderina amin'ny Tantara foronina Klasika?

Amin'ny ankapobeny, ny Tantara foronina ankotrio , manoratra izay iainana ankotrio eto amin'ity teboka 5 ity dia tsy dia mampiasa ilay fomba fitondrana 1. Malalaka ny safidy. Tsisy teritery.

Na eo amin'ny Tantara foronina Fenitra na eo amin'ny Tantara foronina maoderina , ny zava-dehibe dia ny fahaizanao mitantana ilay hitsin'ny flilinina na ny zotran'ny Fitaintainana hatramin'ny farany (manière de gérer le suspense majeur du début à la fin.). Tsy mijery ny lafiny artistika loatra'. mijery kosa ny fahaizana mitantara sy mamelona ny tantara amin'ny alalan'ny resaka ifanaovan'ny mpilalao.

FEHINY.

1/ Izay ilay izy dia anjaranao ny mijery izay toetra iavahan'ny Tantara foronina Fenitra " roman classique" amin'ny Tantara foronina maoderina "roman moderne."

2/ Ny ngeza tsara ho hay dia ity: Tsy azo sarahana amin'ny tantaran'ny sorakanto frantsay (vanimpotoana fanjanahantany) sy sorakanto anglisy (vanimpotoana nifaranan'ny vanimpotoana fahampanjaka ka mandraka ankehitriny, baiboly) ny tantaran'ny sorakanto malagasy. [sorakanto: kalo sy tantara kanto]].

3/ Ny Tantara foronina fenitra (roman classique) zato isan-jato dia vitsy na tsisy: Filazalazanjavatra (description) + Fitantarana (narration) no mavesa-danja noho ny Karajia sy Rohimpisainana (dialogue sy pensée.)

Ny Tantara foronina maoderina kosa (roman moderne) dia maro (na zavon-tany) no manao azy fa vitsy amin'izy ireny no kanto: ny Resaka ifanaovana na karajia sy Fitantarana ,(narration+dialogue) no mavesa-danja be kokoa noho ny Filazalazanjavatra sy Fitantarana ary rohimpisainana (description sy narration ary pensée.)

4/ Ny tena tantara foronina fenitra maoderina dia manana ny toetra artistika izany hoe mampiasa ny ainan'ny Haifeon'ny teny sy ny haisary

hosodoko velona an-tsoratra (musique des verbes et peinture vivante avec des mots) .

Malalaka eto ny endriky ny fifaranan'ny tantara.

Ranarivelo Rufin

TEKINIKA FANDRAFETANA TANTARA FORONINA

Ny tsara ho fantatra mialoha:

- Ny dikan'ny Tantara foronina na ny teny hoe "Roman"' amin'ny vondron-tany " anglo-saxon" dia '"Novel". Ary ny dikan'ny sombintantara na "Nouvelles dia "short story".

Ny isan'ny teny ampiasaina na ny halavany no hany toetra anavahana ny Tantara foronina (na klasika io na môderina) amin'ny Sombintantara.Izay ihany. Tsy misy afa-tsy izay. Malalaka eto ny famaritana ny Tantara foronina.

Araka io ny tantara foronina no lava noho ny sombintantara. Tsy mijery ny toetra hafa sy ny pitsopitsony.

- Ny dikan'ny tantara foronina amin'ny fomba fijery " francophone" dia"Roman".

Eto indray dia tsy ny isan'ny teny ampiasaina na ny halavan'ny sorakanto no amaritana azy fa miditra any amin'ny fomba fandrafetana ny Tantara foronina mihitsy.

Mifototra amin'ny Tontolona Trangampiainan'ny mpiantsehatra (na évènement) ny resaka.

Ny boky " Vato ambany riana" no manazava bebe kokoa an'io noho ny fisian'ny Sombintantara ankitelo miavaka tsara.

Ao amin'ny Sombintantara 1 :dia ahitana Tontolona Trangam- piainan'ny mpiantsehatra fototra :Bodo ao an-tsekoly misy an'i Ravo tompon'andraikitra amin'ny fitaizana. Manodidina azy ny Trangampiainana

tohitra Lebera anivon'ny ankohonany sy Trangampiainana fanampiny namana sy olon-tian'i Bodo.

Ao amin'ny Sombintantara 2 dia ahitana toy izany koa Tontolona Trangampiainan'ny mpiantsehatra fototra Bako ao amin'ny ankohonany misy an'i Ravo. Manodidina azy ny Trangampiainana tohitra Tojo anivon'ny fitiavana sy Trangampiainana fanampiny misy ireo namany.

Ao amin'ny Sombintantara 3 koa dia ahitana ny Tontolona Trangampiainan'ny mpiantsehatra fototra Ravo ao amin'ny ankohonany misy an'i Bako. Manodidina azy ao ny Tragampiainana tohitra Randrenja sy ireo namany sy Trangampiainana fanampiny misy an'i Bodo ao an-tsekoly.

Hatreo ihany aloha ny fanazavana ny Tontolona Trangampiainan'ny mpiantsehatra (évènements) ankitelo sy ireo anatin'izy tsirairay avy. Tsara raha voavakinao manontolo io boky " Vato ambany riana " nosoratan'i Ranarivelo Roel io.

Tsoa-kevitra:

Ireo Sombintantara ankitelo ireo dia tsy mifaningotra, tsy mifameno, tsy mifandray, samy mahaleontena. Sombintantara telo natao OHATRA (illustrations) entina ho fanazavana lohahevitra iray tohanana.

Araka izany , azo antsoina hoe endrika iray sy toetra iray ao amin'ny Tantara foronina maoderina io " Vato ambany riana io".

Raha toa ka mifaningotra sy mifameno ary mifandrohy ireo sombintantara ankitelo ireo dia izay ny rafitra itombenan'ny Tantara foronina fenitra.

Fehiny

Petra-kevitra..

Ny Tantara foronina fenitra dia azo aseho amin'ireto toetra ireto

1/ Ny Tantara foronina fenitra dia Vita amin'ny Haifanoratra kanto izay izin'ny mpanoratra eo amin'ny lafiny artistika. Ary izay no fototra voalohany indrindra.

2/ Ny Tantara foronina fenitra amin'ny ankapobeny dia faranana amin'ny môraly , fitsipipiaina maha olona , fahamendrehana maha olona.

3/ Ny Tantara foronina fenitra dia miorina eo amin'ny fisafidianana Rafitra Lasitra voalohany dia ny Tontolona Trangampiainan'ny mpiantsehatra fototra telo mifaningotra sy mifampiankina ho iray fisian'ny Fitaintainana reniny " (suspense majeur). Velarina sy itarina eo amin'ny elatra roan'ny sakany ny tantara : Tontolona trangampiainan'ny mpiantsehatra tohitra sy Tontolon'ny trangampiainan'ny mpiantsehatra mpanalalana sy ny miara-dia aminy avy.

4/ Ny tantara foronina fenitra dia miorina koa eo amin'ny fisafidianana Lasitra faharoa dia ny Tantarampiainan'ny olona mifanjohy ho andiany mitatra sy amin'ny halavany ny Tantara (biographie) saingy eo amin'ny famaranana no nasiana fanamboarana.

5/ Ny Tantara foronina Fenitra dia miorina kokoa amin'ireto teboka famoronana roa ireto dia ny Filazalazanjavatra sy Fitantarana. Voafehiny ny fampiasana ny Resaka ifanaovana.

Ny Tantara foronina maoderina dia aseho amin'ireto toetra ireto:

1/ Ny Tantara foronina maoderina dia vita amin'ny FOMBA FANORATRA eo amin'ny lafiny tekinika. Tsotra tsisy filirony fa manaja ny dingam-pamoronana nianarana (savoir rédiger).

2/Ny Tantara maoderina dia tsy mamboatra ny ho faran'ny tantara fa famaranana voajanahary na miantona mametraka baraingo.

3/Ny Tantara foronina maoderina dia tsy voatery hanaraka ny RAFITRA LASITRA VOALOHANY. Mety rafitra lasitra Sombintantara no iorenany ka itarina any amin'ny halalininy (dimension de profondeur) ny tantara mba ho feno ny isan'ny teny ho tratrarina.

4/ Ny Tantara foronina maoderina dia miorina eo amin'ny fisafidianana Rafitra Lasitra malalaka ankoatra ireo arahan'ny Tantara foronina fenitra.

5/ Ny Tantara foronina maoderina dia fantatra eo amin'ny fampiasany ireo teboka famoronana roa (Fitantarana sy Resaka ifanaovan'ny mpiantsehatra mitentina rohimpisainana) izay tsapa mibahan-toerana . Voafehiny ny fampiasana ny Filazalazanjavatra

Ahoana izany ny toetran'ny TANTARA FORONINA FENITRA MAODERINA APETRAKA

Ny Tantara foronina Fenitra maoderina izany dia malalaka ny famoronana , iray amin'ireo fomba anankitelo notanisaina saingy ràn'ny fony mamelona azy dia ny HAIFANORATRA FENITRA EO AMIN'NY LAFINY ARTISTIKA. Izany voafehiny na efa iainan'ilay mpanoratra anaty rotinina ny Haifeon'ny Teny sy ny Haisary hosodoko an-tsoratra.

Voafehiny ny Filazalazanjavatra tsy azo ialana manazava ny sehatra iainan'ny mpiantsehatra anivon'ny fotoana sy elanelana.

Ny FOMBA FANORATRA EO AMIN'NY LAFINY TEKINIKA azon'ny rehetra ianarana sy fehezina dia azo eritreretina ihany koa: Haifanoratra fanampiny.

Ohatra eo ambany masontsika ny " Vato ambany riana" sy ny " Romboay" izay azo apetraka ho TANTARA FORONINA FENITRA MAODERINA.

Hatreo iny Dingana fikarohana iny miandry ny Dingana manaraka.

Mbola azontsika isintonana traikefa ny boky "Vohitry ny nofy" nosoratan'i Emilson D. Andriamalala sy ny boky " Ny zanako" nosoratan'i Clarisse Ratsifandriamanana.

Ranarivelo Rufin.

FIZARANA FAHAROA

RARINTENY FENITRA

(Versification classique)

Rarinteny Fenitra Hentitra sy Rarinteny Fenitra Malalaka

(Tekinika famoronana tononkalo na kalo)

BOKY NAKANA HEVITRA

Niainga tamin'ilay tambatra-takila ANDRANA tamin'ny 01 Janoary 2016 ihany ity DINGAM-PIKAROHANY natao ianarana sy ihoarana ity.

Tsiahivina sy tsindriana hatrany ireo tahirin-kevitra niaingana nandrindrana ny ANDRANA SY ITY DINGAM-PIKARIHANA ITY..
Ireto avy izy ireo :

- boky "Haintenin'ny Ntaolo " nangonin'i François Rakotonaivo

Edition Ambozontany Fianarantsoa

- Boky " Rarinteny" nosoratan'i Albert Rabearifeno sy Fikarohana nataon'i Regis Rajemisa Raolison
- Boky " Nadika tamin'ny alina, sy Saiky Nofy" nosoratan'i JJ Rabearivelo ary ireo kalo noforoniny.
- Boky ,"Fiteny mamiko" kilasy faha-3 Régis Rajemisa Raolison
- "Folihala" sy "Izy mirahavavy" nosoratan'i Dox

-" An-tsaha " nosoratan'i Ener Lalandy

- Dinitra nosoratan'i Rado
- Takelaka notsongaina tome 1 nosoratan'i Siméon Rajaona
- Petit Traité de versification française nosoratan'i Maurice Grammont.

- Manampy an'ireo dia ireo kalon'ny poeta vao misondrotra tanatyTambajotra serasera nanomboka ny taona 2015 ka hatramin'ny taona 2025.

Ny ambara farany eto ary tsindriana manokana fa ampahany amin'ireo tahirinkevitra mikasika ny Rarinteny nozaraina teny amin'ny tambajotra serasera tao amin'ny kaonty sy "Pages" miaraka amin'izy ireo no nangonina sy nalamina ary narindra ho Boky fianarana sy ho Dingana apetraka hanatratrarana ny RARINTENY FENITRA.

Ranarivelo Rufin.

NY TENY SY NY SORATRA:

AKORA FOTOTRA SY FITAOVAM-PIASANA

Ny Teny sy ny Soratra no akora fototra dindon'ny fisiana trandrahan'ny poeta hamolavolany ny sorakantony.

Mbola ny Teny sy Soratra ihany koa no fitaovam-piasany entiny mitrandraka ny dindon'ny fisiana ho amin'ny famoronana Haifeon'ny Teny na mozikan'ny teny sy haisary hododoko an-tsoratra na hosodoko miteny izay isany tena maha kalo ny kalo.

Teny sy Soratra mifampitantana no entin'ny poeta anehoana ny tian'izy ireo ambara sy ny tian'izy ireo ampitaina ao anatin'ny poezia na poema na tononkalo na KALO.

Kalo malagasy tena antsika niavian'nyvpoezia ankehitriny ny HAINTENY no sady mbola FAKA amaharan'ny tantaran'ny poezia na kalo malagasy na dia mivoy ny kolontsainan'ny tantara niaviany aza ny poezia.

Ohatra raisina ilazana fa poezia ny Hainteny.

Eto ny lasitra ao amin'ny mozikan'ny teny entina andrendrehana ny sary hosodoko an-tsoratra dia ny RINDRA MALALAKA (Vers libérés,), Rindra iray ao amin'ny Rarinteny malalaka.

Miavaka eto ny endriky ny ngadona izay tamberimpeo sy tamberinteny ary tamberina rafitr'andininy (andalana ankitelo). Ao koa ny tsilalaompeo sy ny tsilalaonteny. Mety mampiasa ny Rindra kiroaroa sy Rindra kitelotelo koa eny an-tsefatsefany eny.

Ny rindra malalaka ao anatin'ny Vondron'ny Rarinteny malalaka dia fehezanteny feno nozarazaraina ho vondrona ngadona (mira andalana,)/ka narafitra ho tsanganana kalo.

Ohatra

Napetrako vovo hisakanako ny ony

NEfa...

Tsy nidiran'ny amalona.

Napetrako tandroho hisakanako ny tatatra Nefa...

Tsy nidiran'ny toho

Napetrako fandrika hisakanako ny akany Nefa...

Tsy nidiran'ny vorona.

Haintenin'ny Ntaolo Ampahany.

Pejy 84.

Ohatra ankiray hafa- Rindra kiroaroa - Refy paika2/4

Irony vato, irony vato

Irony vato

Eny Andrangavo.

Hozongozonina

Vao mihamafy

Pararetina

Vao mahafatratra;

Ny vadin'olona anie Razoky

Tahaka ny hazo

Amoron-tevana

Hozongozonina

Vao mihamafy,

Pararetina

Vao mahafatratra

K'alao alina

Alao takariva

F'izay

Mahay maka no manana an'azy.

Haintenin'ny Ntaolo

Takila 52

Nangonin'i François Rakotonaivo.

Amin'ireo poeta tanora vao misondrotra dia hita fa samy manana ny hanitra ho azy avy izy ireo eo amin'ny lafiny lasitra anaty haifeon'ny teny sy eo amin'ny lafiny haisary hosodoko an-tsoratra ironany izay azo avy amin'ny kolontsaina tandrefana nentin'ny teny " Poésie" (lyrisme, romantisme, réalisme,- symbolisme ary surréalisme) na dia ahitana "indro kely' aza eo amin'ny lafiny tekinika.

Ranarivelo Rufin

HAIFEON'NY TENY SY HAISARY HOSODOKO ATAO AMIN'NY SORATRA

1/ HAIFEON'NY TENY (Musique du verbe)

Natao hohenoin'ny sofina alohan'ny hipakany any amin'ny fo sy saina ary fanahy ny Haifeon'ny Teny.

Ny kasinga kely indrindra ao aminy dia ny FEO ahitana ny renifeo sy zanapeo manome ny abidia. Avy amin'ireo no iforonan'ny VANIMPEO mafy sy vanimpeo malemy ary vanimpeo moana.

NY TENY MALAGASY IZAY TENY RENY DIA TENY VELONA.
Araka izany, manana ny lanjany sy hasiny ny Haifeon'ny Teny.

Eo amin'izay lafiny mozika izay dia ny VANIMPEO MAFY no venty fandrefesana andalana ka namaritana ny ngadona malagasy.

Ny kasinga fototra ao amin'ny haifeon'ny teny dia ny NGADONA midika ho fiverimberenan'ny vanimpeo mafy elanelanin'ny vanimpeo malemy ary eo amin'ny faran'andalana ny vanimpeo mafy dia arahana vanimpeo malemy zerô na vanimpeo malemy ankiray na ankiroa.

Ao amin'ny Rindra hentitra dia mitovy ny isan'ny vanimpeo mafy arahana vanimpeo malemy isaka ny andalana.

Antsointsika hoe REFY PAIKA 2 ohatra: Vanimpeo mafy ankiroa isaka

ny andalana avy amin'ny Rindra kiroaroa Ohatra.

miFAdy FOtsy -----> Refy paika 2 KA...----------> Refy

paika 1 miSOtro roNOno miFAdy MAInty KA...

maNDRAy ny Arina miFAdy

HAdy

KA...

maNDIngana TAtatra

miFAdy ny VEntiny

KA... miSOtro ny

ROny!

Ary...

miHAmbo tsy TIA KA...

miLElaka TAnana

Haintenin'ny Ntaolo pejy

86.

Misy koa ny Refy paika 4,6,8 ary 12

Ny refy paika 1 dia singan'ny Ngadona kiroaroa sady singan'ny ngadona kitelotelo.

Tsapa eo àry fa ny kasinga fototra ao amin'ny Haifeo dia ny NGADONA ahitana ny

- Ngadona kiroaroa sy ny
- Ngadona kitelotelo ary ny- Ngadona manokana.
- Ngadona malalaka

Mitondra eny aminy izay tiany hambara ny Haifeon'ny Teny.

Ohatra - Ngadona kitelotelo- manome ny Rindra kitelotelo - Refy paika 3 iaNAO tsy LAny DOka iZAho tsy LAny REhaka iaNAO tsy LAny ZAra iZAho tsy LAny taNDRIfy iaNAO...MAsak'aMBAva iZAho maTAvy aNDEla

KOA...

rah'DItra NO hiSEho ka

AVona NO hiTRAnga TSY

hiTAmbiTAmby

Aho VAO ho TOmpony

Haintenin'ny Ntaolo takila

NGADONA MANOKANA

Rindra manokana 5 - Refy paika 3+2 na Refy paika 2+3

Rindra manokana 7 - Refy paika 4+3 na Refy paika 3+4

Ary koa ny Rindra manokana mandray roa izay mampiasa ny Rindra manokana 5 sy 7.

Miainga avy amin'ireo ngadona lehibe telo ireo no nivoahan'ireo Rindra ireto:

Rindra hentitra (vers réguliers)

Rindra mandray roa izay be mpampiasa, sady ampiasainy ny ngadona kiroaroa no ampiasainy ny ngadona kitelotelo eo amin'ny tsanganana kalo.

Rindra manokana ary farany ny

Rindra afaka (vers libres) izay mampiasa ireo Rindra efatra voatanisa teo

aloha : Rindra mandray roa sy Rindra manokana. Tsy hadino ny Rindra

malalaka ao amin'ny Rarinteny malalaka Momba ny Haisary Hosodoko, ho jerena amin'ny manaraka.

Ranarivelo Rufin.

RARINTENY MALALAKA

1/ RINDRA MALALAKA (vers libérés)

Fehezanteny feno nozarazaraina ho vondrona ngadona (groupes rythmiques) ary narafitra hanana endrika tsanganana ny Rindra malalaka .

Tsindriana fa tsy mitovy ny Rindra afaka (vers libres) manaraka ny fitsipiky ny Rarinteny hentitra sy ny Rindra malalaka (vers libérés) izay afaka eo amin'ny gejan'ny Rarinteny hentitra.

Ohatra.

Raha heloka indray mandeha

amana indroa, Aza amoizana

azy, Fa anaro izy.

Fa raha heloka intelo

Na in'efatra dia ario,

Fa ny mamoy Efa

fanao.

Haintenin'ny Ntaolo.

Ampahany

lah 205

Eto izy dia narafitra ho tsanganana kalo na poezia

2/ KALO MILAHATSORATRA (Poème en prose)

Ny Rarinteny dia fitsipika fandrariana na fandrafetana teny na soratra amin'ny endrika lahatsoratra voarindra sy voakaly antsoina hoe kalo milahatsoratra (poème en prose).

Ohatra

Eto indray ny kalo dia narafitra ho lahatsoratra (prose) na fehezanteny feno

"Raha heloka indray mandeha amana indroa, aza amoizana azy, fa anaro izy. Fa raha heloka intelo na inefatra dia ario, fa ny mamoy efa fanao"

Haintenin'ny Ntaolo

Ampahany - lah. 205

3/ LAHATSORATRA POETIKA (Prose poétique)

Kalo milahatsoratra ihany saingy ampahana tantara kanto lavalava kokoa ary voakaly sy voarindra manana toetrana poezia na kalo eo amin'ny lafiny artistika. Izany hoe Haifanoratra mampiasa ireo kasingan'ny Haifeon'ny teny (musique du verbe) sy ny Haisary hosodoko velona atao amin'ny soratra (peinture vivante avec des mots)

Ohatra iray ao amin'ny faran'ny boky " Vato ambany riana" nosoratan'i Roel Ranarivelo dia manana endrika lahatsoratra poetika eo amin'ny lafiny haifeon'ny teny indrindra indrindra. Ao ny fampiasana tamberinteny sy tamberimpeo sy vondrona ngadona (groupe rythmique) eny an-tsefatsefany eny.

Fehiny

-Raha fintinina dia Haifeon'ny Teny sy Haisary Hosodoko miteny atao amin'ny Soratra mampita hafatra iombonana no famaritana feno amin' ny atao hoe Poezia na Kalo.

Na ny Kalo na Poezia (Teny frantsay nogasiana mivoy kolontsaina Tandrefana) dia Fihaonan'ny Haifeon'ny Teny sy ny Haisary hosodoko an-tsoratra mandrafitra hafatra iombonana tiana ambara sy tiana ampitaina.

Ohatra:

Sarinteny an'ohatra samihafa mitovy hevitra mifanjohy toy ny ankamantatra no hitan'ny maso eto anaty rafi-kira ambara-pamahany izany.

Rindra malalaka amin'ny endrika tsanganana na Kalo milahatsoratra izay fehezanteny feno nozarazaraina ho andalana na vondrona ngadona (groupes rythmiques) koa no arafitra eto.

Indro àry haintenin'ny Ntaolo amin'ny endrika Rindra malalaka:

Tsy ny lakana handrendrika aho, rahavana,

Fa ny zahatra hiampitàna rano;

Tsy ny hodiny hariana aho

Fa ny ventiny atelina;

Tsy ny mafy halàn'ny nify aho

Fa ny malemy halain'ny molotra;

Tsy ny sanga hanakona aho, Fa ny maso

hanoro ny lalan-kombana

Koa asakasakao hanana azy, rahavana!

Haintenin'ny Ntaolo

Ampahany

Takila 59

Nangonin'i François Rakotonaivo.

Dia izay ny ankapoben'ny tafa fanombohana mikasika ny kalo izay natomboka tamin'ny kalo na poezia tena malagasy.

Fa avy amin'ny Hainteny ihany no nosintonina ireo kasingan'ny Rarinteny malagasy .

Ranarivelo Rufin

VENTY FANDREFESANA ANDALANA.:

Teny sy VANIMPEO MAFY

Ny Teny dia dindon'ny fisiana rehetra tran'ny eritreritra izay tsapan'ireo vavahadintsaina dimy manokatra lalana ho any amin'ny fo sy saina ary fanahy.

Ary ny soratra: teny ihany saingy notazana ka nofandrihana an-takila amin'ny alalan'ny eva nifanarahana.

Teny sy Soratra na Feo manana ny mozikany sy Sary manana ny haisary hosodokony.

Iray aina sy fo amam-panahy izy roroa mba hampita hafatra iombonana. Ary izay rahateo ny famaritana feno sy fanazavana ampy amin'ny antsoina hoe Poezia na Kalo.

Ohatra.

Ngadona kiroaroa- Rindra kiroaroa - Refy paika 4

Ny ravin-tapia (hono) efa nitsiry

Ny ravin'aviavy efa niverina Ny

ravin'ampaly efa nitodika Ka

mba...

Hiverim-pitia ny vadinao

Fa ny fitia (anie) toy ny andry

Ombin'ankizy

Raha afa-po (hono) dia misaraka Tsy

afa-po (dia) mifamerina...

Ny tsy miady... olom-bodo

Ny to fo... mamosavy

Koa veloma mandra-pihaona

Hoy Rafara- tsifovato

Amin'ny marina.

Haintenin'ny Ntaolo

Ampahany

takila 128.

Ny hainteny ve? Kalo malagasy niandohan'ny poezia mirafitra toy ny an'ny frantsay izay nakana ny rohim-pamoronana ho amin'ny endrika malagasy niainga tamin'ny tenintsika efa kalo rahateo: Teny reny sy Teny velona.

Mizara roa ny RARINTENY:

1/ Rarinteny hentitra mampiasa vanimpeo mafy voajanahary na sady mampiasa vanimpeo mafy novolena. Ireto ireo Rindra (,vers) azo avy aminy

- Rindra kiroaroa
- Rindra kitelotelo
- Rindra mandray roa
- Rindra manokana
- Rindra manokana mandray roa

- Rindra afaka (vers libres,)

2/ Rarinteny malalaka afaka amin'ny gejan'ny rarinteny hentitra.

- Rindra malalaka miendrika tsanganana kalo. Fehezanteny feno nonotapatapahana atao tsangana poezia.

Ahitana ngadona toy ny tsilalaonteny, tamberinteny sns...

- Rindra malalaka ihany saingy narafitra ho lahatsoratra antsoina hoe kalo milahatsoratra (poème en prose)

3/ Kalo miendrika lahatsoaratra poetika.

Ho tadidintsika àry fa sady mozikan'ny teny no sarinteny hosodoko atao amin'ny soratra ny poezia.

Ny vanimpeo

Ny zanapeo hatrany no mitondra ny tsindrimpeo. Mandoko sy manaraka azy ny renifeo.

- Vanimpeo feo tokana dia zanapeo ihany . Ao amin'ny andianjanampeo indroa manonona dia misy vanimpeo anankiroa

Ohatra: "Ô" sy "E"

Ô! ry VOron(a) E!

- Vanimpeo feo roa

Ohatra: ie! eô! ià! zanapeo ankiroa rà, ny, sy,

fo, fa, re : zanapeo mibaby renifeo

- Vanimpeo feo telo

Ohatra: mba, mbÿ, -

Vanimpeo feo efatra

Ohatra: ngah!

- Vanimpeo feo dimy

Ohatra: ndrao

Rehefa tomorona akaiky ireo dia manome Rindrampeo sy Rindrandoko. Fampiasa amin'izany ny tsilalaompeo sy ny tsilalaonteny ankoatra ny tamberinteny sy tamberina rafitr'andalana.

Ohatra.

Ngadona kiroaroa - Rindra kiroaroa - Refy paika 4 /2 na 2+2/2

Sodokan'akora/ ka maty an'ady

Tsontsam-paika /ka matim-bela! Tsontsan-kaotra

/ka zary hazaka Tsontsam-pitia/ ka votso-droa!

Miharihary tahaka ny vato

Nanasan-dandy

Ny landy (nalaina)

/ lasan'ny tompony

Ny lavenona / lasan'ny rano

Ny harena lany,

Ny tiana (kosa)/ lasa nisintaka

Nokaikerin'n(y a)mboa kely tiana

Vo afitaky / ny olo-malala

Ka milalao/.... vovoka irery!

Haintenin'ny Ntaolo takila

Nangonin'i François Rakotonaivo

Dia toraka izany koa ny vanimpeo rehefa any anaty andiana teny.

- Misy ny vanimpeo mafy voajanahary sy vanimpeo malemy miaingaamin'ny fototeny sy ny teny fototra ary teny vahiny nogasiana.

- Misy ny Vanimpeo moana izay sady tsy vanimpeo mafy no tsy vanimpeo malemy. Ohatra a vo KO (a) -

- Misy ny vanimpeo mafy novolena. Rehefa arahana vanimpeomalemy telo ny vanimpeo mafy dia miova ho vanimpeo mafy novolena ilay vanimpeo malemy faharoa (ao amin'ny teny mivany telo miafara amin'ny ka- tra - na indrindra indrindra.

ohatra

FA nta tra da HO lo ---> FA nta TRA da HO lo.

ANDALANA SY NGADONA

Isaka ny andalana kalo, dia misy ampahan-tsary mifarana amin'ny faran'andalana ka

1/ na andalana mihidy (vers fermé)

Mahaleontena ny ampahantsary anaty andalana . Mety ho fehezanteny anefa koa mety ho tsy fehezanteny saingy mahalaza izay tiany ambara tsisy ifandraisany amin'ny andalana manaraka.

Ohatra: sarinteny feno samihafa (mifarana isaka ny andalana)

mifanjohy .hevitra. Sobiky niara-peno vary; Fatam-bary niara-

drinary, Zaza niaraka ihany. Haintenin'ny Ntaolo takila 76

2/ na andalana mitafitafy : (vers semi-ouvert)

Mitohy amin'ny andalana manaraka ny ampahantsarinteny ka mifarana eo antenantenany.

Ohatra

Sobiky niara-peno vary; fatam-

bary niara-drinary.

Haintenin'ny Ntaolo narafitra ho andalana mitafitafy 3/

na andalana mivoha.

Ohatra: a/ Andininy naorina avy amin'ny fehezanteny feno sady mazava manaraka ny fitsipiky ny rarinteny hentitra:

Mety andalana mampiasa mpampitohy amin'ny andalana manaraka

Mety mitohy avy hatrany amin'ny faran'andalana, tsisy mpampitohy

Ohatra b/ Andininy norafetina avy amin'ny andalana mihidy saingy misy mpampitohy amin'ny andalana manaraka . Na dia tsy mirafitra ho fehezanteny aza dia mahalaza izay tiany ambara

Fehiny:

1/ Atamberina àry fa ny teny tsirairay dia manana vanimpeo mafy ao aminy ary mety mivany tokana, na mivany roa na mihoatra aza.

Ohatra: teny iray (tambateny,) mivany fito ahitana vanimpeo mafy ankitelo

faravodilanitra > FA ra VO di LA ni tra

2/ Rehefa anaty andiana vanimpeo indray dia misy ny lalàna ifandroritan'izy ireo noho

- ny fitsipiky ny andianjanampeo mampiray teny roa.

Ohatra

RIran(a a)ntsy - vanimpeo 5 ->

RI/ra/N'A/ntsy ahitana vanimpeo 4 satria nifintina ho vanimpeo tokana ny "na sy a"

- ny fitsipika mifehy ny vanimpeo mafy ankiroa mifanaraka na fitsipikamifehy ny vanimpeo malemy ankitelo mifanaraka

Indro hainteny iray

Eny, ra TSAraHOby/tsy MEnaTRY ny Efa niSAraka - Refy paika 7 na 3+4

NY haVOzo MAnitr(a a)N'Ala - Refy paika 4

NY voaSAry MAnitr(a a)NTSAha- idem+

Ngadona manokana - Rindra 7 na Refy paika 3+4

Ny rambiazina irony/mamerovero ao an-tanety Refy paika 3+4

Ny tokantranontsika/mamerovero ao an-tanàna Refy paika 3+4

Ngadona kiroaroa- Refy paika 2

Tsara ririnina refy paika 2

Soa fahavaratra refy paika 2

Ngadona kitelotelo - Refy paika 3 Tomaratra

fararano refy paika 3

Mandina rah' lohataona refy paika 3

Ngadona kiroaroa - Refy paika 2

Kanjo ianao

tsy mena mivadika

toa tandrok'osy

Mbola tsy zehy... Dia

miolana!

Haintenin'ny Ntaolo Ampahany

takila 126

Nangonin'i François Rakotonaivo.

VENTY FANDREFESANA ANDALANA

Ampahantsary maro mifanjohy avy ao an'eritreritra toa sarinteny an'ohatra no narafitra ho kalo eny an'onjan'ny : - ngadona kiroaroa (oh. TSAra riRInina)

- sy ngadona kitelotelo (oh. toMAratra FAraRAno)

-ary ngadona manokana (ohatra ny TOkanTRAnoNTSIka /maMEroVEro AntaNÀna 3+4)

Fa ahoana ny fomba anavahana ny vanimpeo mafy amin'ny vanimpeo malemy sy vanimpeo moana.? Inona avy ireo fitsipika fototra mifehy ireo andiana vanimpeo anaty andalana kalo?

Ary ahoana ny fomba fandrefesana andalana ao amin'ireo Rindra Hentitra? Miainga amin'ny hoe "NY VANIMPEO MAFY NO VENTY FANDREFESANA ANDALANA.

Ohatra: a z(a A)no nta NIA na za(y A) nto n'

iZAO fa NGI na na LA li na FE no to MA ny a z(a

A) no nta NIA na sa TRIA fa nta TRAO fa FA ha

tsia RO va na N(O A) nto n'i ZA ny JJ

Rabearivelo.

Ho tohizana.

Ranarivelo Rufin

FANAZAVANA SY FAMARITANA NY NGADONA.

Miainga amin'ny haintenin'ny Ntaolo hatrany. Jerena ny faran'andalana.

VANIMPEO MAFY + zérô vanimpeo malemy -

Ikopa tsy ambanam-BY.

- Raha ny vato eny MangaBE

Haintenin'ny Ntaolo

Rakotonaivo François takila

43

- ary hevitra masaky ny FO Haintenin'ny Ntaolo takila 128

VANIMPEO MAFY + vanimpeo moana

-mbola tsy niara- DI-(a)

- arakara-piTI-(a)

- koa modia re ramaTO-(a) Haintenin'ny Ntaolo takila 107

VANIMPEO MAFY + vanimpeo malemy iray

- ka raha todi-PA-ty

aza maNO-dy

Haintenin'ny Ntaolo takila

115

VANIMPEO MAFY + Vanimpeo malemy ankiroa

-Raha ny ratsy no mba miRA-va-ka

Amin'ny faran'andalana , dia vanimpeo malemy aotra sy ankiray ary vanimpeo malemy ankiroa no manaraka ny vanimpeo mafy.

Araka izany NY NGADONA dia fiverimberenan'ny Vanimpeo mafy elanelanin'ny vanimpeo malemy iray na roa.

Io fanazavana io koa no mitarika antsika amin'ny oina na rima izay manana filaharana telo - aabb , rima mifanjohy

Ohatra - Ngadona kitelotelo - Refy paika 6 na Refy paika 3+3

Eto MIsy TSIky/fa SAroTRA taKArina Itsy

Misy SEnto/fa mora angaLArina. Etsy MIsy.

HEhy/ts(I A)faka samborina ltsy MIsy

RAtra/toa MOra MBA toNOnina

- abab, rima mifamaly

Ohatra - Ngadona kiroaroa, Rindra kiroaroa, Refy paika 2

Reny foana 'zay

tenina fa

babangoana ny

fo manenina

- abba, rima mifamihina

Ohatra: Ngadona kiroaroa, Rindra kiroaroa, Refy paika 2

Ao anaty

Vatam-paty

Misy reny

Tsy miteny

Erika

Ampahany

Nosintonina tao amin'ny boky "Fitsipitenenana Malagasy" nosoratan'i Régis Rajemisa Raolison.

Takila

FOTOTENY - TENIFOTOTRA -TENY NOGASIANA

Ny Fototeny amin'ny maha feo azy dia mety mivany tokana, na mivany roa na mivany telo fara fahabetsany.

Fototeny mivany tokana.

Raha mandeha irery anaty andalana kalo izy dia vanimpeo mafy foana.

Ohatra:

Ny sainy anefa very dia - Refy paika 4

Saingy...- Refy paika 1

Ny fony very mbola tia - Refy paika 4

Liberty

Fa rehefa mandeha any anaty andiana vanimpeo izy anaty andalana dia mandray roa. Izany hoe indraika vanimpeo mafy voajanahary ary indraika vanimpeo malemy: Indraika aza vanimpeo moana:

fa, sa, sy, ny, rà, fo, tó, ka, mba

Ohatra. Vanimpeo mafy voajanahary ireo amin'ny sorabaventy ary vanimpeo malemy ireo sisa.

FA na FO na RA vanimpeo miisa 5- Vanimpeo mafy 3

Ô!/ ry /VO/ro/n' E! vanimpeo ankidimy- Vanimpeo mafy 3

MOA /na/REO /ma/NDRE vanimpeo dimy - vanimpeo mafy 3

Fototeny mivany roa.

Amin'ny ankapobeny dia ao amin'ny vanimpeo voalohany no misy ny vanimpeo mafy voajanahary

Ohatra

TE-ny ; LA- za ; TA- ly ; MA- my

Amin'ny tranga manokana dia ao amin'ny vanimpeo faharoa ny vanimpeo mafy voajanahary

Fototeny mivany telo

Amin'ny ankapobeny dia ao amin'ny vanimpeo voalohany no misy ny vanimpeo mafy voajanahary

Ohatra

RE- sa - ka ; O- mbo- na ; TA- ri - ka

Amin'ny tranga manokana dia ao amin'ny vanimpeo faharoa no misy ny vanimpeo mafy

Ohatra

LA la na > la - LÀ-na

TA na na > ta- NÀ-na

FOTOTENY FAHAROA

- Fototeny asiana tsofoka

Ohatra

BI-ti-ka > bo- LI-ti- ka

ZA- ra > zi- NA- ra

FOTOTENY VERINDROA

Ohatra

TEny > Teny + Teny > TEniTEny

FAnina > FAnina + FAnina .> FAniMPAnina

TAMBATENY -

Ao amin'ny tambateny dia mety ahitana vanimpeo telo mihoatra ny teny iray a/ Fomba voalohany,

Ireo fototeny mihitsy no atambatra tsisy mpampitohy

MAso+Andro . > MAsoAndro FAra VOdy

LAnitra > FAraVOdiLAnitra b/ Fomba

faharoa,

Ireo teny roa mifanaraka ahitana faingo mihantona na nofaranana "na" ny teny voalohany dia atambatra amin'ny teny faharoa.

Ohatra:

Rano(na) Ando > Ranonando

Tonona andro > Tonon'andro sns...

Teny vahiny nogasiana Ohatra

la table > laTAbatra > Tenifototra.

Ireo tena teny malagasy tsy azo tovonana na no sady tsy azo

tovànana. Ohatra mahogo - akondro aomby

sady, nefa

Teny vaovao noforonina

Ohatra

PEtraka + HEvitra > PEtraKEvitra (hypothèse)

SAMPANTENY

- Tovona + Fototeny

- Fototeny + Tovana

- Tovona+ Fototeny + Tovana

Ny tena fototeny amin'ny ankapobeny dia mivany tokana, mivany roa ary mivany telo. Hatreo ihany

- a/Fototeny tovanana "ina" na "ana".

Antitranterina fa fitsipiky ny mozikan'ny Teny ny resaka eto fa tsy fitsipipitenenana.

Amin'izay dia mifindra vanimpeo iray ny vanimpeo mafy voajanahary

Ohatra

RE . > re-NEsina misy fanatsarampeo.

TEny > teNEnina

FAntatra > faNTArina

- b/Tovona + Fototeny

Amin'izay raha tovonana vanimpeo iray ilay fototeny dia tsy miova ny fototeny na dia lasa ao amin'ny vanimpeo faharoa aza ny vanimpeo mafy

Ohatra

TEny .> mi+TEny

RE > man+DRE

Amin'izay koa raha tovonana vanimpeo ankiroa ny fototeny dia miampy vanimpeo mafy iray.

Ohatra

TEny> man+ fi +TEny > MAmpiTEny FAntatra>

MAha + FAntatra > MAhaFAntatra d/ Tovona +

Fototeny ,+ Tovana Ohatra:

Resaka ---> fifampiresahana

fi FAM pi re SA ha na

Hainteny ankiray. Ohatra amin'ny Rindra afaka (vers libres) . Ao daholo ireo ngadona ankitelo ho tanisaina ao amin'ny takila manaraka

RAha tsy FItaka, TSY saROro Refy paika 4 RAha tsy

KObaka am-BAva Refy paika3

Tsy VOlana haTEnda Refy paika3

Izao TEninao iZAO Refy paika 4

Ary TSY voaLObo-JAza/NOteREn-ko MAsaka Refy paika 4+3

TSY aNGAdy MOndro/naSEsiKY ny ZArany Refy paika 3+3

Tsy FAndrak(a a)SEsiky NY fiVEly

Tsy TOho aSEsi-MAmba

Tsy RAhon(a a)SEsiKY ny RIivotra

Ary

HEvitra MAsaKY ny FO

Haintenin'ny Ntaolo Ampahany

takila 128 Ranarivelo

Rufin

NGADONA KIROAROA SY NGADONA KITELOTELO

Tsiahy.

Iombonan'ireo Ngadona ankiroa ireo ny Fitsipika fototra sy fanampiny Ny

vanimpeo mafy sy ny manodidina azy - ary ny andian-janampeo.

1/ Ny venty fandrefesana andalana dia ny vanimpeo mafy (vanimpeo mafy voajanahary sy vanimpeo mafy novolena) izay arahana vanimpeo malemy iray na roa rehefa anaty andalana.

Ohatra:

HAtriZAy FAhaKEliny,/TSY miSAraKA toKO(a) ny ,(a) eto dia

vanimpeo moana iRAy laLAo, iRAy fiTAfy/iRAy faNDRIAna,iRAy FO

ny [FO] eto dia vanimpeo mafy tsy arahana vanimpeo malemy

DOX

Ampahany

2/- Raha misy vanimpeo mafy roa mifanaraka dia mandefitra ho vanimpeo malemy ny iray.

Ohatra

FO GIna SAdy SIna (vanimpeo mafy 4) lasa hoe [fo GIna SAdy SIna] vanimpeo mafy 3

- Raha arahana vanimpeo malemy ankitelo ny vanimpeo mafy voajanahary dia tsy maintsy miova ho vanimpeo mafy novolena ilay vanimpeo malemy faharoa.

Ohatra

FA nta tro da HO lo -> vanimpeo mafy 2 ny ZA

va tra ni TRA nga -> vanimpeo mafy 2

lasa hoe: ny vanimpeo malemy "TRO" sy "TRA" dia lasa vanimpeo mafy novolena

FAntaTRO daHOlo -> Refy paika 3 ny

ZAvaTRA niTRAnga -> Refy paika 3

Ireo no fanamarihana lehibe indrindra manampy an'ireo pitsopitsony.

- Momba ny andianjanampeo:
- Sokajy voalohany dia andianjanapeo anaty teny ahitana ny indraymanonona (synérèse,) sy indroa manonona (diérèse)
- Sokajy faharoa dia ny andianjanampeo mampifandray teny roaahitana ny indray sy indroa manonona ihany koa .(cf ny lesona)

Ranarivelo Rufin

NGADONA KIROAROA SY NGADONA KITELOTELO

Fototra fenitra eo amin'ny tekinika famoronana kalo na poezia ny ngadona kiroaroa sy ny ngadona kitelotelo.

1/ Ho anao tsy mampiasa afa-tsy ny vanimpeo mafy voajanahary na toy inona Haisary hosodoko an-tsoratra ironanao.

Isan'ireo poeta ao anatin'io i JJ Rabearivelo.

Ohatra

Ilay fasana dia fasana ihany

Fa ny foko dia fasana koa

Io no fasako ivelan'ny tany

Io no fasako iray faharoa JJ

Rabearivelo.

2/na ho anao mampiasa vanimpeo mafy voajanahary sy vanimpeo mafy novolena na toy inona Haisary hosodoko an-tsoratra manavanana anao

Isan'ireo Poeta ao anatin'io i Dox.

Ohatra:

Fantaro àry fa ao amin'ny ngadona kiroaroa no misy ny RINDRA KIROAROA ahitana an'ireo

REFY PAIKA1 na

Refy paika 2 na

Refy paika 4 na

Refy paika 6 (2+2+2) na

Refy paika 8 (4+4) na

Refy paika 10 (8+2 na 6+4) Refy

paika 12 (4+4+4).

Toraka izany koa , Fantaro fa ao amin'ny ngadona kitelotelo no misy ny RINDRA KITELOTELO ahitana an'ireo

REFY PAIKA 1 na

Refy paika 3 na

Refy paika 6(3+3) na

Refy paika 9(3+3+3) na

Refy paika 12(3+3+3+3) na (6+6).

Hatreo no tena zava-dehibe eo amin'ny LAFINY TEKINIKA FAMORONANA IZAY MANITSY SY MAMPIVOATRA NY LAFINY ARTISTIKA.

Farany ny RINDRA MANDRAY ROA izay mampiasa ny Rindra kiroaroa no sady mampiasa ny Rindra kitelotelo.

- a/Misy ny Rindra mandray roa milamina ahitana ny Refy paika mifanjohy (aabb)

Ohatra

Ao anaty - Refy paika 2

Mahatanty - Refy paika 2

Misy fo madio - Refy paika 3

Fo madio lio - Refy paika 3

- b/Refy paika mifamaly (abab)

Ao anaty - Refy paika 2

Misy fo madio - Refy paika 3

Mahatanty - Refy paika 2

Hery handoro lio- Refy paika 3

-d/Refy paika mifamihina (abba).

Ao anaty

Misy fo madio

Dion'ny ankotrio

Mandramaty

Liberty

Rehefa voafehinao ny fitsipika mifehy an'ito fizarana faharoa ito dia ho mora aminao ny mandrendrika ny Haisary hosodokonao antsoratra anatin'ny iray amin'ireo lasitra nosafidiananao ireo.

Ranarivelo Rufin

IREO FITSIPIKA FANISANA VANIMPEO MAFY ISAKA NY ANDALANA

Na Fitsipika fandrefesana andalana.

Amin'ny ankapobeny ny kalo dia fitambarana vondron'andalana roa na mihoatra. Andalana efatra hatrany mazàna amin'ny ankapobeny ny kalo FENITRA (classique) ankoatra ny rafi-kira "sonnet", mitovy ny isan'ny vanimpeo mafy isaka ny andalana ary miady rima.

1/ Ao anaty andalana, ny vanimpeo mafy voajanahary na vanimpeo mafy novolena dia arahana vanimpeo malemy iray na roa ka arahana vanimpeo mafy avy hatrany.

Ohatra

RI tso DRI tso-BA li-ha TE lo - Refy paika 4

GO bo GO bo k'a MPO nga TA pa-ka - idem-

JJ Rabearivelo

Eto amin'ny soratra vaventy ny vanimpeo mafy, ny soratra madinika kosa no vanimpeo malemy.

2/ Ny teny mivany tokana dia vanimpeo mafy foana mandrakariva indrindra raha anaty andalana Refy paika 1 ary mandray roa (vanimpeo mafy na vanimpeo malemy) rehefa ao anaty andiana vanimpeo.

Ohatra.

Eto dia Rindra malalaka (vers libérés) no raisina:

A ry tsi KA ri tro FA.. niara-nanomboka

tamin'ny firotsaky ny orana mikija ny

fiteten'ny vaingan-dranomasony...

Ranjatohery Harilala.

Ohatra hafa

Teny mivany tokana mandeha andiany

TSIA DIA TSIA ---> TSIA dia TSIA,

SA na TRIA

S. Randria

Ampahany

Fiteny Mamiko - kilasy faha 3

Ny rindra mandray roa no raisina atao ohatra eto: Refy paika 3 / Refy paika 1/ Refy paika 4.

MBA HO TO NY SOA--->

MBA ho TO ny SOA - Refy paika 3

SA... - Refy paika 1

MBA HO RE NY KOA NY RA --->

MBA ho RE ny KOA ny RA - Refy paika 4

Fanamarihana. Ao amin'ny Rindra kiroaroa sy ny Rindra kitelotelo na ao anaty Rindra mandray roa dia iombonan'izy roa tonta ny Refy paika 1 anaty andalana.

3/ Raha misy vanimpeo mafy ankiroa mifanaraka dia mandefitra ho vanimpeo malemy ny iray.

Ohatra 1

Rindra kiroaroa, Refy paika 4

Ao NY NOfo niKIpaka MOra--> Ao ny NOfo niKIpaka MOra

Ao NY MAty daHOlo daHOlo --> Ao ny MAty daHOlo daHOlo

JJ Rabearivelo

Ohatra 2

Rindra kiroaroa , Refy paika 4

TSY MBA VEro NA MBA RAngoLAhy-->

TSY mba VEro na MBA rangoLAhy

NO maNAfina an'IO FAsana IO-->

NO maNAfi(n'a N'IO) fasana IO

JJ Rabearivelo

Ohatra hafa koa indreny mivelatra TO(a) VOninKAzo --> ny vanimpeo mafy VO no lasa vanimpeo malemy. indreny mivelatra TOa voniNKAzo

Ny Avana Ramanantoanina

RAha SEndra ny NOfoko /MOa no miJAly (3+2) raha

atao Refy paika 4 io kalo io dia toy izao no izy:

rah' SEndra ny NOfoko MOa no miJAly -refy 4 izany hoe miova

ho vanimpeo malemy ny RA izay lasa rah'. sns...

Ny Avana Ramanantoaninao

4/ Ny andalana mazàna dia manomboka amin'ny vanimpeo mafy. Raha tovonana vanimpeo iray izy dia vanimpeo malemy io.

Ohatra1

SEntoSEntoko MAmeloVElo

RAnoMAso, toLOko tsy TAna

JJ Rabearivelo Ohatra 2 ny

FO maNGOraK'Ilay Avo no

HAny SIsa HAmpiTOny

JJ Rabearivelo

Tsy mivalana mihitsy ny refy paika raha tsoahana ny vanimpeo voalohany

FO maNGOraK'I lay Avo

HAny SIsa HAmpiTOny

5/ Amin'ny faran'andalana isian'ny adirima dia ireto tranga efatra ireto no mitranga

- Vanimpeo mafy no mamarana ny andalana

Ohatra

Fa nankaiza ny olon-teTY

no ny saina sy ny FO no

zary toa voankazo LÒ Ery

an-tendron-doza erÿ?

- Vanimpeo mafy arahana vanimpeo moana

Ohatra

Hosodoko mahaSO(a) no

indro tazanao maMO(a)

- Vanimpeo mafy arahana vanimpeo malemy irayOhatra:

O! afero sy maNGI-dy izany

ihany no fiSOtro

JJ Rabearivelo

- Vanimpeo mafy arahana vanimpeo malemy roa.

Ohatra

Rindra kiroaroa, Refy paika 8 na 4+4

"ary hanintsana ny felany aorian'ny famoLO lo ny ary

tahaka izany koa/ny fitiavaNA naTO lo ny"

Rado

5/Raha arahana vanimpeo malemy ankitelo ny vanimpeo mafy anaty andalana, dia miova ho vanimpeo mafy novolena ilay vanimpeo malemy faharoa.

Ohatra

Rindra kiroaroa, Refy paika 4

VAlaLAnina ny MAso--> VAlaLAniNA ny MAso

"na" ao amin'ny valalanina no vanimpeo mafy novolena.

Ohatra

FA nta tra da HOlo ----> FA nta (TRA) da HO lo

Eto ny vanimpeo malemy tra --> TRA no lasa vanimpeo mafy novolena

6/ Indraindray araka ny fitsipika fototra faharoan'ny ANDIANJANAMPEO, ny vanimpeo malemy roa farany ao amin'ny teny miafara amin'n ka-tra-na (amin'ny vanimpeo mafy arahana vanimpeo malemy telo) dia mifintina ho vanimpeo malemy tokana ireo vanimpeo malemy roa farany.

Ohatra

FA nta tra A vo ko (a)----> FA nta [TR'A] vo KOa ka,

hono, ry VOlana maZAva zarÿ

Raha tiana hotazonina ny refy paika 4 dia soloina tsipi-panohizana ny vanimpeo malemy faharoa "na". ka hono ry vola- mazava zarÿ

Fa raha ohatra arahana ny fitsipika dia tokony miova ho vanimpeo mafy novolena ny vanimpeo malemy faharoa " na".

Amin'izay dia lasa Refy paika 5 na 3+2. Ohatra

etsy ambony

ka HOno ry VOlaNA /maZAva zaRŸ Refy 3+2 Toraka izany

koa ireto:

- Esory hiala /ny ZAva(TRA) manjó Refy 2+3

Esory hiala ny ZAva- maNJO

- mba hono ry KInta(NA) maMIratra ironymba hono ry KInta-

  maMIratr' irony

Ny Avana Ramanantoanina

Fiteny mamiko

takila 26

Saika hita ao amin'ny fototeny mivany telo na teny hafa miafara amin'ny KA-TRA-NA ka ao amin'ny vanimpeo voalohany no misy ny vanimpeo mafy.

Manaraka ny vanimpeo malemy roa no misy vanimpeo mafy.

Ohatra fantatra foana---> FA nta tra FOAna valaka teny ----> VA

la ka TE ny ankina ngeza ----> A nki na NGE za

Manomboka amin'ny vanimpeo mafy ny fiandohan'ny andalana na ialohavan'ny vanimpeo malemy iray.

Ohatra:

- Rindra kitelotelo- Refy paika 3 - Vanimpeo malemy no iandohan'nyisaka ny andalana.

ma MO a ka O mby ZA to mi A

ndry O mby a RI vo ts'iLA o za

n'i ZA y ha NI (a)

- Rindra kiroaroa- Refy paika 4- manomboka amin'ny vanimpeo mafyny isaka ny andalana Ilay FAsako, FAsako iHAny FA ny FOko dia FAsana KOa JJ Rabearivelo.

Rindra kiroaroa- Refy paika 4

- tsy ROny tsy VEntiny dia TEzitra FOAna

Ranarivelo Liberty

Raha misy vanimpeo mafy ankiroa mifanaraka dia mandefitra ho vanimpeo malemy ny iray

Ohatra

TI(a) VOditenona ---> TI(a) -vo di TE no na maNAO Ali

ndroa ----> ma NAO a lin DROA zanapeo roa atao

indray manonona : ma N(AO)

Raha arahana vanimpeo malemy ankiroa ny vanimpeo mafy voajanahary dia tokony ho vanimpeo mafy no manaraka azy ireo.

Saika hita ao amin'ny fototeny mivany telo na teny hafa miafara amin'ny KA-TRA-NA ka ao amin'ny vanimpeo voalohany no misy ny vanimpeo

mafy. Ohatra fantatra foana---> FA nta tra FOAna valaka teny ----> VA la ka TE ny ankina ngeza ----> A nki na NGE za

7/ Raha arahana vanimpeo malemy ankitelo ny vanimpeo mafy dia miova ho vanimpeo mafy novolena ilay vanimpeo malemy faharoa

Ohatra

FA nta tra da HOlo ----> FA nta (TRA) da HO lo

Eto ny vanimpeo malemy tra --> TRA no lasa vanimpeo mafy

novolena Ranarivelo Rufin

FITSIPIKA MIKASIKA NY ANDIAN-JANAMPEO

Tsetsatsetsa tsy aritra.

I Dox rehefa mamorona kalo mirindra ngadona dia raisiny tsirairay ny VANIMPEO. Eo izy no manavaka ny vanimpeo mafy sy ny vanimpeo malemy ary indrindra indrindra ny fampiasana ny fisipika momba ny Andianjanampeo anaty Teny sy mampiray Teny roa mifanjohy.

I Rado kosa izay manatona bebe kokoa ny ngadon'ny teny velona eo amin'ny andavanandrom-piainana dia manana ny fombany voajanahary iainan'ny maro eo amin'ny fandraisana ny VANIMPEO IHARAN'NY FITSIPIKY NY ANDIANJANAMPEO AMIN'NY ENDRINY ROA.

a/- Andianjanampeo anatiny (anaty teny)

° Andianjanampeo indray manonona Synérèse Ohatra: foana > FOA na (fôna) foiny > FOI ny izao > i ZAO ianao> ia NAO , indraindray I a NAO -Rp2 taolana > TAO la na voambara> voaMBAra , indraindray lasa hoe VO a MBA ra -> ahitana Refy paikav2

° Andianjanampeo indroa manonona Diérèse

Ohatra: aely > a E ly aolana ----a O la na

ailika ---> a I li ka

Ao amin'ny kalon'i Dox : ianao> I a NAO

b/ Andianjanampeo ivelany (mampitohy teny ankiroa mifanjohy)

° Andianjanampeo atao indray manonona

- miala ny zanapeo iray ohatra: tapak(a) elatra> tapak'elatra
- indray manonona izy roroa Ohatra: mi [l(a a)]dy mpivarotra anana --->mpi va ro [tr(a)]na na lasa mifintina ho vanimpeo tokana ireo vanimpeo ankiroa. Tafiditra ao ny fitsipiky ny ngadona.

Ohatra.

mpiVA ro tra Anana (vanimpeo 7) -> mpiVA ro [TR'A]nana (lasa vanimpeo 6)

° Andianjanampeo indroa manonona

Ohatra: efa iva > E fa i va : vanimpeo 4 sy ny sisa.

amaranana ny tiana ampitaina ity kalon'i JJ Rabearivelo ity izay tsy mampiasa afa-tsy vanimpeo mafy voajanahary.

Rindra kiroaroa - Refy paika 4 Az(a)

AnontaNIAna 'zAY Anton(y i)ZAo aza

AnontaNIAna 'zay Antony iZAO

Fanginana lalina feno tomany Aza

anontaniana satria fantatrao

Fa fahatsiarovana no anton'izany.

JJ Rabearivelo

Ampahany

Famintinana ihany ireo nambara ireo. Any amin'ny MIANATRA POEMA no hazavaina bebe kokoa ny mikasika ny pitsopitsony eo amin'ny fampiasana ny fitsipiky ny Andianjanampeo amin'ny endrika ankiroa.

Mbola misy pitsopitsony tsy voalaza izay ampitaina eny ho eny.

Fitsipika fanampiny.

Ito dia mikasika indrindra amin'ireo TRANGA MANOKANA tsy mbola hita tao amin'ireo fitsipika fototra voalohany sy faharoa.

Fantatsika mialoha àry fa rehefa mamorona kalo na poezia dia

- misy ny lafiny artistika ary - misy koa ny lafiny tekinika eo amin'ny famolahana ny haifeon'ny teny sy haisary hosodoko atao amin'ny soratra tovozina amin'ny alalan'ny aingampanahy.

Fototra ao amin'ny rarinteny hentitra ny fifehezana ara tekinika ny

- Rindra kiroaroa {1,2,4,6,8,10,12....}
- Rindra kitelotelo {1,3,6,9,12.....}

Manaraka an'ireo ho jerena manaraka dia ny

- Rindra mandray roa
- Rindra manokana {1,5,7,...}

- Rindra manokana mandray roa

-Rindra afaka (vers libres,)

- Rindra malalaka

- Kalo milahatsoratra

- Lahatsoratra poetika

- Rindra bemiray mampiasa ny Rarinteny hentitra sy Rarintenymalalaka. Ranarivelo Rufin..

Rindra kiroaroa sy Rindra kitelotelo Tsiahy.

Iombonan'ireo Ngadona ankiroa ireo ny Fitsipika fototra ankiroa: - Ny vanimpeo mafy sy ny manodidina azy - ary ny andian-janampeo.

Ny venty fandrefesana andalana dia ny vanimpeo mafy (na vanimpeo mafy voajanahary miampy vanimpeo mafy novolena) izay arahana vanimpeo malemy iray na roa rehefa anaty andalana. Amin'ny faran'andalana kosa dia azo tsy arahana vanimpeo malemy ny vanimpeo mafy .

Ohatra:

HAtriZAy FAhaKEliny,/TSY miSAraKA toKO(a) ny

,(a) eto dia vanimpeo moana

iRAy laLAo, iRAy fiTAfy/iRAy faNDRIAna,iRAy FO ny [FO] eto dia

vanimpeo mafy tsy arahana vanimpeo malemy

DOX

Ampahany

- Raha misy vanimpeo mafy roa mifanaraka dia mandefitra hovanimpeo malemy ny iray.

Ohatra

FO GIna SAdy SIna (vanimpeo mafy 4) lasa hoe [fo GIna SAdy SIna] vanimpeo mafy 3

- Raha arahana vanimpeo malemy ankitelo ny vanimpeo mafy voajanahary dia tsy maintsy miova ho vanimpeo mafy novolena ilay vanimpeo malemy faharoa.

Ohatra

FA nta tro da HO lo -> vanimpeo mafy 2 ny ZA va tra ni TRA nga ->

vanimpeo mafy 2 lasa hoe: ny vanimpeo malemy "TRO" sy "TRA" dia

lasa vanimpeo mafy novolena

FAntaTRO daHOlo -> Refy paika 3 ny

ZAvaTRA niTRAnga -> Refy paika 3

Ireo no fanamarihana lehibe indrindra. .Manampy an'ireo ny pitsopitsony.

Tsiahy: ANDIANJANAPEO

- Momba ny andianjanapeo: -

Sokajy voalohany dia andianjanampeo anaty teny ahitana ny indray manonona (synérèse sy diérèse,) sy indroa manonona .

- Sokajy faharoa dia ny andianjanapeo mampifandray teny roamifanjohy ahitana ny indray manonona sy ny indroa manonona.(cf ny lesona) ihany koa.

Tsiahy: FOTOTRA FENITRA FANDREFESANA ANDALANA

Fototra fenitra eo amin'ny tekinika famoronana kalo mampiasa ny ngadona kiroaroa sy ny ngadona kitelotelo.

1/ Ho anao tsy mampiasa afa-tsy ny vanimpeo mafy voajanahary na toy inona haisary hosodoko an-tsoratra ironanao

2/na ho anao mampiasa vanimpeo mafy voajanahary sy vanimpeo

mafy novolena na toy inona haisary hosodoko an-tsoratra manavanana anao

Fantaro àry fa ao amin'ny ngadona kiroaroa no misy ny RINDRA KIROAROA ahitana an'ireto:

REFY PAIKA1 na

Refy paika 2 na

Refy paika 4 na

Refy paika 6 (2+2+2) na

Refy paika 8 (4+4) na

Refy paika 10 (8+2 na 6+4) na Refy

paika 12 (4+4+4).

Toraka izany koa , Fantaro fa ao amin'ny ngadona kitelotelo no misy ny RINDRA KITELOTELO ahitana an'ireto:

REFY PAIKA 1 na

Refy paika 3 na

Refy paika 6(3+3) na

Refy paika 9(3+3+3) na

Refy paika 12(3+3+3+3) na (6+6).

Hatreo no tena zava-dehibe eo amin'ny LAFINY TEKINIKA FAMORONANA IZAY MANITSY SY MAMPIVOATRA NY LAFINY ARTISTIKA. MIAINGA AMIN'NY FAHAIZANAO MIFEHY SY MAMOLAKA NY FITSIPIKA FANDREFESANA ANDALANA NO HAHAFAHANAO MIROSO ANY AMIN'NY LALINDALINA KOKOA.

Farany ny RINDRA MANDRAY ROA izay mampiasa ny Rindra kiroaroa no sady mampiasa ny Rindra kitelotelo.

Misy ny

- Rindra mandray roa milamina ahitana ny Refy paika mifanjohy (aabb) sy Refy paika mifamaly (abab) ary Refy paika mifamihina (abba).

Ary misy koa ny

- Rindra mandray roa saritaka izay araka ny nahim-pon'izy poeta.

Rehefa voafehinao ny fitsipika mifehy an'ito fizarana faharoa ito (Ngadona kiroaroa sy ngadona kitelotelo) dia ho mora aminao ny mandrendrika ny haisary hosodokonao an-tsoratra anatin'ny iray amin'ireo lasitra ireo.

Amin'ny ankapobeny ny kalo dia fitambarana vondron'andalana roa na mihoatra. Andalana efatra hatrany mazàna ny kalo FENITRA (classique) , mitovy ny isan'ny vanimpeo mafy isaka ny andalana ary miady rima. Ao koa tahaka an'i Dox ny mampiasa Rafi-kira "Sonnet"

Fitsipika tekinika fototra ankiroa no tsara hain'ireo poeta. Manko ny lafiny tekinika no manitsy sy mampivoatra ny lafiny artistika.

1/ NGADONA KIROAROA- RINDRA KIROAROA- Fanampiny

Fitsipika tekinika fototra voalohany

- Vanimpeo mafy no venty fandrefesana andalana.
- Anaty andalana, ny vanimpeo mafy dia arahana vanimpeo malemyiray na roa,izay mbola arahana vanimpeo mafy.

Ohatra

Voron-kely nantenaina

Hiaraka ory, hiara- paly

- Eo amin'ny fanombohana andalana dia azo ampilohavanavanimpeo malemy ny vanimpeo mafy fa tsy mampiova azy izany. Ohatra

ny VOro NKEly NAnteNAIna- Refy paika 4

VOron-KEly NAnteNAIna ---> Refy paika 4

Raha mbola ampilohavana vanimpeo iray faharoa io andalana io dia lasa vanimpeo mafy

Ohatra

FA ny VOro NKEly/ NAnteNAIna -> refy paika 3+2 na Refy paika 5 ka ° Na manomboka amin'ny vanimpeo mafy ny andalana Na° ialohavana vanimpeo malemy io vanimpeo mafy io dia tsy mampiova n'inon'inona

a)Rindra kiroaroa hentitra (mitovy ny isan'ny vanimpeo isaka ny andalana)

- Refy paika 1.

Ny teny mivany tokana (oh: a, e, io, fa, mba, ndrao) dia vanimpeo mafy foana rehefa mandeha irery anaty andalana. Mety miova ho vanimpeo malemy izy rehefa any anaty andiana vanimpeo. Ny teboka dia mitovy sanda amin'ny paika mangina.

Ohatra RAha

oMAly niJAly

KA...

niHAritra

Ary niHAfy.

RAha aNIO

hiFAly

aNGAmba

ho TSIky

maHAritra.

Liberty - Refy

paika 2

a/Mitovy hatrany ny isan'ny vanimpeo mafy isaka ny andalana

Ao aNAty

VAtam-PAty MIsy

REny

TSY miTEny

HAtry ny Ela NO

taVEla.

Erika

- Refy paika 4 na 2+2

Ohatra: andalana mihidy - Mahaleontena ny Ampahampisiana isaka ny andalana kanefa mazava ny tiany ampitaina.

Rindra kiroaroa- Refy paika 4

SOlon-NDRAY mba MAnoLOAna SOlon-NDREny

MAhaZAtra:

RAfi-BAto MIkiTOAna,

TAny MEna aMBOny TRAtra

Ny Avana

Ampahany

Fiteny mamiko kilasy faha 3

Régis Rajemisa Raolison takila 50

Andalana mivoha manome andininy mirafitra fehezanteny feno. Rindra kiroaroa - Refy paika 4. Mampiasa vanimpeo mafy voajanahary ary vanimpeo mafy novolena eo amin'ny andalana faha efatra :

- anga-tra sy lolo ---> Anga-TRA sy LOlo

NAnteNAIn-ko PAraDIsa

NY foTOAnaNAO toNTOlo KAnjo

TAny HAY maDIsa

FEno AngaTRA sy LOlo

- Refy paika 6 na 2+2+2 na 4+2

Rindra kiroaroa, Refy paika 6 na Refy paika 2+2+2- Eva ho fanazavana ihany ireo tsipika manasaraka andiana vanimpeo; azonao esorina ireo tsipika anaty andalana ireo TSIkiTSIky/MAnjaMAnja/aNAty FO aNAty SAIna/ho FO noMEna/TI(a)- toKOa
R. Liberty

-Refy paika 8 na 4+4 Izy

mirahavavy.

HAtriZAy FAhaKEliny,/TSY miSAraKA toKOa iRAY

laLAo, iRAY fiTAfy/iRAy faNDRIAna,iRAy fo.

DOX

Ampahany

- Refy paika 10 na 8+2 ka 8 =4+4 na 6+4

TOnga iHAny ny HErin'Andro/TOnga iHAny DIA naNDAlo/TSY taMAna.

TOA vaHIny ZAzaVAo/faHIny vaHIny VAo naTOry/DIA tsy TAna

Liberty.

- Refy paika 12 na 4+4+4

Mba ataovy fanazaran-tena ho fianarana mamorona io LASITRA io.

Sarinteny maroloko/, sarinteny miaina Sarinteny velona/ indraika anefa ...

dia nahantona.

R.L

b/ Rindra kiroaroa foana na dia tsy mitovy aza ny halavan'ny andalana araka ny safidin'ny poeta.

Ohatra

Refy paika 4/2 mifamaly abab

Tabataba lava izao Tsy

mety lany

Gidragidra mankalao

Hatrany hatrany

No manenika ao anatiko.

R. Liberty

Refy paika 4/2 mifamihina abba

Tabataba lava izao

Tsy mety lany

Hatrany hatrany

Hatrao anaty

No mameno ny foko ao

Refy paika 8/4/2/1

Tsy nisy novàna afa-tsy izay namboarina mba hanaraka ny refy paika 8/4/2/1.

Dia tantara ihany sisa/no hany entina manisa

Irony lasantsika irony

Irony androko

Feno jaly

Feno tsiky Irony

izaho naditraditra

Ka...

Indraindray aho tsy hita /sy tsy hay mipitrapitra

Tsisy n'iza mba mijery

F'ao anaty

Irony haizina

Tantara ihany ka tantara,tantara efa voasoratra

Toa lalana efa nosoritana

Tantara ihany ka tantara

Ato am-poko

Ato an-tsaiko

ka...

Toy ny sary

Voarakitra voalahatra...dia nirendrika ho diary Mpanoratra

Fitiavana.

Tanaty Tambajotra serasera 2015.

NGADONA KITELOTELO- RINDRA KITELOTELO- REFY PAIKA MARO MIRAIKA AMINY

Tsiahy.

Tsy dia fitsipipitenenana no atao eto fa Fitsipiky ny HAIFEON'NY TENY (Musique du verbe)

Tsara ho hay ireo tekinika fototra, lafin'ny Haifeon'ny Teny miankina amin'ireo fitsipika fototra ankiroa:

a/ Ny iray miompana amin'ny vanimpeo mafy (voajanahary sy vanimpeo mafy novolena) izay venty fandrefesana andalana,

Ohatra mikasika ny vanimpeo mafy novolena, amin'ny ankapobeny

amin'ny fototeny mivany telo miafara amin'ny ka-tra-na FAntaTRA

daHOlo ny ZAvaTRA laZAIny - VAlaKA aVOkoa ny EriTRA toROvana -

LAsaNA daHOlo ny LAkaNA naNDAlo.

Amin'ny tranga hafa ankoatra ireo dia mbola mihatra io fitsipika io. Izany hoe amin'ny vanimpeo mafy arahana vanimpeo malemy ankitelo misesy.

Ohatra

Amin'ny rehetra ---> A mi n'ny re HE tra no

tena nitenenany-> no TE na NIteNenany

-Hita eto koa fa ny andalana dia mety miatomboka amin'ny vanimpeo mafy na amin'ny vanimpeo malemy iray. Tsy mampiova ny isan'ny vanimpeo mafy isaka ny andalana io.

Ohatra

ZAvatra VEry ny

ZAvatra VEry

- Anaty andalana ny vanimpeo mafy dia arahana vanimpeo malemyiray na roa fara fahabetsany. Raha sendrz misy vanimpeo malemy mihoatra dia mifintina ho vanimpeo malemy iray ireo vanimpeo malemy roa amin'ny fampiasana ny fitsipiky ny Andianjanapeo.

- Anaty andalana, raha toa ny vanimpeo mafy arahana vanimpeomalemy ankitelo dia miova ho vanimpeo mafy novolena ny vanimpeo malemy faharoa

Ohatra

FA nta tra da HO lo -> FAntaTRA daHOlo

- Amin'ny faran'andalana.

Ankoatra izay voalaza etsy ambony, ny vanimpeo mafy dia tsy arahana vanimpeo malemy fa mety arahana vanimpeo moana.

Ohatra

Ireny no olon'ny FO -> zero vanimpeo malemy Fantany

avoKO(a)

ny takona maMO(a)-> (a) no vanimpeo moana sy

resaka fiTI (a)

- Raha misy vanimpeo mafy roa mifanaraka dia mandefitra hovanimpeo malemy ny ankiray.

Ohatra

TAN- TEndroMBOhitra -> tan-- TE ndro MBOhitra.

b//ary ny iray hafa dia ny ANDIANJANAPEO :

Andianjanapeo anaty teny sy amin'ny teny roa mifanaraka.

- Andianjanampeo anaty teny misy ny andianjanampeo atao indraymanononona (synérèse). Ohatra 1/ gina sady mOAna ny fony babangOAna
- Andianjanampeo anaty teny misy ny andianjanampeo atao indroamanononona (diérèse) Ohatra

iREo TEny iREo -> i/R(E/o/ TE/ny /i/RE/o

- T(I/A)/vo

Andianjanampeo amin'ny teny roa mifanaraka.

- Andianjanampeo amin'ny teny roa mifanaraka atao indroamanononona Ohatra:

aza milaLAo Orana

- Andianjanampeo amin'ny teny roa mifanaraka atao indraymanonona. Misy fomba telo. Ohatra 1 mitovy ny zanapeo roa lasan[a a]ny ,-> lasan' any no famaky azy

Ohatra 2 , zanapeo roa indray manonona fantatr[o

a]vy hatrany antsaina toy izao

FAnta[tro A]vy haTRAny (indroa manonona)

na FAnta[TRO A]vy haTRAny (indray manonona)

Ohatra 3 Tsy mitovy ireo zanapeo anefa tsy maintsy alatsaka ny iray

Ohatra

TApak(a e)latra -> TA pa K'E la tra

a/ Mitovy isaka ny andalana ny isan'ny vanimpeo mafy.

Refy paika 1

FAntatro

SAdy

TAkatro

NY Ady

MAfy iZAy

niFAfy

Refy paika 3

Rindra kitelotelo, Refy paika 3

taDIdy ny Any aMPAsana ny

TIAna Efa LO:

ny KIbo NIfoNOsana ny

DAda NIAngoTIAna ny

ZOkiKO niFOsana ny

ZAndry KEly TIAna

Ny Avana

Ampahany takila

64

Refy paika 6 na 3+3

Mbola Rindra kitelotelo saingy Refy paika 3+3. Fehezanteny feno no narindra anatin'io refy paika 6 io: na vanimpeo mafy 6 isaka ny andalana:

a-NOfiNOfy SIsa/ aNAOvaKO an-TSOratra ny

MAsoNAO tsy HItako/ NEfa anKAfiziko. taRAfiKO

an-TSOratra/Ary heNOIko an-KIra haNJAry

HOsoDOko/ma RIhiTR'AnkaMAntatra..

Ikaloyna Vony

Ampahany

Rindra kitelotelo, Refy paika 3+3+3.

Ny andalana dia voazarazara telo amin'ny alalan'ny tsipika ankiroa.

Renin-jaza iny/mihazakazaka iny/mitrotro zazakely,

Marary Ibeby kely/ Ibeby tena tiany/naman'ny Anjely!

Ny tebitebim-pony/izany reko izany/he mihasohaso;

Mivavabavaka izy/sady mitomany/mitelin- dranomaso.

Ny Erika

Ampahany- takila 38

Fiteny mamiko. Kilasy faha 3 - Régis. R. Raolison

Ohatra hafa koa

niSEraNA toa TAratra/avy hamangy ny haiziko

Ilay...

Fitia toa volantsinana/tonga hîdona am-poko

Nanjary lasa tsikiko.../nihoby fanambinana Lavitr'oram-baratra/efa

lasa hadinoko.

Sinthya R

Ampahany

Fanamarihana.

Refy paika 3 io kalo io no narendriko ho Refy paika 6_na 3+3.

Raha mivoha ilay andalana dia heverina ho toy ny andalana iray ireo ary mihatra ny fitsipika fototra :

Ny vanimpeo mafy arahana vanimpeo malemy ankiroa dia tokony arahana vanimpeo mafy.

Ohatra

Niserana toa TA ra tra na

mangy ny haizim-pito

NiSEraNA toa TA ra TRA /na MAngy ny HAIzim-PIto ====> Refy paika 4 + Refy paika 3.

Mba hitazonana ny Refy paika 3 dia namboarina ny Refy faharoa ka lasa hoe

Refy paika 3

Niserana toa taratr(a /A) vy hamangy ny aliko

Refy paika 3+3

Niserana toa taratra /Avy hamangy ny aliko.

Raha toa ka vanimpeo malemy telo no manaraka an'ilay vanimpeo mafy dia miova ho vanimpeo mafy novolena ilay vanimpeo malemy faharoa na sarahana teboka telo ireo vanimpeo malemy faharoa sy fahatelo mifanjohy.

Ohatra

NiSEraNA toa TA ra TRA /na MAngy ny HAIzim-PIto ====> Refy paika 4 + Refy paika 3.

Niserana toa tara/TRA na mangy ny aliko

ilay...

Fitia toa volantsinana/avy hidona am-poko

izay

Nanjary lasa tsikiko/ hoby fanambinana Lavitr'orambaratra/

efa tena hadinoko..

Refy paika 12 na 3+3+3+3

Eto misy tsiky/fa sarotra takarina/itsy misy sento/fa mora...angalarina.

Eto misy hehy/tsy afaka samborina/ sns...

b/ Tsy mitovy ny halavan'ny andalana fa antsoina foana ho Rindra kitelotelo - Refy paika a/b

Ohatra

- Rindra kitelotelo mifamaly (abab)

Refy paika 6/3

Lasalasa ihany/ ny tena eritreritra

An-tany fandalovana

Ny fanahiko avy/ kotsan'ny erikerika

Anaty fahalovana

Azonao ampiasaina ny Refy paika 9/3 sns

- Rindra kitelotelo mifanjohy (aabb)

Refy paika 6/3 na 9/3 na 9/6

Ohatra :Refy paika 6/3 atao mifanjohy

Lasalasa ihany/ny tena eritreritra

Lasalasa foana/kotsan'ny erikerika

An-tany fandalovana

Ambony fahalovana.

Rindra kitelotelo mifamihina (abba)

Refy paika 6/3 na Refy paika 9/3 na Refy paika9/6

Ohatra raisina eto Refy paika 6/3 mifamihina

Lasalasa ihany/ny tena eritreritra

An-tany fandalovana

Feno fahalovana

Ny fanahiko avy/ kosan'ny erikerika

Dia azonao raisina ny Refy paika a/b/d anaty Rindra kitelotelo resahana eto.

Fanamarihana.

Raha voafehinao tsara ny RINDRA NGADON'NY Rindra KITELOTELO, dia tsy ho very mihitsy io fiantsana kitelotelo io na dia soratana atao milahatsoratra aza io kalo io

Ohatra

Kalon'i Rado

Ho any ianao kanefa aza ataonao fantany 'zao fahoriako izao. fa aoka hiafina aminy ny ketoky ny jaly nanempoka ny aiko tanatin'ny longoa 'zay namandrihany ahy...

Rado

Ampahany ao amin'ny boky Dinitra fa naravona hanana endrika lahatsoratra. Tsy mampiova azy raha henoina.

Hojerena manaraka eto ny Rindra mandray roa (sady mampiasa ngadona kiroaroa no mampiasa ngadona kitelotelo.)

Betsaka amintsika no tafiditra ao anatin'io sobika be io. Ilaina tandremana ny rindra ngadona dia kanto foana izay voaforona.

FEHEZO MANDRAKARIVA SY FOLAHY HATRANY NY NGADONA KIROAROA SY NY NGADONA KITELOTELO. Manaraka ho azy ny sisa rehetra. Tsy mampiasa ny kidaomiaramita kidaombità na ny taralila ..

..../...

Ranarivelo Rufin.

RINDRA MANDRAY ROA

Sady mampiasa ny rindra kiroaroa no mampiasa ny rindra kitelotelo.

Tsiahy.

Mifampiankina sy tsy misaraka ny Haifeon'ny Teny (,izay lasitra) sy ny Haisary hosodoko atao amin'ny Soratra (izay akora arendrika anaty lasitra isafidianana) Ohatra:

naKImpiKo ny MAsoko - Refy paika3 niVE

tso an'EriTREritro- Refy paika 3 KA na

MIsaVIsa iREry- Refy paika 4

Ity SAri-NAnaHAry - Refy paika 4

TSY ho VIta HOsoDOko - Refy paika 4

Ny Rindra kiroaroa dia avy amin'ny Ngadona kiroaroa manome vondrona ahitana ireto singa ireto:

Refy paika 1na vanimpeo mafy iray isaka ny andalana

Ohatra

Any ho

Any

MIsy

iNDRIsy

VEry

TSIky...

Refy paika 2

Ao aNAty

VAtam-PAty

MIsy REny

TSY miTEny

Erika -

Refy paika 4 - Vanimpeo mafy 4 isaka ny andalana

Ohatra

TSY mba VEro na MBA rangoLAhy

NO maNAfin'aN'IO fasaN'IO

FA ny NOfoko ZAry maNAhy

NO maNDRAkotr'oMAly sy aNIO

JJ Rabearivelo

Ireto misy refy paika vitsivitsy avy amin'ny Rindra kiroaroa azonao atao LASITRA andrendrehana ny haisary hosodoko miteny natao amin'ny alalan'ny soratra.:

Refy paika 6 na 2+2+2

Refy paika 8 na 4+4

Refy paika 10 na 8+2 na 6+4

Refy paika 12 na 4+4+4

Ary ny Rindra kitelotelo avy amin'ny Ngadona kitelotelo dia manome an'ireto singan'ny vondrona ireto:

Refy paika 1

Refy paika 3- Vanimpeo mafy 3 isaka ny andininy

iMPIry NY faNAhiko 'zay

NOraTRAin'iREny no LAsaNA

niRAhiko haNDRAto Aina

TEny Ny Avana

Ramanantoanina

Ampahany takila 64

Fiteny mamiko kilasy faha3:- RR Raolison

Refy paika 9 na 3+3+3

Refy paika 12 na 3+3+3+3

RINDRA MANDRAY ROA MILAMINA

A/ Rindra mandray roa milamina dia ireo manaraka an'ireto fitsipika ankitelo ireto;

1/-Refy paika mifanjohy aabb Ohatra

Any ho any ,- Refy paika2

Misy tany - Refy paika 2

Very lamba mena - Refy paika 3

Very volamena - Refy paika 3

na 2/ Refy paika mifamaly abab

Ohatra

Any ho any misy tany - Refy paika 4

Mbola manantena - Refy paika 3

Lamba maintso handrakotra azy-Rp 4

F'izay no volamena -:Refy paika 3

na 3/ Refy paika mifamihina abba Ohatra:

Any ho any misy tany - Refy paika 4

mbola manantena - Refy paika 3 hery

volamena Refy paika 3

Lamba maintso iandrandrany -Refy paika 4

Vola sy harena

B/ Rindra mandray roa saritaka sokajy 2

Izany hoe tsy manaraka ny fitsika filaharan'ny refy paika mifanjohy na mifamaly na mifamihina fa araka ny nahim-pon'izy poeta. Amin'ny ankapobeny ny refy paika ampiasaina dia ireto telo ireto:

Refy paika 2 na 4 sy Refy paika 3

Refy paika 3 sy Refy paika 4 na 2

Fa maninona no ireo refy paika ireo ihany no raisina? Raha mihoatra an'ireo izy dia RINDRA MANOKANA no anarany.

Ny zava-dehibe dia ny fifehezana ho kanto ny RINDRA NGADONA.

Ohatra

Refy paika 1/2/3/4 Any

iVElany Any iNJAny

KOtro-BAratra VAry

RAraka

TSElaTSElaTR' Afo

Efa mila

Hila

Hananika ny tafo

Tafo Afo lanitra

Sy tsero-ngeroNA mandrangitra

Ady

Anaty hady

HaiziNA tsy laizina...

Any

Ho any...

Injany...

R . Liberty.

Fanamarihana. Momba ny haisary hosodoko an-tsoratra dia misy fomba roa fototra: 1/Mahitsy sy ankolaka

- Haisaryloko mivantana mahitsy tsisy mpanalalana

Ohatra

Mitoto vary i Bozy

-Haisaryloko mivantana an-kolaka

Toy ny olona mitoto vary ny

figodon'ny fandehany

2/ Fampitahana sary mifandrafy

- Fampitahana sary mifandrafy mahitsy na fampitahana sary mifandrafy ankolaka.

Sary mifandrafy na TENY sarinteny mifandrafy. Izany hoe Teny iray ankilany na andaniny dia afaka mifanambady ara-bakiteny.

Ohatra.

Saina vato sy fo lonaka

No nandravany

Ny eritreritra masoandrony.

NB/ ny teny roa tsy tokony hiaraka no hampiarahana dia miteraka saryloko metisy vaovao (mariage du mot concret avec du mot abstrait surtout) ; teny hita vatana ny iray ary teny ankoatrahoatra ny iray.

Ny teny hita vatana roa samy hafa koa dia azo ampirafesina.

Ohatra

Kitay varatra no nentiny nampangotrahany ny eritreriny hotsaka sy valaka.

-Ireo rehetra ireo sy ny tsy àry voalaza dia Fanodinana ny sary ampirafesina ho kanto ho haisary hosodoko kanto vitan'ny soratra irery ihany. Tsy vitan'ny borosin- doko io.

Fehiny

Tsy vao noforonina akory ireo fa efa misy hatry ny ela, tany any amin'ny niandohan'ny poezia tandrefana na tatsinana tany ary efa lasa ERITRERITRA FANDOKOANA IRAISAN'NY MPANAKANTON'IZAO TONTOLO IZAO.

Any amin'ny FAmpivoarana ny HAisoratra MAlagasy , Mianatra poema no hanazavana bebe kokoa an'ireo.

Ny hoe poezia moa dia teny frantsay nogasiana mivoy kolontsaina niaviany. Ao anatin'ireny ireto karazana haisary hosodoko amin'ny teny frantsay : lyrisme, romantisme, réalisme, symbolisme, surréalisme.
Ranarivelo Rufin

NGADONA MANOKANA

RINDRA MANOKANA SY RINDRA AFAKA.

Mampiasa ny Rindra mandray roa misy ny ngadona kiroaroa sy ny ngadona kitelotelo, saingy tsy amin'ny tsanganana kalo fa amin'ny tsivalanany anaty andalana.

Rindra ankitelo no hita ao amin'ny ngadona manokana dia ny Rindra manokana 5 sy ny Rindra manokana 7

1/ Rindra manokana 5 a/

Refy paika 3+2

Andro maina lava/ny eny an-tsaha

Vahatr'aina foana/ ny ao anaty

Eny an-taho ny ainy/mivahavaha Ringidringitra

eny/mandramaty.

R Liberty

b/ Refy paika 2+3

Eny an-tsaha/ny andro maina lava

Ny ao anaty/toa vahatr'aina foana

Mivahavaha/hatreny an-daingo tava RingiTRA

/madiva babangoana.

R . Liberty

2/ Rindra manokana 7 a/

Refy paika 4+3

Fahanterana efa re/mamindro anaty aretiny

Fahanterana efa mbÿ /tsy azon'iza tanana

No sady tsy azonao tambazana/amin'izay fananana

Fa fananana izy manana/efa afo nentiny

R. Liberty

b/ Refy paika 3+4

Ny afo omaly nentiny/no fananana naterany

Tsy azon'iza itsahina/no sady tsy azonao robaina

Fa voninkazo velona/'zay mamelona fahanterany

Mamindro ny tantarany/eny an-tsahan'ny andon'aina

3/ RINDRA MANOKANA MANDRAY ROA

a/ Refy paika 4+3/3+2

Ary hitako fa tsy misy/zavatra maharitra

An-tany fandalovana/ mahafinaritra

Dia mandalo sy mihelina/.Nandinika aho nisaina

Niandry sy niaritra/saingy maina! Fa akory tsisy

mihitsy/toerana sy faritra Lazaina fa tsy

tratrany/lavitra aina!

Dia azonao tohizana ny famoronana anatin'ireo lasitra ireo.

b/ Refy paika 3+4/2+3

d/Refy paika 5/7 na Refy paika 2+3/3+4

e/ Refy paika7/5 na Refy paika 3+4/2+3

sns...

RINDRA AFAKA (Vers libres)

Mbola ao anaty rarinteny hentitra io ary fehezin'ny fitsipika manokany.

Rindra afaka ahitana ny Rindra mandray roa sy ny Rindra manokana.. Ary izay no toetrany ankoatra ny refy paika 1 izay iombonan'izy rehetra.

Ohatra.

Refy paika 1/2/3/4/5/6/7

Teny - Refy paika 1

Nianarako nibada- 4

Nianarako ny Dada- 4

Nahaizako ny Neny- 3

Teny- 1

..../...

Dia nitombo teny/ny fahaizako- 3+2(5)

Haiko ny niteny/toy ireo mpitaizako-6

Nahazatra /tena vantana amiko- 2+3

.....

Moa rehefa ambony/ka azo izay nirina-6

Dia ny an'ny tena/no tsy tiana sy ariana-Refy paika 7 (3+4)

S. Randria

Ampahany

Fiteny mamiko kilasy faha 3

Régis Rajemisa Raolison pejy

29 sy 30

Fehiny

Ny Rarinteny hentitra dia nahitantsika karazana Rindra mitovy na tsy mitovy ny halavan'ny andalana. Ary isaka ireo karazana Rindra ireo dia misy karazana Refy paika milamina na saritaka.

Mikasika ny rima ivelany (amin'ny isaka ny faran'andalana), ankoatra ny miady ngadona dia tokony ho miady rima. Tsy voatery ho miady ngadona anefa. Ny miady ngadona no tena fitsipika hentitra.

Hitantsika ireto

Rindra kiroaroa misy ny Refy paika1,2_4_6_8,10,12

Rindra kitelotelo misy ny Refy paika 1,3, 6,9,12

Rindra mandray roa ahitana ny Rindra kiroaroa sy ny rindra kitelotelo

Rindra manokana milamina

Voahaja hatramin'ny faran'andalana ny Refy paika napetraka arahana.
Ohatra

Refy paika 3+2 na Refy paika 2+3

Refy paika 4+3 na Refy paika 3+4

Rindra manokana saritaka

Araka ny nahim-pon'ny poeta ny fampiasana an'ireo

Ohatra ao amin'ny Refy paika 5 dia ahitana andalana Refy paika : 3+2 arahana Refy paika 2+3 sns

Ohatra iray koa ao amin'ny Refy paika 7 ahitana andalana misy Refy paika 4+3 arahana Refy paika 3+4 sns...

RINDRA MANOKANA 7 (3+4 na 4+3)

Rindra manokana 7 milamina. Voahaja hatramin'ny farany ny Refy paika apetraka

Ohatra : Refy paika 3+4

Iny lalana iny/ mitahiry ny andro omaly Iny

nofiny iny/mbola iny lalana iny

Lalana efa rava/mitahiry tsiky sambatra

Nofy iray mamelana/mbola tsikim-boninkazo.

Ary mbola azonao ampivadiana ireo .

Ohatra: Refy paika 2+3/3+4

Iny lalana iny / mitahiry ny andro omaly

Mbola iny lalana iny/no vita sary anaty nofiny

RINDRA AFAKA (vers libres)

Ary farany ny RINDRA AFAKA ,(Vers libres) izay faritana toy izao:

Ny Rindra afaka dia mbola ao anatin'ny Rarinteny hentitra ary fehezin'ny fitsipika ao aminy.

Ampiasainy ao aminy daholo ny

- Rindra kiroaroa sy ny
- Rindra kitelotelo ary ny
- Rindra manokana

Ohatra

Narindriny avokoa - Refy paika 3

Ary nohidiany Refy paika 3

Tsy nasiany - Refy paika 2

Indrafo - Refy paika 2

Izay rehetra/hetahetam-pony - Refy paika 2+3

Narindriny avokoa - 3

Tsisy izay tavela/ny fanirian'ny andro lasany-3+4

Tsy hay nandrasany Refy paika 2

Dify - Refy paika 1

Dia narindriny... Refy paika 2

Ho jerena manaraka ny momba ny Rarinteny malalaka.

Ranarivelo Rufin.

RARINTENY MALALAKA.

A/ RINDRA MALALAKA .(Vers libérés)

Fehezanteny feno notapatapahana na nozarazaraina ho vondrona ngadona mira andalana ka atao tsanganana tononkalo na apetraka amin'ny endrika lahatsoratra

1/ Rindra malalaka (vers libérés)

a) Fehezanteny tsotra narafitra ho tsanganana kalo. Haisary hosodoko mivantana sy tsotra no arendrika anaty tsanganana kalo araka ny nahim-pon'izy poeta.

Indro ampahana Rindra malalaka noforonin'i Ener Lalandy. Mariho fa eny ho eny misy vondrona ngadona mira andalana mitovy refy paika 3

Ohatra Taona maro
lasa no efa
nifandimby, ka ny
sarisary nentina
nampianatra teny
ambanivohitra.
Indro àry ny rindra malalaka amin'ny endrika tsanganana
II - Ilay vahininy
Tsia,
Tsy ilay vahiny omaly voalazako
intsony.
Fa ireny... dia tantara
sisa no isiany. Taona
maro lasa no efa
nifandimby, ka ny
sarisary nentina
nampianatra teny
ambanivohitra no
mivela hitantara ao
anaty Rova! Ka sady
mitantara izy no
manopy maso

eny amin'ireo vokatra

maro eny an-tsaha. Fa

izaho no ilay vahiny

vahinin'ilay vohitra

vahinin'ny sakaizako

nanasa ahy hamangy

ny akany vao naoriny.

Ener Lalandy

Ampahany nisintonina tao amin'ny boky "An-tsaha" nosoratany takila 15-16

b) Fehezanteny tsotra ahitana tamberinteny sy tamberina rafitr'andalana na rafitr'andininy

Ohatra iray ity kalo nosoratan'i Harilala Ranjatohery ity:

Nandramako nohenoina ny fidobodoboky ny foko eo am-

piandrasana ny hivelaran'ny voninkazo iray

Nandramako nohenoina ny firohondronan'ny rian-drako

eo ampanantenana ny entom-pofomanitry ny felana

tanora.

Dia reko ny ao anatiko

mientanentan'ny amponga tsara henjana

Reko ny ao anatiko misasasasa siokan-tsodina

mampiara-peo. Reko ny ao anatiko milamako

fivoy miadidy lakana

Ary hitako ny rako mihoa-tsisiny manorika ny

nofoko afindran'ny rivotry ny maraina ho ery

amin'ny voninkazo iray mamontsina.

Ranjatohery Harilala

Ampahany nosintonina tao amin'ilay tambatra takila milohanteny hoe ",Masom-bolana"

KALO MILAHATSORATRA (poème en prose)

a) Fehezanteny tsotra ahatsapana rindra ngadona sy haisariloko na haisary hosodoko miendrika AMPAHAMPISIANA fohy (séquence de vie) na Ampahampiainana fototry ny TANTARA FORONINA (Filazalazanjavatra na sady Fitantarana na sady Resaka ifanaovana na sady Rohimpisainana.)

Ny ngadona dia miendrika tamberinteny sy tamberin-drafitra. Ao koa ny lokon-janapeo sy lokon-drenifeo.

Ohatra : Rohimpisainana manana endrika kalo milahatsoratra nosoratan'i Rakotoson Emeralda ity:

Ry Fanadinoana! Ry Fanadinoana!...Mitady anao eny imoron'ny alina aho ka mikatsaka anao hatreny anatin'ny fahanginana! Nefa indrisy!

fa arakaraka ny hanatonako anao no handosiranao ahy, ary arakaraka ny hitadiavako anao no hiafenanao ny tavako! Ry Fanadinoana! Aiza no ahitako anao? Ry Fanadinoana! Aiza no itoeranao?

Rakotoson Emeralda

Ampahany

Takila 114 Fiteny mamiko kilasy

faha 3 - R R Raolison.

b) Fehezanteny tsotra sy feno ahatsapana ny Haifeon'ny teny sy Haisary Hosodoko an-tsoratra.

Ohatra : Ampahampisiana nosoratan'i Edmond Ravalison. Fiteny mamiko kilasy faha3 - takila 126.

Dia nisoka tery amin'ny faravodilanitra taza-maso ilay sahafa volamena tsy miangatra. Tsy nahalava oroanana ny tany ny lamba maintin'ny alina fa nalaky sarona izy. Efa dify ela ny "tsy ahitantsoratr'omby" fa eo amin'ny loha tory indrindra tamin'izay. Ngaly sady ngizina ny haizin'ambanivohitra fa tsy mba nananajiro varatra hamotsiana azy iretsy mpamboly mandadiana. Nanjaka tanteraka ny fahanginana, satria tsy afaka nanongana azy eo amin'ny fiketrahany na ny angely basivava na ny siokam-borona diso akany. Manomboka ho renoka i Sakambahiny!
Edmond Ravalison

Ampahany- takila 126 Fiteny

mamiko kilasy faha 6 R R

Raolison.

LAHATSORATRA POETIKA (prose poétique)

Ito dia ampahana sombimpiainana (récit) amin'ny ankapobeny na kalo milahatsoratra nitarina ka manana endrika Rindrana kalo sy Rindrana hosodoko.

Ohatra ho raisina eo amin'ny sorakanto malagasy ity nosoratan'i Ranarivelo Roel ity ahitanao ny Filazalazanjavatra sy Fitantarana ary ny rohimpisainan'ny mpanoratra miditra an-tsehatra. Ampahany izy ity no aseho eto:

Salohy sy ny tontolony no lohateniny "Nandalo

teo aho...

Tsy nihantsy ny toerana sy ny vanin'andro hamongatra ny tahirintantarany akory. Fa ny omaly mamelona endrika sy feo ao amin'ny tadidy , ny teniny mampita hery teo am-pandraisan-tanany ahy no nampivily lalana ahy.

" Mahombiaza anaka, tafità! soa!"

Fa adidy koa ny fahatsiarovana: adidin'ny fisiako teo amin'ny fisiany.

Nandalo teo aho...

Hitako ny fivalampatry ny tanàna ivan' Ambatonakanga, ny firentirentin'ny tranobe mijoalajoala, ny figodanan'ny arabe mahitsy..
(...) Tontolo mamirapiratra. Tontolo mikotaba. Tontolo mihetsiketsika(...).

Hitako koa ny firafitry ny rihan-trano iray (...) rindrina efa vasoky ny taona maro nitsanganany. Tafo fanitso kikisan'ny harafesina.Lavarangana efa mihefakefaka valin-girodona.(...)

Maizina sy mihiboka ny efitra. Efa antitra toy ny valin-tafo ny gorodona. Miendakendaka ny temitra amin'ny rindrina.(...) Azo isaina ny fanaka amam-,pirongony misy ary efa tranainy avokoa : latabatra iray sy seza vitsy efa konka no eo am-pidirana; latabatra kely iray hafa misy ny fitaovam-pahandroana sy fisakafoanana ifanilan'ny siniben-drano.(...). Tontolo

manjombona. Tontolo mangina. Tontolo tomandavam-piaina. Tontolo mihiboka. Tontolo mijanona ho tranainy.

Nandalo teo aho...

Nisy endrika teo amin'ny toerana samy hafa nitamberina tao an'eritreritro: i Salohy sy izay fantatro ho niara-niaina taminy tao anatin'io tontolony io ihany. I Salohy vao voalohany nahalalako azy:
(...)

Tsaroako efa nilaza efa taizan'aretina nandritra ny dimby ambin'ny folo taona izy..ary efa nibaboka leom-panafody... Manamarika izany ankoatra ny fahanterany anakaikezana ny faha valopolo taona, ny toetr'endriny: hodii-tava makiana, takolaka mihakempaka, maso somary ranga (...)

Nandalo teo aho...

Nisy rivo-piainana hafa nitsoka tao amin'ny efi-pahatsiarovako : i Salohy sy ny fiainany anaty.. tantara itampodian'ny eritreriny mazàna.
Dia tantara tiany handosirany kanefa zary toerana iereny..

ny mavesatra indrindra : " indroa maty vady aho ary indroa rava harena." hoy izy tamin'ny fo maratra. (...)

Tsy tiako ,hoy izy, ny mamohafoha ny lasa. Saingy rehefa mahita dia mahatsiaro..

Nafeniny olona ny tranony...

Tontolo anaty kelikely finoana ny amin'ny lalana diaviny sy ny fotoana isiany...Izay no tsaroako teo amin'ny tontolo anatin'i i Salohy.

Nandalo teo aho..

Nampahhhatsiaro ahy ny asa vitany sy ny zava-bitany... fa tsy olona mikombona ho an'ny tenany samirery (izy) fa manana tontolo mivelatra sy mamokatra ety ivelany i Salohy: NY ASASORANY!

Tsy ny asasoratra novokariny ihany no nananany firaiketam-po fa ny ny sehatra iasan'ny zavakanto lalainy koa. ...iray amin'ireny ny UPEM..

(...) Tontolon-javakanto....Tontolo mivelatra amin'ny iray rà aminy sy ny fireneny...Tontolo ivelan'ny izy faharoa.

Nandalo teo aho

Tsy nihantsy ny toerana sy ny vanin'andro hamongatra ny tahirintantarany akory. Fa ny omaly mamelona endrika sy feo ao amin'ny tadidy , ny teniny mampita hery teo am-pandraisan-tanany ahy no nampivily lalana ahy.

" Mahombiaza anaka, tafità! soa!"

Fa adidy koa ny fahatsiarovana: adidin'ny fisiako teo amin'ny fisiany.

Ranarivelo Roel.

Ao anatin'io Ampahana sombimpiainana io no ahafahanao manovo ny atao hoe HAIFANORATRA manana endrika KALO MALALAKA.

Ranarivelo Rufin

Fehiny

Ny kalo milahatsoratra endrika 1 dia ampahampisiana tsotra (lahatsoratra foronina) saingy voarindra sy voakaly , mety iray amin'ireto: Filazalazanjavatra (description)- Fitantarana (narration)Resaka ifanaovana amin'ny tena na amin'ny hafa (dialogue, monologue)- Rohimpisainana (pensée). Azo lazaina fa toetra fototra niorenan'ny Tantara foronina maoderina.

Ny kalo milahatsoratra endrika 2 dia ampahampisiana manaraka ny toetran'ny kalo eo amin'ny lafiny haifeon'ny teny sy ny lafiny haisary hosodoko atao amin'ny soratra.

Ny lahatsoratra poetika (prose poétique) kosa indray dia ampahampiainana ,(lava noho ny kalo milahatsoratra ary fohy noho ny sombimpiainana). Miavaka ao ny mahakanto azy eo amin'ny lafiny haifeon'ny teny sy eo amin'ny lafiny haisary hosodoko). Vitsy ny mpanakanto soratra manana an'io HAIFANORATRA KANTO maneho ny ",iziny" io.

TSY IANARANA NY HAIFANORATRA FOTOTRA IZAY IZIN'NY POETA MIVELATRA SY MAMONY ANIVON'NY SORATRA. AZO IANARANA KOSA NY HAIFANORATRA FANAMPINY NOTSOAHINA AVY TAMIN'NY TRAIKEFAN'IREO POETA SY AVY TAMIN'NY TEKINIKAN'NY FOMBA FANORATRA LAHATSORATRA FORONINA.

Tiahivina fa ny Rarinteny malalaka ahitana an'ireto:

- Rindra malalaka (vers libérés)
- Kalo milahatsoratra (poème en prose) - Lahatsoratra poetika (prose poétique)

dia Teboka sy faritra iombonan'ny Poezia na kalo sy ny Tantara foronina sy ny namany

- Tantara foronina (Roman)
- Sombintantara (Nouvelles)
- Sombimpiainana (récit)
- Ampahampiainana : kalo milahatsoratra na lahatsoratra foronina (poème en prose na composition)

Ranarivelo Rufin

RARINTENY MANDRAY ROA.(Rarinteny hentitra sy Rarinteny malalaka no ampiasaina amin'io ary antsoina hoe Rindra Bemiray ny Rindra azo avy amin'ireo

1/ Rindra bemiray manana endrika tsanganana kalo

Rindra ankiroa no mameno azy ao dia ny Rindra afaka avy amin'ny rarinteny hentitra sy ny Rindra malalaka avy amin'ny Rarinteny malalaka. Mety misy miady rima eny an-tsefatsefany eny, rima anatiny sy rima ivelany, ngadona anaty sy ngadona ivelany.

2/ Rindra bemiray ihany koa no narafitra ho lahatsoratra. Rindra ankiroa no mamatotra azy ao dia ny Rindra mandray roa sy ny kalomilahatsoratra.

RARINTENY FENITRA

FANAZAVANA MIALOHA

Raha mbola ANDRANA (natao hotovonana sy hotovanana sady natao hanesorana sy hampiana ny tambatratakila nanaovana ny Rarinteny malagasy tamin'ny 01 Janoary 2016, dia Rarinteny Fénitra amin'ny alalan'ity Dingana ity kosa no kasaina apetraka eto ho an'ireo izay liana amin'ny Fampivoarana ny Haisoratra Malagasy na ny mitombona kokoa dia ny FAmpivoarana ny SOrakanto MAlagasy.

Fintinina fohy àry ny lalana nizorany sy ny drafitra narahany.

IREO LALANA NIZORANA..

1/ - Niainga tamin'ny asa fikarohana nataon'i Régis Rajemisa Raolison sy Rabearifeno Albert nanoratra an'ilay bokikely milohateny hoe Rarinteny ary ny boky " Haintenin'ny Ntaolo " nangonin'i François Rakotonaivo ny fikarohana natao . Nosedraina tamin'ireo asasoratr'ireo poeta tanora vao misondrotra tamin'ny taona 2015 ireny ka nanaovana nyi Tambatra takila andrana tamin'ny taona 2016 mbola nasiana fanitsiana sy kitika maro taty

airiana . Ary izay no loharano nipoiran'ity Boky nomerika Dingana hihoaran'ireo zandry ao aoriana ity. Fa izay no lalan'ny Fampivoarana ny Sorakanto.

Niraisan'izy mirahalahy ireo (R. R Raolison sy Rabearifeno Albert) fa ny VANIMPEO MAFY NO VENTY FANDREFESANA ANDALANA rehefa mamorona kalo na poezia. Ary voamarina ao amin'ny Haintenin'ny Ntaolo izany. Vanimpeo mafy voajanahary raha tsindriana kokoa. Vanimpeo mafy arahana vanimpeo malemy iray na vanimpeo malemy roa na vanimpeo malemy telo aza (izay nametrahana petra-kevitra ho vahana) ohatra:

TRAno RAva>vanimpeo mafy voajanahary arahana vanimpeo malemy iray ba NJI ni na> vanimpeo mafy voajanahary arahana vanimpeo malemy roa

FA nta tra da HO lo> vanimpeo mafy voajanahary arahana vanimpeo malemy telo.

Tamin'ireo kalo maro voasoratr'i Dox sy ny toa azy dia nahatsapana an' ireto trangan-javatra ireto:

- a/ Vanimpeo malemy miova ho vanimpeo mafy

Fitsipika: ny "ka" "tra" "na" izay vanimpeo malemy faharoa ao amin'ny teny mivany telo izay mbola arahan'ny teny manomboka amin'ny vanimpeo malemy dia miova ho vanimpeo mafy antsoina hoe VANIMPEO MAFY NOVOLENA.

Ohatra

FA nta (TRA) da HO lo ny ZA

va (TRA) ta TE ri ny

- b/ ary vanimpeo mafy voajanahary miova ho vanimpeo malemy.

Fitsipika: Raha misy vanimpeo mafy anankiroa mifanaraka dia mandefitra ho vanimpeo malemy ny iray

FA RA ha ta FI ta A ho> fa RA ha ta FI ta A ho.

BE KI bo TSY ma NA vy > be KI bo TSY ma NA vy HO no i VO ni ZO ngo

TAN-DRIngiRIngy > TAN- dri ngi RIngy

TAN-TEndroMBOhitra > TAN-te ndro MBO hi tra

Haintenin'ny Ntaolo

Lah 174 - ampahany

-d/ Ahoana ny fomba entina manazava an'izany.? Mety izay angamba ny nametrahana ny raikipohy rotinina Kidaomiaramitakidaombitàh na koa taralila sns...

Ohatra:

Rindra kiroaroa- Refy paika>8 na 4+4

Ny zava-kiNE-ndri-ny /-dia FAntatra ihany Ny

lasa naVE-la-ny /-dia TAkatra hatrany Ny lasa

naE-li-ny-/ dia LAtsak'am-pony Toa vanja naLE-

vi-ny/ tsy ZAkany intsony Fanamarihana.

1/ Tranga manokana no miseho eto: ny Vanimpeo mafy dia arahana vanimpeo malemy telo ary izay vao arahana vanimpeo mafy. Mifanandrify tsara ny toeran'izy ireo ao amin'ny tsanganan'ny andalana. Ohatra ny lasa na [VE la ny dia LA]tsakabam-pony.

2/ Tsy maintsy natao mifanitsy ny toeran'ny vanimpeo mafy arahana vanimpeo malemy telo manomboka amin'ny andalana voalohany ka

hatramin'ny andalana farany vao voatana ny ngadon'ny kidaomiaramita kidaom-mbitàh

- e/ Farany, ny teny mivany tokana raha mandeha irery anatyandalana (refy paika 1) dia vanimpeo mafy foana fa rehefa anaty andianteny dia mandray roa
- :na izy mijanona ho vanimpeo mafy,
- na izy miova mandefitra ho vanimpeo malemy.

2/ ANDRANA teo amin'ny Tekinika famoronana poezia (tambatra takila ny 01 janoary 2016)

Napetraka ho anankitelo ny sokajina rindra (vers) dia - ny rindra manara-dalàna (vers réguliers,) - ny Rindra afaka (vers libres)

Ao anatin'ireo no misy ny

- andalana mihidy na
- andalana mitafitafy (enjambement - vikina- sy rejet -tsipy) ary ny
- andalana mivaha na mivoha
- ary ny Rindra malalaka (vers libérés) izay tsy fehezin'ny fitsipiky nyRarinteny Hentitra saingy fehezin'ny fitsipiky ny Rarinteny Malalaka.

Anaty Rarinteny malalaka dia ahitana an'ireto:

- Rindra malalaka (vers libérés)/Na/Fehezanteny feno no nozarazarainavho vondrona ngadona (groupes rythmiques)/ narafitra ho tsanganana kalo izay mety ahitana rima ivelany na tsia na tsindraindray eny an-dalana eny.

- Kalo milahatsoratra (poème en prose) . Mety kalo amin'ny Haifanoratra kanto na mety ho lahatsoratra foronina (cimposition) ahitana haifandrindrana asasoratra.
- Lahatsoratra poetika (prose poétique).

Napetraka tao ihany koa fa ny fototra dia ny fahaizana manavaka ny vanimpeo mafy amin'ny vanimpeo malemy eo amin'ny fampiasana ny teny sy fototeny, ny sampanteny sy kambanteny ary ny teny miverindroa sy ny teny vahiny nogasiana.

Ohatra: toeran'ny vanimpeo mafy

a) Ao amin'ny Fototeny mivany roa:

- Amin'ny ankapobeny dia ao amin'ny vanimpeo voalohany no misyny vanimpeo mafy voajanahary.

Ohatra:

TE ny - LA sa -

Amin'ny tranga manokana dia ao amin'ny vanimpeo faharoa no misy ny vanimpeo mafy

Ohatra,amin'ity fototeny fototra tsy ahazoana sampanteny ity (mety teny vahiny fahiny nogasiana) zo- MÀ -

- Ao amin'ny Fototeny mivany telo:

Amin'ny ankapobeny dia ao amin'ny vanimpeo voalohany no misy ny vanimpeo mafy voajanahary.

Ohatra:

FA nta tra - LA li na -

Amin'ny tranga manokana dia ao amin'ny vanimpeo faharoa no misy ny vanimpeo mafy Ohatra,:

ta LA ta - la LÀ na - ta NÀ na -Ao

amin'ny fototeny mivany tokana:

Mandrakariva dia vanimpeo mafy foana ny teny mivany tokana rehefa izy mandeha irèry anaty andalana Refy paika 1.

Ohatra

Mafy ny rivo-nitsoka - Refy paika 3

Fa...- Refy paika 1

Ny fony tsy taitran'ny dona - Refy paika 3

Mandray roa kosa izy rehefa tafara-dia anaty andian-teny. Izany hoe indraika vanimpeo mafy ary indraika vanimpeo malemy.

Ohatra:

mba fo sy rà ve? mba FO sy RA ve ?

Fanampiny: Vanimpeo mafy ao amin'ny sampanteny sy kambanteny, teny miverin-droa sy teny nogasiana,

Ho jerena amin'ny antsipiriany ao amin'ny velakevitra.

Ranarivelo Rufin

NGADONA NOTSOAHINA TAO AMIN'NY HAINTENY

- Sarotra ny tsy handalo handinika ny hainteny eo amin'ny tantaran'ny kalo na poezia malagasy ; fandinihana ny Haintenin'ny Ntaolo nangonin'i François Rakotonaivo ka nahitana sy nahatsapana an'ireo karazana NGADONA efa nampiasain'ireo poeta sasantsasany fahizay:

° tao ny Refy paika izay ngadona ivelany (andalana miady

ngadona) ohatra

NObaNJIniny

NOfiHIniny

° tao Ny Ngadona anaty toy tamberimpeo sy tamberinteny (tsilalaompeo sy tsilalaon-teny) ary tao koa ny tamberin'andalana

° tao koa ny faingo (paozy) eny an-tsefatsefaky ny andalana izay voamariky ny maripiatoana midika ho paika mangina sy firafitry ny fehezanteny (césure syntaxique)

° tao koa ny rima ivelany sy ny rima anatiny izay mbola ngadona ihany koa.

Nivoaka avy tamin'io ny RINDRA-NGADONA eo amin'ny kalo hentitra sy kalo malalaka. Ho jerena manokana ao aoriana kely.

Fa ambonin'ireo rehetra ireo dia ireto Ngadona anankitelo ireto:
a/Ngadona kiroaroa : Refy paika {1,2,4,6,8,10,12,...}-

Ohatra

Refy paika 2

Izoky nihanta

Nahazo voasary

Izandry niangola

Nahazo akondro.

Refy paika 4

Sodokan'akora/ ka maty an'ady

Tsontsam-paika/ka matim-bela

Tsontsan- kaotra/ ka zary hazaka

Tsontsam-pitia/ka votso-droa.

Haintenin'ny Ntaolo lah 156

Ampahany

Refy paika 6 na 2+2+2 sy Refy paika8 na 4+4

b/Ngadona kitelotelo : Refy paika {1,3,6,9,12,...}

Ohatra

Refy paika 3

iaNAO tsy LAny DOka

iZAho tsy LAny REhaka

ianao tsy lany zara izaho

tsy lany tandrify ianao

masaka am-bava izaho

matavy an-dela. koa...

Samia masina an-taniny

Haintenin'ny Ntaolo

Lah 133

Ampahany.

Refy paika 6 na Refy paika 3+3

NEfa TEny FOAna/iZAny Ahy iZAny/FA tsy VItan'Olona

Afa- TSY ianaREO/ IzaHAy ry DAda/Iza HAy ry NEny

Haintenin'ny Ntaolo

Lah 178

Ampahany

d/Ngadona manokana: Refy paika {1,5,7,....}

Ao amin'ny Hainteny ny ngadona manokana dia hita ao amin'ny kisendrasendran'andalana anivon'ny ngadona kiroaroa sy ngadona kitelotelo

Ohatra

Refy paika 5 - na Refy paika 3+2 na 2+3

Refy paika7 - na Refy paika 3+4 na 4+3

Teo amin'ny lafiny sarinteny (teny andikana ny 'image" na Haisaryloko na Haisary hosodoko moana (izay vitan'ny borosin-doko jinerin'ny maso mivantana) na Haisary hosodoko velona (izay vitan'ny soratra ka azonao sary an-tsaina toy ny horonan-tsary na film) dia tao ny

- Sarinteny mivantanaOhatra:

- Sarinteny an'ohatra na an-kolaka

Ohatra

-Sarinteny misarina tantara kely

- Sarinteny mifandoko ka manome haisariloko ankoatrahoatra

Ohatra

Marihana fa maro ny fomba fanaovana saryloko amin'ny alalan'ny soratra. Ohatra ankiray: ny sary ihany no ampirafesina entina manoritra sy mandoko endri-tsary iray (fampiasa izy io aminlny kalo ankoatrahoatra na surréalisme)

-3/ Faribolana FA.HA.MA.

Tsy fikambanana fa Fihaonana ahafahana mifampizara traikefa sy fikarohana mifototra amin'ny fampivoarana ny sorakanto malagasy.

Nandalo teo amin'io faribolana FAHAMA io ireo tanora mpanoratra vitsivitsy manodidina ny taona 1980,: FAmpivoarana ny HAisoratra MAlagasy.

Tao no nifaneraserana tamin'ireo karazana ngadona kalo na poezia sy karazana haisaryloko fanao, hita tao amin'ireo sorakanton'ireo poeta vahiny, indrindra indrindra ireo kolontsaina tandrefana nolovaina toy ny " lyrisme, romantisme, réalisme, symbolisme, surréalisme", .izay nolovain'ireo mpahay sorakanto malagasy . Misy foana moa ny haisaryloko iombonan'ny fo amam-panahin'izao tontolo izao.

Misy ny TEKINIKA omban'ny fitsipika ankapobeny mifehy azy ireny

- ny haifeo entin'ny teny
- sy ny fanaovana saryloko miaina na saryhosodoko amin'nyalalan'ny SORATRA.

Tsy hadino tanatin'io vanimpotoana io i Rahajarizafy Rémi, tonian'ny fanoratana tao amin'ny gazety Vaovao izay nifandray akaiky tamin'ireo tanora mpanoratra tanaty sy ivelan'ny Fahama ka nanely tanatin'io gazety io ny sorakanton'izy ireny.

Toraka izany koa ireo gazety hafa toy ny gazety Atrika, ny gazety Dina, ny gazety Ketaka, ny gazety Imongo vaovao, ny gazety boky Sakaizan'ny Tanora sns...

Mbola tao amin'io FAHAMA io ihany koa no niadian-kevitra ny momba ny kalo miady ngadona sy miady rima.

Hoy i Ramy Rafalindranto tamin'izany. Poeta isan'ny sarotiny teo amin'ny poezia miady ngadona sy miady rima. Kanefa niaiky izy fa na tsy miady ngadona aza ny kalo dia misy rindra ngadona. Hoy mantsy izy "Misy tononkalo tena miady rima fa tsy ao mihitsy ny miady ngadona KANEFA rehefa antsain'ny mpahay azy dia tena miaina sy misy RINDRA-NGADONA."

Marina izany rehefa mivaha ny andalana ary hita dindo ao ny ngadona kiroaroa sy ny ngadona kitelotelo sy ireo Faingo (pause) eny an-tsefatsefany eny. TSY MIADY NGADONA FA MISY RINDRANGADONA.

Mipetraka anefa ny olana rehefa tsy voafehy ny Tekinikan'ny Rindra Ngadona.

Nisy boky angona kalon'ireo poeta vitsivitsy sy sombim-piainana nosoratan'i Ramy Rafalindranto no nivoaka tamin'io vanimpotoanan'ny Fahama io (Tsy fikambanana fa faribolana fihaonana). Vy nahitana an'io boky milohateny " ANGAROA" io i Herizà Ratahiana na i Ranjatohery Harilala.

- 4/ Fandinihana an'ireo Asasoratr'iireo poeta telo fanta-daza: JJ Rabearivelo, i Dox ary i Rado

a/ JJ Rabearivelo : mampiasa ny rindra manara-dalàna mifantoka amin'ny vanimpeo mafy voajanahary raha resaka kalo hentitra. Io dia azo avy amin'ny Hainteny sy fandraisana ny rarinteny frantsay nosedraina tamin'ny teny malagasy ka nanome rarinteny malagasy nentina nandrafitra ny kalo malagasy. Vanimpeo mafy no venty fandrefesana andalana.

Izy ihany koa dia efa nampiasa ny Rarinteny malalaka namoahany ny kalo milahatsoratra (poème en prose)

Ohatra eo amin'izy ireny izay hita ao amin'ny "Saiky nofy" sy ny " Nadika tamin'ny alina"

b/ Dox ; Toraka izany koa i Dox saingy miditra amin'ny venty fandrefesana andalana nanampy ny vanimpeo mafy voajanahary dia ny VANIMPEO MAFY NOVOLENA. Norasarasainy mihitsy ny teny isaka ny andalana ho vanimpeo ho vanimpeo mafy sy vanimpeo malemy. Napetrany tsara ny fampiharana ny fitsipika mifehy ny Andianjanampeo anaty teny sy mampitohy ny teny roa mifanjohy.

Ohatra

Rako-pelaNA ny paiso

Mavokely ranoray

Dox

Azonao raisina ireto boky roa nosoratany : Foliala sy Izy mirahavavy.

Ranarivelo Rufin

RARINTENY FENITRA

Tohiny

- 4/ Fandinihana an'ireo Asasoratr'iireo poeta telo fanta-daza: JJ Rabearivelo, i Dox ary i Rado a/ JJ Rabearivelo : mampiasa ny rindra manara-dalàna mifantoka amin'ny vanimpeo mafy voajanahary raha resaka kalo hentitra. Io dia azo avy amin'ny Hainteny sy fandraisana ny rarinteny frantsay nosedraina tamin'ny teny malagasy ka nanome rarinteny malagasy nentina nandrafitra ny kalo malagasy.

Vanimpeo mafy no venty fandrefesana andalana.

Izy ihany koa dia efa nampiasa ny Rindra malalaka amin'ny endrika lahatsoratra (poème en prose).

Ohatra eo amin'ny Rindra malalaka amin'ny endrikaclahatsoratra antsoina hoe "poème en prose" nataony izay hita ao amin'ny "Saiky nofy" sy ny " Nadika tamin'ny alina"

b/ Dox ; Toraka izany koa i Dox saingy miditra amin'ny venty fandrefesana andalana . Nampiany ny vanimpeo mafy voajanahary ka nametrahany VANIMPEO MAFY NOVOLENA izay tsy hitan'ireo mpikaroka teo aloha. Na dia tsy nohazavainy aza io dia hita tao anatin'ny sorakantony.

Ohatra

Rako-pelaNA ny paiso

Mavokely ranoray

Dox

. Manana na anjara asany lehibe koa teo amin'ny sorakanton'i Dox ny fitsipiky ny andianjanapeo anaty teny (diérèse sy synérèse) sy ireo andianjanapeo mampiray teny roa mifanjohy.

Tao amin'ireo no nanavahana ny vanimpeo mafy voajanahary sy vanimpeo mafy novolena.

d/ Rado

Noraisin'i Rado ny lamina navelan'i Dox tao amin'ny asasorany na ny fampiasana ny vanimpeo mafy novolena anampiana ny vanimpeo mafy voajanahary.

Saingy navelan'i Rado hibahana toerana bebe kokoa ny vanimpeo mafy voajanahary hany ka mora vakiana sy mora voarain'ny fo sy saina amam-panahy ny kalony , tsy misy mikitoantoana fa misosa.

- Ireo rehetra voalaza ireo no nampihaonina tamin'ny asasoratr'ireotanora vao misondrotra nanomboka ny taona 2015 nanoratana an'ilay tambatra takika " ANDRANA- TEKINIKA FAMORONANA TONONKALO MALAGASY ka hatramin'izao (taona 2025).

Marihina fa tsy mbola nitsangana ny RARINTENY IOMBONANA hatreto.. Ganagana milomano ny mpahay sorakanto eo amin'ny famoronana KALO na poezia na tononkalo ka mbola samy manao izay saim-pantany.

- 5/ Nanomboka ny taona 2015 ka mandrak' ankehitriny dia mbolanojerena ireo andiana kalo noforonin'ireo vitsivitsy miavaka tamin'ny
maro - Izay vao norafetina ho tambatra takila faharoa , mbola ANDRANA na DINGANA ho RARINTENY FENITRA eo amin'ny lafiny Haifeon'ny Teny sy Haisaryhosodoko atao amin'ny soratra.

Ranarivelo Rufin.

ANDIANJANAMPEO

Ny asongadina eto dia ny fitsipika mifehy

Ny ANDIANJANAPEO Anaty teny îzay

ahitana ny

andianjanapeo indray manonona (synérèse)

Ohatra

andianjanapeo indroa manonona (diérèse) Ohatra

ny RAmbi A zi NA no MAmeroVEro Rp 2+3 - manahirana ny rindra ngadona raha atao vanimpeo mafy novolena ny teny mivany tokana NA

ny RAmb(i À)zi na no MAmeroVEro - Refy paika 4

Amin'ny ankapobeny rehefa ilay zanapeo faharoa no iharan'ny tsindrimpeo dia atao indroa manonona izy ireo. Izany hoe vanimpeo ankiroa

Fanamarihana . Raha arahana vanimpeo malemy telo ny vanimpeo mafy KA teny mivany tokana ilay vanimpeo malemy fahatelo dia tsy mihatra ny fitsipika fototra. Avy hatrany dia miantsampy amin'ny vanimpeo manaraka azy ny tsindrimpeo (mety vanimpeo mafy io na mety vanimpeo mafy novolena) . TRANGA MANOKANA IO..Ankoatran'io dia ny fitsipiky ny Andianjanampeo amin'ny teny roa mifanjohy no mihatra.)

Ary ANDIANJANAPEO MAMPIRAY TENY ROA mifanaraka na mofanjohy ahitana ny

andianjanapeo mampiray ny vanimpeo roa ho anankiray Ohatra

ma TE s(a a) N(IE a) ho Fanazavana

s(a a) -> vanimpeo roa lasa vanimpeo iray

mate[s'a]nie a N(IE - A) ho

HO ma n(a- a) MO nta na lah

165

Fanazavana - Raha misy vanimpeo mafy roa mifanaraka dia mandefitra ho vanimpeo malemy ny ankiray. Eto ny "a" ao amin'ny aho no lasa vanimpeo malemy izay voasinton'ny "IE" hanjary vanimpeo iray. Haintenin'ny Ntaolo lah 151

andianjanapeo mahaleontena indroa manonona

Ohatra

I za I ny /alohanao iny?

A sa I ny / fa tsy tratrako

Haintenin'ny Ntaolo lah

170

Ankoatran'io dia hohalalinina ny lohateny RINDRA-NGADONA. (mifanohitra amin'ny miady ngadona sy miady rima).

Ampiasaina izy io na eo amin'ny Rindra hentitra (vers réguliers et vers libres) anaty andalana mivaha sy ny Rindra malalaka (vers libérés) tsy fehezin'ny Rarinteny hentitra.

Ranarivelo Rufin

RARINTENY FENITRA

Tsiahy.

Mandray roa ny famaritana ny Rarinteny:

1/ Ny Rarinteny dia teny norariana ho andalana tononkalo na poezia na kalo ka manome ny Rarinteny Hentitra

2/ Ny Rarinteny koa dia teny norariana ho andalana lahatsoratra ka manome ny Rarinteny malalaka

3 / Ny maha fenitra azy na ny maha klasika azy dia Rarinteny apetraka ho modely miaraka amin'ny fitsipika famoronana.

Fehiny, ny Rarinteny fenitra dia fitambaran'ny Rarinteny fenitra hentitra sy Rarinteny fenitra malalaka.

Ho jerena manokana ato ny fanazavana an'ireto:

- Rindra afaka ahitana ny ngadona kiroaroa sy ny ngadona kitelotelo ary ny ngadona manokana

1/ Ngadona kiroaroa, Rindra kiroaroa ahitana

- Refy paika 1,2,4,6,8,10,12

Ohatra - Rindra kiroaroa ,Refy paika 6 na 2+2+2

Tonga foana/teny ho eny/ny nofinofiny

Tonga hatrany/anaty teny./ny rediredin y

Liberty

2/ Ngadona kitelotelo, Rindra kitelotelo, ahitana

- Refy paika 1,3,6,9,12

Ohatra- Rindra kitelotelo, Refy paika 6 na 3+3

Tonga foana hatrany/ anaty torimasony

Ny nofy mirenireny/an-tsahan'ny rediredin y

Liberty

3/Ngadona manokana

- Rindra manokana 5 sy Rindra manokana 7

Ohatra - Rindra manokana 2+3

Tonga hatrany/anaty torimasony

Ny nofinofiny/efa rediredin y

Liberty

4/ Ngadona voajanahary sy ngadona hafa

- Rindra malalaka

Ohatra

Isaka ny hariva

vao midaboka ny hazavan'ny andro

Ary isan'ora isan'ora vao migororoana

miraraka ireo minitra tsy tamana Dia

miavy tsy nantsoina ny nofy marofy

Efa ela nodoran'ny rediredin y efa

nentiny

Liberty

Eo amin'ny haisary hosodoko tiana arendrika anaty Lasitra isafidianana avy amin'ny haifeon'ny teny , dia SARINTENY omban'ny hetsika sy loko amin'ny endriny avy ka manome azy aina sy fanahy.

"Fa ny poezia tsy maty

No mameno izay poak'aty"

-"Satria fanahy mamelona

Ny banga anatinao"

Heverina fa AMPY izay atao ho Tambatra takila hatreto izay naely sy nozaraina na dia TSY FENO aza satria ny asa fampiharana eo amin'ny sehatra famoronana ataontsika tsirairay avy no MAHAFENO ny DINGANAN'NY RARINTENY FENITRA .

Ranarivelo Rufin

FIZARANA FAHATELO

FAMPIHARANA MIANATRA POEMA

SY FANAZAVANA FANAMPINY

MIANATRA KALO FENITRA (Poésie classique)

Kalo iray nosoratan'i Diary Ratiarison no entina eto. Mety tsy niniany, tsy nianarany ny lasitra, tsy nomaniny hoe hanao kalo fenitra fa nentin'ny elatry ny aingam-panahiny dia tafaraikitra an-tsoratra ary zary kalo. Ho fianarana iarahantsika manana izay kalo nindramina ato mba ho an'ny rehetra.

Ngadona manokana, refy paika fito no lafi-kira na LASITRA nandrendrehany ny Haisary hosodokony anaty refy paika 7 na refy paika3+4.

Raisintsika ny andininy roa voalohany ka avahana amin'ny sorabaventy ny Vanimpeo mafy voajanahary sy ny vanimpeo mafy novolena. Samy VANIMPEO MAFY :VENTY FANDREFESANA ANDALANA IREO.

Ny isan'ny vanimpeo mafy isaka ny andalana eto dia vanimpeo mafy telo/miampy vanimpeo mafy efatra .

Izany hoe vanimpeo mafy 7 isaka ny andalana. .Vanimpeo malemy ny sisa amin'ny sora-madinika.

Indro àry:

niLEntiKA ho TAkona/Any aMBAdiKY ny haVOAna NY

masoAndro Iva/MBAmi'ny TAra-PAh'zaVAny naNJOhy ny

LAlan'Iny/NIAnkaNDREfan' Any FOAna naJAnoNY ny

HAIzina/ho FAh'taPEran'iLAY aNDROAny

NEfa FIry iREo /'zay MBOla MIsoMEbiSEby

Amin'ny FIveLOmany,/ SY ny Asa NOsaHAniny? FIry

iREo 'zay MAndry/Ao aNAty TEbiTEby saTRIA...

raKOfan'Akom-PEo/ MAmpaTAhoTRA ny Aliny?

Hiakan-jazavavy/mitomany tratra hariva

Nanantena (vonjy)/saingy indrisy tsisy nihaino

Redin-jiolahi/ MBOto amy feo iva

Amin'ny hamamoany/saininy ho tsiambaratelo.

Fiara miraondraona/: HEno tsy MAmpiLAmiNTSAIna Ny

olona mitondra/sy 'zay mety hoe ho entiny.

Kalo soa malefaka/manafoana ny taraina

Sy mandrava rofy/ami-ngadona ...arentiny

Tonombava- tsotra/no fisaoran'ny efa tó

Sy zavatra rehetra/mbola homeny omeny iainana

Eritreri-dava/ amin'izay ho mety hanjò

Sy tiany mba hitranga/raha tahiany alim-pisainana...

Nilentika ho takona/any ambadiky ny havoana

'Lay masoandro iva/mbaminy tara-pahazavany

Nanjohy ny lalana iny/hampandroso ny fotoana Hiandry

ilay ampitso/ fa efa tapitra e ! ny androany Diary Ratiarison.

Izay ilay aingampanahy izay rindran-doko nolasirina tanaty rindrangadona Refy paika 3+4 ho lafi-kirany. Ny lafiny Tekinika izay azo ianarana no nanitsiana ireo indro kely teny ho eny.

Ireo fitsipika tekinika ireo dia tsy latsaka avy any an-danitra fa nosintonina avy tamin'ireo Haintenin'ny Ntaolo sy avy tamin'ireo asasoratr'ireo poeta kalazalahy toa an-dry JJ Rabearivelo sy Dox ary Rado ary ireo namany. Fa ao anatin'ny kalon'izy ireo no misy ny RARINTENY FENITRA.

NB. Ny andalana ahitana refy paika 1 dia tsy mampiova ny ngadona refy paika 7. Ny refy paika 1 dia iombonan'ny ngadona kiroaroa sy ngadona kitelotelo ary ny ngadona manokana.

Ranarivelo Rufin.

MIANATRA KALO FENITRA (Poésie classique)

Kalo iray nosoratan'i LASY ROA no entina eto. Mety tsy niniany, tsy nianarany, tsy nomaniny fa nentin'ny elatry ny aingam-panahiny izy dia tafaraikitra an-tsoratra ity kalo ity.

Teo amin'ny resaka nifanaovana dia ny toa an'i Rado (Rindra kiroaroa na Rindra kitelotelo) no mba faniriany ho eo amin'ny lalan'ny asasorany. Miezaka izy fa tsy efany sy tsy tafany. Tsy diso lalana izy anefa.

Rehefa dinihana ny sorakanton'i Lasy Roa dia Rindra mandray roa na Rindra afaka no narindrany. Amin'ny toy itony dia tsy MIADY NGADONA no jerena fa ny RINDRA-NGADONA

Misy roa ny rindra: 1/ Rindra hentitra (vers sevère) ahitana ngadona anankitelo dia: ny Rindra kiroaroa sy ny Rindra kitelotelo ary ny Rindra manokana . Tsy maintsy mitovy isa hatrany amin'ny faran'andalana ny Refy paika nosafidianana.

Ao amin' ny Rindra mandray roa sy ny Rindra afaka dia ao amin'ny sokajy Rindra hentitra ihany ary manara-dalàna na dia mizotra mankany amin'ny toetra mivahavaha mbola voafehy.

2/ Rindra malalaka (vers libérés) Famaritana:

a)Fehezanteny feno na toy inona firafiny no nozarazaraina ho vondrona ngadona mira andalana ka norafetina hanana endrika tsanganan'andalana.

b) Fehezanteny feno ihany fa saingy miankina amin'ny nahim-pon'izy poeta ny firafitry ny tsanganan'andalana.

I Rado dia nisafidy ny rindra hentitra.

Avy hatrany eto amboalohany eo amin'ny lafiny tekinika dia ahitsintsika ho ngadona kitelotelo ity kalony ity , refy paika 6 na refy paika 3+3

Ndao àry:

TaNTEly Amam-BAhona/iZAny FIAInana Eto; iNDRAiNDRAy

miFAly/iNDRAiNDRAy miSEnto

ZaKAIna...AvoKOa/na MAfy NA ny MOra

MaZÀna DIA toFEzaka/ 'ty NOfoKO baKOra.

KiNAnjo RE saKAIza/na Eo Aza iZAny

D'iZAo NO fanTAro/, 'ZAo no TAdiDIO:

Ny SEdra NIanJAdy, /oMAly SY ny aNDROAny

HanJAvon'Eny FOAna/ ho TOy iLAY taDIO

Ka mila mba miady/mandresy an'izany.

Sikino àry ny fo/, Ranito koa ny saina. Fa rah'mbola

miaina/ sy velona eto an-tany Dia... tsy MAiNTSY

manDREsy/fa Aza DIA toMAny.

Lasy Roa.

Amin'io nasiana fanitsiana io dia manara-dia an'i Rado ho kalo hentitra manara-dalana io kalo io ; manaraka ny FITSIPIKY NY RARINTENY FENITRA. Ekena fa sarotra ianarana sy ampiharina izy io.

Ambara paha aloha dia samy mba miezaka e!

Diniho anie ity kalo niandohany ity e! Rindra afaka kanto ihany koa miaty ao anatin'ny Rindra hentitra ihany no iantsoako azy satria ahitana ireo ngadona anankitelo ireto: .ngadona kiroaroa (Refy 1,2,4,2+2+2,8...) sy ngadona kitelotelo (Refy 1,3,3+3,9.....)

ary ngadona manokana.Refy 7 (3+4 na 4+3) sy Refy5_(2+3 na 3+2)

Samy hitanao ato ireo. Izay no atao hoe Rindra afaka na (vers libres) ary izay no iavahany amin'ny Rindra malalaka (vers libérés). Antsao tsara fa ho tsapanao ao ny rindra ngadona fehezin'ny fitsipiky ny
RARINTENY FENITRA.

Tantely amam-bahona/ ny fiainana eto - Refy 3+2

Indraindray mifaly/indraindray misento- Refy 3+3

Zakaina avokoa/na mafy ...na mora- Refy3+2

Mazàna tofezaka/ny nofo bakora- Refy2+2

Kanefa sakaiza/na eo aza izany- Refy 2+3

D'izao no fantaro/ary koa tadidio -Refy paika3+4

Fa ny sedra nianjady/omaly sy ...androany-Refy4+3

Hanjavona foana/ho toy ny tadio-,Refy paika2+2

Ka mila mba miady/mandresy an'izany-Refy 3+3

Sikino ny fo/dia ranito ny saina -Refy paika2+2

Fa raha mbola miaina/sy velona an-tany-Refy3+3

Dia tsy maintsy mandresy/fa aza tomany-Refy3+2

Lasy Roa

Tena ilaina ny mahay ny TENY MALAGASY sy ireo vanimpeo ao aminy, indrindra ny vanimpeo mafy izay venty fandrefesana andalana.

Tena ilaina koa ny mahay ny FITSIPIPITENENANA ary indrindra

- Tena ilaina dia tena ilaina ny mifanerasera amin'ireo VOAMBOLANA sy mifanerasera amin'ireo sanganasan'ireo kalazalahy eo amin'ny famoronana kalo fenitra (poésie classique) ireo na dia mbola an-dalana aza ny RARINTENY FENITRA (Vérsification classique et académique).

Ranarivelo Rufin

29 Oktobra 2024

MIANATRA POEMA

Maro ireo mahay manoratra no mirotsaka eo amin'ny sehatry ny famoronana tononkalo na poezia na poema na KALO.

Entin'ny aingampanahy eo amin'ny lafiny artistika sy entin'ny rotinina (routine) eo amin'ny lafin'ny tekinikan'ny ngadona sy rima ary eo amin'ny lafiny haisary hosodoko atao amin'ny soratra izy ireny. Hatreo ihany ny ankamaroany. Efa ao amin'izy ireo ny ngadona voajanahary entin'ny Teny miara-dia amin‹ny fanaovana sary miloko amin'ny alalan'ny soratra.

Tsapa ao amin'ireo kalo maro hita hatreto fa sarotra ny mahafolaka ny tekinikan'ny tononkalo na KALO manaraka ny fitsipiky ny RARINTENY HENTITRA FOTOTRA miainga amin'ny ngadona kiroaroa sy ny ngadona kitelotelo..

Ezaho izay hahafahanao mamolaka ireo ngadona ankiroa ireo. Hivoatra ho tsara hatrany ny rotinina efa ao aminao.

.

Indro kalo iray anaty lasitry ny ngadona voajanahary kitelotelo, Rindra hentitra kitelotelo - Refy paika 3.

Vanimpeo mafy voajanahary eto no VENTY FANDREFESANA ANDALANA. Mitovy hatrany amin'ny farany ny isan'ny refy paika 3 na vanimpeo mafy voajanahary telo isaka ny andalana.

Ngadona kitelotelo, Rindra kitelotelo, Refy paika 3

Kely aho, ekeko

F'izany tsy midika

Fa foana foana aho

Ho azonao japiana

Am'izay habobo

Mody tsara tefy

Mbola ho avy ny andro

Haveriny ambôngadiny

Ambany masonao

Ny fatra,-drà niraraka

Teny an-tsahan-tolona

Noho ity fitiavan-

Ho tompon'ity tanàna No...

Niaina am-piadanana

Anoloam-bahoaka

Efa leom-bônanana?

Malagasy elah!

Dia fantaro fa...

Manan-jiny lesy

Gasikarantsika...

Mpanoratra: Tsy fantatra.

Nosintonina tao amin'ny Tambanjotra serasera tamin'ny Taonao 2018

Tsy mbola nahitana dika matotra ny hoe "versification" izay Fitsipika Famoronana andalan-tononkalo no fanazavana azy na dia napetraka aza ny teny hoe RARINTENY.

Ny rarinteny manko mandray roa eto ary faritana tsotra hoe teny norariana ho

1/ Andalana kalo (poezia) na

2/ teny norariana ho Andalana lahatsoratra.

Misokajy roa ny rarinteny: - Rarinteny hentitra sy Rarinteny malalaka Ny Rarinteny Hentitra dia ahitana Rarinteny

- 1/ Hentitra voalohany (tsy mampiasa afa-tsy ny vanimpeo mafy voajanahary) sy

-2/ Rarinteny Hentitra faharoa (Sady mampiasa ny vanimpeo mafy voajanahary no mampiasa ny vanimpeo mafy novolena).

NY VANIMPEO MAFY AMIN'NY ANKAPOBENY NO VENTY FANDREFESANA ANDALANA.

Lasitra ihany no azo avy amin'ny Haifeon'ny teny fa ny mandrafitra azy sy fototra manorina ny votoatin'ny kalo dia ny haisary hosodoko atao amin'ny soratra.

Ranarivelo Rufin

Fanazavana fanampiny

RARINTENY HENTITRA FOTOTRA VOALOHANY

Ny Rarinteny hentitra fototra dia miainga amin'ny ngadona anankiroa sy ny ngadona kitelotelo. Hatreo ihany.

Ireo no manome ny Rindra kiroaroa arahan'ireo rantsan'ny Refy paika sy ny Rindra kitelotelo arahan'ireo rantsan'ny Refy paikany avy.

Araka izany,

Ny Rarinteny hentitra FOTOTRA dia fitsipika mifehy ny ngadon' andalana ho kalo ara-dalàna izay LASITRA handrendrehana ny haisary hosodoko atao amin'ny soratra.

Andalana mihidy

Ny andalana dia mety ho andalana mihidy (vers fermés) izay ampahan-tsary hosodoko mahaleontena,

Ohatra kalo filazalazanjavatra eo amin'ny natiora (description de la nature)

Rindra hentitra fototra faharoa kiroaroa-Refy paika2+2 na 4 - (ahitana vanimpeo mafy voajanahary sy vanimpeo mafy novolena).

Tafasiry indray ny maitso

Eo an-tokotaninay

Rako-pelaNA ny paiso +> NA dia VPM novolena

Mavokely ranoray

Dox

Ampahany

Ngadona kitelotelo- Rindra Hentitra fototra Faharoa Kitelotelo Refy paika 3 ahatsapana ny fisian'ny vanimpeo mafy novolena manampy ny vanimpeo mafy voajanahary.

Endrika sariaka, Volana

baliaka.

Haizina itsikiany

Lalana ...hitsiany R.

Liberty.

Andalana mivoha

Ny andalana dia mety ho andalana mivoha na ho andalana mivaha (vers ouverts) izay ampahan-tsary mitohy amin'ny andalana manaraka.

Ohatra : Rindra kitelotelo, Refy paika 3. Fehezanteny tsotra sy feno no narafitra ho tsanganana kalo.

Mivolana baliaka

Ny endrikao sariaka

Anaty haizin'alina

Efa lasa lalina

Liberty

Andalana mitafitafy ary mety ho andalana mitafitafy na andalana mivoha ampahany (vers semi-ouverts).

Ohatra: Rindra kitelotelo, Refy paika 3

Dia volana baliaka

Ny endrikao. Sariaka

Anaty haizin'alina Efa

ngaly. Lalina!

R. Liberty

Ao anatin'ny HAIFEON'NY TENY (Musique du verbe) no misy ny rarinteny mifototra amin'ny NGADONA na REFY PAIKA araka ny isa isafidiananao izay refesina amin'ny alalan'ny venty. NY VENTY FANDREFESANA ANDALANA ETO DIA VANIMPEO MAFY elanelanin'ny vanimpeo malemy iray na roa. Misokajy ankiroa ny vanimpeo mafy:

Ao ny Vanimpeo mafy voajanahary araka ny lesona efa nianarana:

Ohatra

SOlon-DRAY mba MAnoLOAna

SOlon-DREny MAhaZAtra

RAfi-BAto MIkiTOAna

TAny MEna aMBOny TRAtra

Ny Avana

Ampahany

Fiteny mamiko kilasy faha3

takila 50 R. R. Raolison

Ary ao ny vanimpeo mafy novolena izay vanimpeo malemy miova ho vanimpeo mafy mba hisian'ny rindra ngadona, indrindra amin'ireo teny mivany telo miafara amin'ny -ka-tra-na ka ao amin'ny vanimpeo voalohany no misy ny vanimpeo mafy.

Mipetraka ny vanimpeo mafy novolena raha mbola arahana teny manomboka amin'ny vanimpeo malemy manomboka amin'ny renitsoratra.

Ohatra -:Rindra hentitra kitelotelo-Refy paika 3. Ny vanimpeo mafy novolena dia ireo amin'ny sora-baventy.

Ry volaNA baliaka Mangasohaso

soa

Ny endrikao sariaka Mba

mamiKO tokoa

2/ RARINTENY HENTITRA

Mizara telo miavaka eto ny Rindra ao anatiny

- Ao ny Rindra hentitra kiroaroa sy
- Rindra hentitra kitelotelo
- Ao koa ny Rindra hentitra mandray roa izay be mpanao noho ny tsy fahalalana loatra ny lafin' ny tekinikany (Rindra hentitra kiroaroa sy ny Rindra hentitra kitelotelo mifanaraka na mifamaly na mifamihina). Ao ny Rindra mandray roa mirindra ary ao ny Rindra mandray roa saritaka. Izany hoe tsy manaraka ny refy paika mifanjohy na mifamaly na mifamihina.

Ary farany ao ny Rindra hentitra afaka (vers libres) mampiasa miaraka ny ngadona voajanahary kiroaroa sy kitelotelo ary ny ngadona voajanahary manokana.

Toetran'ny Rindra Hentitra voalohany

Ny rindra hentitra voalohany dia mifototra amin'ny vanimpeo mafy voajanahary ihany ankoatra ny fitsipika iombonany amin'ny Rindra hentitra faharoa.

- Ireo fitsipika fototra iombonan'izy ireo:
- Raha misy vanimpeo mafy roa mifanaraka, dia mandefitra hovanimpeo malemy ny ankiray.

ohatra

MBA REny ve ny teniko?-> mba REny VE ny TEniko?

MBA FEony va ny foko?-> mba FEony VA ny FOko?

- Ny vanimpeo mafy dia tsy maintsy arahana vanimpeo malemy irayna roa farafahabetsany. Ohatra ambarany foana ny teniko

aMBA ra ny FOAna ny TEni ko

- Manomboka amin'ny vanimpeo mafy ny andalana. Tsy miova ioraha mbola tovanana vanimpeo malemy io.

Ohatra

VOlana Efa ho RAva -> ny VOlana Efa ho RAva

Raha misy vanimpeo mafy voajanahary arahana vanimpeo malemy ankiroa dia tsy maintsy vanimpeo mafy voajanahary ny manaraka azy ireo

Ohatra. Rindra hentitra voalohany-Refy paika 3

VO la na MOA na sy TRO tra ka VO la

na RE sy sy MO tra ka!

- Fitsipika momba ny andian-janampeo anaty teny sy mampitohyteny roa.
  (Ho jerena manaraka,)

Mazàna izy ireo arakar'ilay poeta aankoatra ireo fitsipika efa voasoratra.

Ngadona voajanahary kiroaroa - Rindra hentitra voalohany kiroaroa -

Ny isan'ny vanimpeo mafy elanelanin'ny vanimpeo malemy iray na roa isaka ny andalana no manamarika ny ngadona fototra tsy maintsy hain'ny mpamorona poezia hentitra dia ny ngadona kiroaroa sy ny ngadona kitelotelo.

a/ Ngadona kiroaroa ahitana Refy

paika 1,2,4,6,8,10,12 sns Ohatra

fampiasa matetika Refy paika 4 na

2+2 na 3+1 na 1+3 az' AnontaNIAna

'zay Anton'iZAO faNGInana LAlina

FEno toMAny

JJ Rabearivelo

Refy paika 6 na 2+2+2 na 4+2 FAra TEny/ TEny

ho Eny/ no HAny SIsa no HAny SIsa/MBA

naPEtrany/Ato aMPOko FAra HIra

/NOveNTEsiny/MIkoRIsa TOY ny RAno MAso

MAInty/NGEron-DOko

R Liberty.

Refy paika 8 (4+4)

Mba matory ve ny razana/ao ambany rangolahy

Sa dia momba antsika ihany/ka mibitsika am-panahy?

Dox

Ampahahany

Ngadona kitelotelo

Na Rindra kitelotelo

Ahitana ny Refy paika 1,3,6,9,12 sns

Ohatra fampiasa matetika

Refy paika 3

Fa tody izao ny hirako

Tany an-dafin-tany ka

enga anie ny hirako

Hanony izay tomany

Ny Avana

Ampahany

Refy paika 6 (3+3)

Dia lasa koa ny saiko/,lasa tsy niniana

Nandrato hiram-borona/heno teny ho eny

Lasa tsy niniana/niaina vazo tiana

Niantso ka niantso/asa na mba reny...

R. Liberty

Refy paika 9 (3+3+3)

Ny vavaka tononiny/anaty fahoriany/henoy ry Tompo soa

Ianao no nanome/ny zaza hifaliana/ho kilakaon'ny reny

Ny Erika Ampahany

takila 38 Fiteny mamiko kilasa faha3

R R Raolison

Ngadona manokana

Misokajy ankiroa io ngadona na Rindra manokana io

- Refy paika 5 izay mety ho Refy paika 3+2 na 2+3

Ohatra

Refy paika 3+2

Lasalasa manko/ ny eritreritra

Lasalasa ho azy/Moa hankaiza?

Hankaiza dia ho aiza/ fa toa mitaiza

Hanina ao anaty/ fa vonton'ny erika

- Refy paika 7 izay mety ho Refy paika 4+3 na 3+4

Ohatra Refy paika 4+3

Lasalasa tsy azo tanana/mbola feno anao

Ny eritreritro efa dify/ao am-pon'ny ela

Ao an-tsahan-drony tsiahy/mbola feno anao

Hay mbola tena velona/ny lasa izay tavela

R. Liberty

Fanamarihana sy Fehiny

Mitovy ny fitsipiky ny Rarinteny hentitra voalohany sy ny fitsipiky ny Rarinteny hentitra faharoa. Ny iavahany dia mampiasa vanimpeo mafy novolena ny Rindra hentitra faharoa izay ho jerena manaraka. Tsara indrindra raha voafehinao ny famoronana poezia amin'ny Rarinteny hentitra voalohany.

RARINTENY HENTITRA FAHAROA

Mitovy tsisy valaka amin'ny Rarinteny hentitra voalohany ny fitsipika. Ny hany iavahany ? ny rarinteny hentitra faharoa dia mampiasa ny vanimpeo mafy voajanahary SADY MAMPIASA NY VANIMPEO MAFY NOVOLENA.

Ny vanimpeo mafy novolena dia vanimpeo malemy niova ho

vanimpeo mafy. Ranarivelo Rufin

MIANATRA POEMA

Maro amintsika poeta vao misondrotra ankotrio rehefa mamorona kalo na poezia dia mampiasa ny RINDRA AFAKA mirindra izay manana ny hakantony manokana amin'ny ankapobeny.

Mazàna dia tsy mety ho "tafa" ny hanao RINDRA KIROAROA NA RINDRA KITELOTELO HATRAMIN'NY FARANY toy ny fanaon-dry JJ Rabearivelo sy Dox ary Rado.

Izay no antony ianarana ny lafiny tekinika entina hanitsiana sy hanatsarana ary hampivoarana ny kalo noforoninao. Aza matahotra ny mampiasa kasika (fanitsiana na fanatsarana) amin'izy ireny.

Indro ampahan'ny asasoratry NY ELA NIHETEZANA , Poeta iray ankotrio no ndeha jerena eto eo amin'ny lafin'ny Haifeon'ny teny:

Rp mira refy paika

Refy paika 2 dia midika vanimpeo mafy 2 amin'ny andalana iray.

Raha mialohan'ny kalo no misy azy dia midika fa mitovy ny isan'ny vanimpeo mafy isaka ny andalana.

Refy paika 6 na 3+3 dia midika hoe vanimpeo mafy 3 miampy vanimpeo mafy 3 anaty andalana iray.NA ny andininy rehetra Rp 7 na 3+4 = vanimpeo mafy 3 miampy vanimpeo mafy 4 anaty andalana iray.

Fara-veloma

Tsy ahoako ny ravina/raha... tsy hihofa - Rp3+3

An-tampon-kavoana - Refy paika 2

Ny RAno an-kaMOry na/ hiAto TSY hiTOpa - Refy paika 2+3

Sy TSY hiRAoNDRAona Refy paika 3

Ny jojo manginan'ny /Erika hariva -Refy paika2+2 na4

Mazàna nidóna Rp 2

Faranany koa/ s(y a)taony madiva Rp 2+2 na 2+3

Tsy ahoan-tsy ahoana Rp 2 na 3 Ny Ela

Nihetezana.

(Ampahany)

Raha tohizana hatrany amin'ny faran'andalana io saika hita ao ny RINDRA MANDRAY ROA AHITANA NY RINDRA KIROAROA SY RINDRA KITELOTELO. Hita ao koa ny RINDRA MANOKANA 5 SY RINDRA MANOKANA 7.

Fehiny.

Io kalo io na io poezia io eo amin'ny lafin'ny haifeon'ny teny dia RINDRA AFAKA (vers libres)/kanto satria miaina tsara ao ny RINDRA NGADONA ANATY.

Azo atao koa anefa ny manodina an'io kalo io ho Rindra kiroaroa na ho rindra kitelotelo...sns

Rindra kiroaroa/ Refy paika 8/4

Tsy ahoako akory ny ravina/raha minia tsy mety hihofa

Eny an-tampon-dreo havoana -

Ny rian-drano an-kamory koa /NA aza hiAto TSY hiTOpa

No sady TSY hiRAoNDRAona

Rindra kiroaroa/ Refy paika 4/2

Ny jojo manginan'ny /Erika hariva

Mazàna nidóna

Faranany koa/ ataony madiva

Na aza hirona

Tsisy ahoany

Mbola azontsika ahodina ho Rindra kitelotelo Refy paika 6 na 3+3 koa io kalo io.

RINDRA MANDRAY ROA SY RINDRA MANOKANA

Ny iraisan'ireo dia samy mampiasa ngadona kiroaroa sy ngadona kitelotelo.

Ny mampiavaka azy ireo indray:

- Ny rindra mandray roa .

Miova andalana hatrany rehefa miova ngadona (mihoatra paika iray na latsaka paika iray amin'ny ankapibeny). Ny hoe miova ngadona dia miova refy paika eto. Ny tsy miova ngadona moa dia refy paika mitovy mifanjohy.

Ohatra ho raisina ito kalo ito:

- Tsy ahoako ny ravina/raha tsy hihofa - Refy paika 3+3

An-tampon-kavoana - Refy paika 2

Ny rano an-kamory/NA hiAto TSY hiTOpa - Refy paika 7na 3+4

Sy TSY hiRAoNDRAona Refy paika 3

RINDRA MANDRAY ROA

Tsy ahoako ny ravina - Refy paika 3

Rah' tsy hihofa - Rp2

An-tampon-kavoana - Refy paika 2

Ny rano an-kamory Refy paika 3 na Refy paika 2 raha mampiasa fitsipiky ny andianjanampeo.

NA hiAto TSY hiTOpa - Refy paika 4

Sy TSY hiRAoNDRAona Rp 3

Fanamarihana.

ny RA n(o a)n ka MO ry - Refy paika 2 satria misy fitsipiky ny andian-janampeo ny RA [n(o a)] nka MO ry.

ary Refy paika 3 satria atao indroa manonona ny" o ao amin'ny rano sy ny a ao amin'ny an-kamory"

ny RA no/ A nka MO ry -> Refy paika 3

ahodina ho RINDRA MANOKANA

Refy paika 5/7

Tsy ahoako ny ravina/ rah' TSY hiHOfa - Refy paika 5 na 3+2

An-tampon-kavoana/.Ny rano anaty kamory Refy paika 5 na 2+3

NA hiAto TSY hiTOpa/Sy TSY hiRAoNDRAona - Refy paika 4+3

Rindra manokana 5 sy rindra manokana 7 no nampiasaina teto

FEHINY

Haintsika eto izao izany ireto:

1/ Rindra kiroaroa mampiasa refy paika 1 na 2 na 4 na 2+2+2 na 8 sns.

2/ Rindra kitelotelo mampiasa refy paika 1 na 3 na 6 na 9 sns...

3/ Rindra mandray roa izay mampiasa ny Rindra kiroaroa sy rindra kitelotelo. Amin'ny ankapobeny Refy paika 2/3 na Refy pika 3/4 na Refy paika 1/2/3/4

4/ Rindra manokana izay mampiasa rindra kiroaroa sy rindra kitelotelo koa saingy tsy amin-tsanganana kalo fa amin'ny tsivalanany andana :

- Refy paika 2+3 na 3+2 mira refy paika 5 ao anatiny ny refy paika 1

- Refy paika 3+4 na 4+3 mira refy paika 7 ka ao anatiny ny refypaikac1

5/ Rindra afaka (vers libres)/ahitana Rindra mandray roa sy rindra manokana.

Indro ny tohin'io kalo io tsy nasiana kitika

Tsy ahoako ny fetran'/ny onjan'ny rano

Sy voahirana an-daingony - Refy paika 3

Ny morom-parihy /izay manganohano

Ravahan'ny haingony.

'Reo antsam-baliha/kaloina an-dokanga

Fahiny nitaona

Novazovazoin(a e)ny an-danitra manga

Impolo niantoana

Dia lefitro ihan(y i)zay lonjon'ny ankaso

Handrongatra saona

Fa tsy vitako atrehina tsy an-dranomaso

Ny fara veloma.

Ny Ela Nihetezana.

Fanontaniana. Ary inona no mampiavaka ny Rindra afaka amin'ny Rindra malalaka (vers libérés)?

Ranarivelo Rufin.

MIANATRA POEMA

Ho jerentsika eto ny ngadona kiroaroa sy ny ngadona kitelotelo.

Ny ankamaroantsika dia Rindra mandray roa saritaka (mifanohitra amin'ny Rindra mandray roa manara-pitsipika) no be mpanao rehefa mamorona poezia. Soa ihany ny ankamaroany fa andalana mivoha na andalana mivaha manatona ny firafitry ny lahatsoratra narindra ho tsanganana kalo.

Kalo iray an'ireo namantsika no ho jerena amin'ny ampahany.

Sahavato

Ngadona kitelotelo- Refy paika 6 na 3+3

R'ilay voronkely/ lafatra sy mamy

Etsy hiangaviako/ handalo any aminay Mba

tsidiho kely/ ilay akaniko any

Fa tiako sy lalaiko/ kanefa lavitra ahy

Ngadona kiroaroa- Refy paika 8 na 4+4

Ry voronkely maika hody/hita lafatra sy mamy

Etsy indrindra hiangaviako/mb'handalovy ilay akaniko

Dia tsidiho kely ao/'lay tanàna keliko any

Fa tena tiako sy lalaiko/kanefa tena lavitra ahy

Mbola azonao andramana lasirina anaty lasitra Rindra manokana, Refy paika 5 io.

Ranarivelo Rufin

MIANATRA POEMA

Indro kalo ankiray

Ngadona kitelotelo - Rindra kitelotelo

Refy paika 3

Tanana efa leo

Mamihimpihim-penina

Mandrakitra an-takila

Raikipohin'ady Kisarisarin'ady

Entina hanefena

Fitaovana fiadiana

Maro tsy hay tenenina

Entina handavoana

Fiainam-pirenena

Fiainan-dreo vahoaka

iharan-tsindry lava Osa

sy marary

Mijaly sy kere

Eo ambanindreo

Tsindrihazolena ataon'ny

mpanambola

Geja sy vahohon' Ireo

avara-,pi...

Manindry ny efa ambany...

Refy paika 6/3

Tanana efa leo/ manefy sy mamboatra

Fitaovan'enti-miady

Mandrava sy mamono, manarina any an-kady

Mamono ny maha olona

Mamboly herisetra/ sy hery ifandrimpahana.

Tanana efa leo/ tsy te-ampiasa intsony

Herim-pamoretana

Handatsahana aina

Handatsahan-dràn/ ireo tsy manan-tsiny

Mitady fitoviana

Mitady fahafahana

Anaty Asa marina / ho an'ny maha olona.

Tanana efa leo/mamihimpihim-paty

Faty mivalampatra

Mitsitra mipariaka

Etsy , eroa hatrany

Any anaty fara/eritreritra any

Anaty fara jery/tsy tràn'ny saina akory...

Refy paika 3 mira vondrona ngadona anaty fehezanteny .

Tanana efa leo/mamolavola foana/Fa'fatesan' efa/saika isaka... /ny segondra raraka/ Tanana efa leo /mamorona fijajiana,/Tanana efa leo /manorina fahoriana/ Tana'na efa leo/ mamboatra sarim-pasana/....

Ranarivelo Rufin

Ampahany

Ny tiana avoitra eto dia endrika maro no entina ampiasaina ny Rindra iray. Ohatra eto ny Rindra kitelotelo ampiasaina amin'ny endrika telo:

1/ Refy paika 3

2/ Refy paika 3+3/3

3/ Rindra kitelotelo , Refy paika 3 narindra amin'ny endrika lahatsoratra.

Ranarivelo Rufin

MIANATRA POEMA

Ny ngadona sy refy paika na toy inona endriky ny tamberina anaty haifeon'ny teny dia izay no napetraka ho Lafika sy Lasitra.

Ao no andasirana ny aingampanahy amin'ny endrika haisaryloko sy haisary hosodoko atao amin'ny Soratra.

Ny fihaonan'ireo amin'ny endrika kanto mirindra sy voakaly no mamoaka ny KALO na POEZIA.

Indro kalo iray anaty lasitra Ngadona kiroaroa, Refy paika 4.

Rah'mbola misy ilay maraina

Ny ali-ngaly efa akanjoko

Efa lokom-pihodirako

Efa hatrany anaty hirako

Sy ao am-pon'irony androko Tsy

hananganako taraina.

Moa ts'izay 'lay masoandroko

Mbola hery fifikirako

Mbola hery fihoirako...?

Manko ireny no nanamasaka

Mitaiza hatrany ny herin-tsaiko

No mbola hery avo sasaka Efa

fantatro sy haiko...

Nampijoro ny aiko lanaka.

E! Matoy izao ny diako!

Ny hirako aza fifaliako

Manamaina ranomaso

Handravarava irony ankaso...

Koa...

Rah'mbola misy lohataona

Ny ririnina amindroako

Sarim-piainako nohosena Sarin-tsilo novolena

Anaty tsiky nohadinoiko

Tsy hampilofika ahy misaona...

Ranarivelo Rufin Jona

1978.

Eo amin'ny resaka ngadona no asian-teny: Ankoatra ireo voatanisa etsy ambony dia :

- Ny rima na oina dia isan'ny ngadona

Ohatra

Manamaina ranomaso

Handravarava irony ankaso

Mifangaro eto ny fizotran'ny rima: - Rima

mifanjohy tsiroaroa na tsitelotelo oh.

Sarim-piainako nohoSENA

Sarin-tsilo novoLENA

- Rima mifamaly

Mitaiza hatrany ny herin-TSAIKO

No mbola hery avo sasaka

Efa fantatro sy HAIKO.. -

Rima mifamihina oh.

Rah'mbola misy ilay maRAINA

Ny ali-ngaly efa akanjoko

Efa lokom-pihodirako

Efa hatrany anaty hirako

Tsy hananganako taRAINA

- Ny tamberinteny amin'ny fiandohan'ny andalana na anaty andalanadia mbola isan'ny ngadona.

Ohatra

Mbola hery fifikirako

Mbola hery fihoirako

- Ny maripiatoana ihany koa izay midika paika mangina dia mbolaisan'ny ngadona koa. Ohatra eo ambony no raisina

Koa...

- Ny tamberina rafitr'andalana mbola ao anatin'ny famaritanangadona.

Ohatra

Rah'mbola misy ilay maraina

Ny ali-ngaly efa akanjoko

Tsy hananganako taraina.

Rah'mbola misy lohataona

Ny ririnina amindroako

Tsy hampilofika ahy misaona...

- Toraka izany koa ny tsilalaompeo sy ny tsilalaonteny.

Ohatra:

Handravarava endri-tava

Fahavaratra ao an-tratra

Ranarivelo Rufin.

MIANATRA POEMA

Rindra hentitra, ngadona kiroaroa, Refy paika 4/2. Izay no Lafika na Lasitra handrendrehana ny haisaryloko mbamin'ny hafatra ampitainy.

Rindra kiroaroa, Rindra kiroaroa, Refy paika 4/2

Aty anie

Misy maro mitomany

Toran-tany

Saingy maina ranomaso

Feno ankaso

Anondrahana hakiviana

Fahoriana

Dia mibaboka fa resy

Fa voahitsakitsak'etsy...

Zary lasa tany efitra

Tany ngazana mandefitra

Tena mazana

'Zay tsirin'ny andro mavana.

Aty anie

Misy maro mahonena

Tena lena

Amin'ny endrika efa rava

Rava tava

Feno rangotra

Fatopatotra

Efa tsisy tsiky intsony

Nefa tony

Mbamin'ny fony

Saingy feno eritreritra

Samy vonton'ny erikerika

Mbola miandry manantena

Na ho zava

Na ho aloka

Na hisava

Na handaroka Nefa

nofy mbola tiako

Nofy mbola tena iriako.

Aty anie

Misy vato mikodia

Toa minia

Mivary lavo

Any an-kady

Mbola endrik'ireo omaly

Feno jaly

Eny an-tsisintsisim-bala

Mamanala

Fo miantso

Hoe andraso

Fa...

Misy tolon'ireo voatsindry

Sy voahidy

Mandevy ery anivon-tolony

Foy natolony

Tsy mety sasatra ny mariny

Mitady rariny...

Aty anie

Mbola feno hetraketraka

Mipetrapetraka

Hiaka rà mandrava loatra Mampitroatra

Koa maitia

Dia avia Hanatevina

laharana Ranarivelo

Rufin.

Misy lafiny ankiroa ny famoronana. Lafiny artistika ny iray izay avy hatrany dia haifeon'ny teny sy haisaryloko. Ary lafiny tekinika ny iray faharoa. Azo ianarana io mba hanarenana ny "indro kely hoy ny mpandrafitra".

Am-bava homana, am,-po mieritra.

Ranarivelo Rufin

MIANATRA POEMA

Manana safidy ianao rehefa hamorona KALO . Na ianao mampiasa vanimpeo mafy novolena ambonin'ireo vanimpeo mafy voajanahary, na ianao tsy mampiasa afa-tsy vanimpeo mafy voajanahary. Mora raisin'ny fo kokoa ito farany ito.

Indro àry:

Ngadona kiroaroa.Rindra kiroaroa, Refy paika 4

Alao dindo ka izory

Ny lalan-tsoan'ny Fandrosoana

Alao dindo ka reneso

Ireo tantarany efa vitany

Alao dindo ka ianaro

Ny hazavan'ireo Finiavany.

Fa dia aza manantena

Mbola hitango tsy hisasatra

Ny voany masaka eny an-taho

D'ivereno ka hiaino

Ny habakabakao mitondra

Irony ratra feno holatra

Mihirahira ireo maheriny

Efa vovoka any tsy hita

Nananganana o ny zo

Zo sy sata ijoroana

Efa rendrika ao an-tsoratra.

Voasoratra ao daholo

Ny pejy fotsin-dreo tantarany

Hita taratra ao daholo Ny

diam-penin-kotro-barany

Koa...

Alao dindo ka izory

Ny araben'ny Fahalemana Alao dindo ka reneso

Ny rindran' akon'ny Fahafahana

Ranarivelo.Rufin

TTF

Rehefa tena voafolakao ny MAMPIADY NGADONA ivelany (misafidy Refy paika anaty ngadona kiroaroa na misafidy Refy paika anaty ngadona kitelotelo) dia karohy ny MAMPIADY RIMA ivelany amin'ny faran'andalana.

Mampitombo ny emboky ny Rindra koa ny ngadona anaty voamariky ny tamberim-peo sy tamberin-teny.

Ohatra

Alao dindo ka izory

.....Alao dindo ka reneso

Voasoratra ao daholo

.....Hita taratra ao daholo

Toraka izany koa ny rima anaty izay rima ihany fa mamelona ain'ny rindra any anaty andalana.

Ohatra

Hita taratra ao daholo

Ny ain'ny varatra efa resy

Mifanesy ankisesy

Anisan'ny ngadona sy rima ihany koa ny tamberina rafitry ny matoateny. Ohatra ny fampiasana ny rafitry ny matoanteny iharana na matoantenin'ny mpanao sy ny sisa.

Ohatra

Natsanganao ny hambom-po

Nodoranao ny haizin-doza

Narodanao ireo tamboho

Naringanao, nalevinao

Irony omaly feno jaly

Ranativelo Rufin Ampahany.

MIANATRA POEMA

Tsiahivina fa tokony ho voafolak'ireo poeta liana fivoarana ny fampiharana mikasika ireto ngadona anankitelo ireto

- Ngadona kiroaroa , Refy kiroaroa, ahitana Refy paika 2 mifanongoa hatrany sy Refy paika 4 mifanongoa hatrany
- Ngadona kitelotelo ahitana Refy paika 3 mifanongoa hatrany
- Ngadona manokana ahitana
- Refy paika 5 na Refy paika 2+3 na 3+2
- sy Refy paika 7 na Refy paika 4+3 na 3+4 mifanongoa hatrany koa.

Rindra mifangaro

Eto dia ny Rindra kiroaroa na Rindra kitelotelo miaraka amin'ny Rindra manokana no ampiasaina

Ohatra anankiray no horaisina.

Fampiharana ny Refy paika 7 sy Refy paika 3 na marimarina kokoa Refy

paika 3/3+4.

Izany hoe ny andalana sasany dia Refy paika 3 ahitana vanimpeo mafy 3.

Ary ny andalana sasany dia Refy paika 7 na Refy paika 3+4. Izany hoe mifampitantana anaty andalana iray ny Refy paika 3 sy ny Refy paika 4 manome Refy paika 3+4.

Handeha hatrany aho - Refy paika 3

Hirimorimo foana/ amin'iny lalana iny. Refy paika 3+4

Ny ravinkazo maina/ vao nihintsana aninkeheo

No hitondra ahy/ anaty taratry ny fiainana

Handeha hatrany aho Ary

angamba asa...

Intsony tsy hiverina.

Handeha hatrany aho

Hamakivaky haizina/mandrindrindrindrin-karaobato

Ny elatro efa lanin'/ ireny vitsika foy omaly

No hitondra ahy/ any an'onin'ny rako vaky

Handeha hatrany aho Ary

angamba asa..

Intsony tsy hiverina

Ranarivelo Rufin

MIANATRA POEMA

Mbola Rindra mandray roa no entina eto amin'ity kalon'i Koloina NofyFitia ity milohateny hoe : ZOKY!

Ngadona kiroaroa sy ngadona kitelotelo no ampiasa isaka ny andalana.

Marihina fa ny refy paika 1 dia iombonan‹ireo ngadona roa ireo:

Zoky a!

Teto ianao nangorona,

Ary tsy tana

Fa tapitrao nahorona Ny

meva sy ny kanto

Mihitsy ianao

Dia tsy niantra

Fa hatramin'ny tanim-pasana

Aza...

Nofaritanao ho saha -> Refy paika 4

Eny ho'aho

Razokinay mahefa

Hatreto ho'aho 'zahay

manaiky Refy 1 Fa

mbola kely hery

Manoloana anao be sandry

Fa any andro iky

N'aiza io

Tsy anio

Ianao no mbola

Hifanehatra amy...

Liona tanora

Koloina NofyFitia

Misosa tsy misy mikitoana ny rindra ngadona. Tsy sahirana ianao miantsa....tsy re mivalana...

Fehezina toy izao ny refy paika ampiasaina eto:

REFY PAIKA 1 /2 /3 /4

Ranarivel Rufin

MIANATRA POEMA

"ASAKASAKAO MANDOSITRA TSY HO RAINY"

io poema io no raisina eto.

Mbola tsy hiditra amin'ny fitsipika mifehy ny fomba fandrefesana andalana isika

Rehefa ao anaty andalan-tononkalo ireto ngadona anankitelo ireto dia antsoina hoe Rindra afaka ilay noforonina :

Ngadona kiroaroa = {1,2,4,6,8,10,12...}

Ohatra ny andalana manana refy paika 4+4 sy refy paika 6 na 4+2 eto

Ngadona kitelotelo ={1,3,6,9,12....}

Ohatra ny andalana manana refy paika 3+3/sy Refy paika 3

Ngadona manokana ={1,5,7...}

Ohatra eto ny andalana manana refy paika 5 (3+2) sy Refy paika 7 na 4+3 na 3+4

Ohatra fandrafetana Rindra afaka (vers libres)

Asanao ny anao/fa VITAKO NY ZANAKO- Refy 3+3 io

safidinao - Refy paika 3

Ny nandositra sy niala - Refy paika 4

Fa ny endrikao / eny aminy - Refy paika 5 na 3+2

Tsy azonao fafàna - Refy paika 3

TSY AVAHANA

Ampahany

Indro kalo feno mampihatra ireo ngadona anankitelo nohazavaina etsy ambony.

-AsaKAsaKAO manDOsitra/ TSY ho RAIny -Refy 6(4+2)

- f'iZAny TSY aveLAko /hiBAhana AO an-TSAIny- Refy 6 na (3+3)

Io tsy hitandroako/ izay mety Hasasarako. Ref 3+4

Ataovy an-tsaina tsara / vitako ny zanako Refy paika 3+3

Tsy ataoko hita taratra,/ ato an-tokantranonay Refy paika 4+4

Ny fahabangana misy/, amin'ny hoe tsy misy ray.Rp 3+4

Ny manana ny maty aza,/ mahazaka ny azy- Refy paika 4+3

K'izaho ampahafirin'/ izay nilaozam-bady.- Refy paika 3+3

Angoniko ny hery/ hiatrehako ny tolona- Refy 3+4

Ny zanako tsy maintsy/ mba toy ny zanak'olona-Refy paika 3+3

Aza ...hadinoina/ F'izao no tadidio: Refy paika 3+3

Aina nitambarana/ io zaza tokana io- Refy paika 3+4

Io tsy zaza foana/ hijanona amin'izao - Refy paika 3+3

Fa ho avy ny fotoana/ tsy maintsy hitady anao-Refy 4+3

Safidy niombona/NA matoa niforona izy.- Refy paika 3+4

Ny tantara no aoka hitsara/izay sahy nitsoaka adidy-Refy paika 4+4

Fa ny ahy averiko eto/ka aoka hazava tsara- Refy paikac4+3

Hiezaka aho hameno//izay mety ho fahabangana.Refy paika 3+4

Fa io no hany tokana/mameno ny hasambarako-Refy paika 3+3

Asanao ny anao/fa vitako ny zanako- Refy paika 3+3

Io safidinao: /ny nandositra SY niala - Refy paika 3+4

Fa ny endrikao / eny aminy- Refy paika 5 na 3+2

Tsy azonao fafàna -Refy paika 3

Fa ny ahy ny hany tanjona/ tsy miova fa ho tanako.Refy paika 4+4

Na ahoana na ahoana/ vitako ny zanako - Refy paika 7 na Refy paika 4+3

TSY AVAHANA

Niezaka ny poeta ny hanao poezia hentitra manara-dalàna mahazatra (vers réguliers) toy ny fanaon-dry Rado sy Dox, izany hoe " voatana hatrany ny ngadona kiroaroa na ny ngadona kitelotelo nosafidianana".

Tsy "tafa" anefa izany eto. Rindra afaka no vita sy hita. Kanto anefa ny rindra ngadona ao. Voa-araka tsara ny tekinikan'ny refy paika mifanaraka sy refy paika mifamaly ary ny refy paika mifamihina. Ho hazavaina bebe kokoa io amin'ny manaraka.

Ranarivelo Rufin

MIANATRA POEMA

Ny poezia na kalo dia mety ho ampaham-piainana fototra iray anaty tantara foronina.

Ohatra anankiray ity izay narafitra anaty Ngadona kitelotelo.Rindra kitelotelo , Refy paika 3/3+3

Iny lambako iny! Refy paika 3

Nasehony ahy androany

Ny rovitry ny akanjoko

Fahiny voarambiny

Tanaty adinay

Nifampirirodrirotra.

Tsaroako tamin'izay/ ... satriko voasintony

Hanatona ny tratrany,/ toy ny babo an'ady... Manaiky

'zay hanaovany/ 'zay tiany ataony amiko Satriko aza

resiny...

Satriko izy tsy afaka/ hanalavitra ahy

Satriko ho giaziny/ hidiany anaty fony.

Nasehoko azy koa

Ny foko mbola banga

Tsy feno hatram'izao/tsy azony hoe hampiana

Tsaroany tam'izay/, ...satriny, hono, hozairiny

Hiraikitra amin'ny ahy/ny fony 'zay niriany

Niniany norimbonina.

Satriny aza hikambana

Hitambatr' ankiray

Satriny hifameno/ hitovy hasambarana

Satriny aza hiombona/iray fitomaniana.

Ny rovi-dambako iny/ navadikay ho tady

Nafehy ny fony rimbona

Tsy nahatazona ahy

Ny silaky ny fony/ nasosony ny akanjony

Nentiko niverina/ tsy mety hanampiana

Kanefa raha ny marina

Tsy misy mahalala/ tsy misy mety mino

Fa hoe: Refy paika 1

Iny lambako iny/, 'lay lambako ahy omaly

Mbola lambako foana Ikaloyna

Vony.

Mariho fa ny teboka telo dia fanginana midika paika mangina iray. Somary miato kely vao tohizina ny antsa.

Io izao dia ohatra Rindra hentitra sokajy iray anaty Ngadona kitelotelo na dingan-telo mifanongoa indroa miantoana.Izany hoe Refy paika 6/3 na Refy paika 3+3/3.

Rarinteny Hentitra eto no ampiasaina satria ahitana vanimpeo mafy novolena.

Mihatra foana ny fitsipika fototra toy ny

- Raha misy vanimpeo mafy roa mifanaraka dia mandefitra ho vanimpeo malemy ny iray. ohatra:

TSY MIsy 'MAhaLAla > tsy MIsy MAhaLAla

- Fitsipiky ny andianjanampeo
- Anaty teny atao indray manonona

  Ohatra: Tsa (roa)ny tam'izay

- Anaty teny Atao indroa manonona

  Ohatra satriko ho GI- A-ziny

Ao koa ny andianjanampeo mampiray teny roa

- Atao indray manonona

  Ohatra Ma NAI ky izay hanaovany

- Atao indroa manonona

Oh

naSEho- ny - A- hy a(ndroa)ny

Misy fitsipika entina anavahana ny vanimpeo mafy (izay VENTY FANDREFESANA ANDALANA) amin'ny vanimpeo malemy ve? Misy dia misy tokoa , izay ilay lafiny tekinika entina mampivoatra ny asa fandrafetana poezia na kalo na tononkalo na poema.

Ranarivelo Rufin

FANAZAVANA FANAMPINY

MIKASIKA NY RINDRA AFAKA (Vers libres)

Hohazavaina eto ny atao hoe Rindra afaka (vers libres) eo amin'ny poezia na kalo malagasy. Tsy hiverenana ny nahazoana ny ngadona kiroaroa (rythme binaire) sy ngadona kitelotelo (rythme ternaire) izay tsy maintsy hay na dia anaty "routine" fotsiny aza.

Rehefa mifampitantana ny ngadona kiroaroa sy kitelotelo dia antsoina hoe

- Ngadona manokana- Rindra manokana (Refy paika 7 na Refy paika (4+3 na 3+4)/sy

- Ngadona manokana - Rindra manokana Refy paika 5 na Refy paika (3+2 na 2+3).

Afaka mamorona ohatra ianao.

Ireto avy ny refy paika anaty ngadona kiroaroa amin'ny sakany sy ny lavany , izany hoe rindra mifampitantana na rindra mifanjohy.

Ohatra:

Mbola tsy afaka/ ao an-tsaiko - Refy paika 4 na 2+2

Nefa isika toy ny olona/efa nifankazatra ela -Refy paika 4+4

Ao koa ny refy paika 6 na Refy paika 2+2+2

Eto indray ny ngadona kiroaroa mifanjohy amin'ny lavany

Refy paika 4+4/4

Mbola tsy afaka ao an-tsaiko- Refy paika 4

Ilay fotoana nihaonantsika/teny an-tenatenan-dalana - Refy paika 4+4

Satria toa misy hery tsy haiko-Refy paika 4

Hazavaina hatramin'izao/rehefa dify ilay sampanana -Refy paika 4+4

Ireto indray ny refy paika anaty

- Ngadona kitelotelo amin'ny sakany (mifampitantana)

Refy paika 3+3

Tsy fantatro akory/ 'zay momba anao any - Refy paika 3+3

- Ngadona kitelotelo amin'ny lavany (mifanjohy.) Refy paika 3/3

Ohatra

Refy paika 3/3

Tsy fantatro akory - Refy paika 3

'zay momba anao any - Refy paika 3

Ao koa ny refy paika 4/3 ohatra

(Ilay fotoana tsy nampoizina)/ Refy paika 4

nahitako anao -Refy paika 3 Zary

toa lalaiko - Refy paika 3

Ny ankoatra an'ireo dia ngadona manokana. Izany hoe refy paika kiroaroa mifampitantana amin'ny refy paika kitelotelo na mifamaly amin'izany ohatra

Ngadona manokana, Rindra manokana, Refy paika 4+3 I-a-NA-o RA-ha

-TE-o/TSY mba NIAlaNGAlana.

Nanohana ahy sahady/noho ny lalana malama-Refy paika 3+4

Indro àry ilay kalo na poezia (Vanimpeo mafy ireo amin'ny sorabaventy ary vanimpeo malemy ireo amin'ny sora-madinika...amin'ny andalana vitsy natao ohatra)

RINDRA AFAKA mampiasa - Ngadona kiroaroa sy Ngadona kitelotelo ary Ngadona manokana.

Mbola tsy afaka ao an-tsaiko - Refy paika 4

Ilay fotoana tsy nampoizina/nahitako anao -Rp4+3

Zary toa lalaiko - Refy paika 3

Ny irery mahatsiaro/ ny zavatra natao -Refy paika 4+3

Tsy fantatro akory/ 'zay momba anao any - Refy paika 3+3

Nefa isika toy ny olona/efa nifankazatra ela -Refy paika 4+4

NA iaNAO koa Aza/ mba NAhaTEny iZAny - Refy paika.3+3

Saingy roso moa ny dia/;ny vinany indray navela R4+4

niFAmpiTSIky iSIka/,SAmy REvo NIAra-DAlana,-Refy paika 3+4 KA tsy NIsy

FAhaNGIna/NA naNDAlo NA taMAna Refy paika 4+4

I-a-NA-o RA-ha -TE-o/TSY mba NIAlaNGAlana. Refy paika 4+3

Nanohana ahy sahady/Noho ny lalana malama-Refy paika 3+4

Indrisy ka indrisy,/ tsy maintsy nifandao Refy paika 3+3

Anton-dia ...samy hafa/ no indro nampisaraka Refy paika 4+3

Tsy maintsy nofaranana/ny sangisanginao- .Refy paika 3+3

Mbola tsy afaka ao an-tsaiko- Refy paika 4

Ilay fotoana nihaonantsika/teny an-tenatenan-dalana - Refy paika 4+4

Satria toa misy hery tsy haiko-Refy paika 4

Hazavaina hatramin'izao/rehefa dify ilay sampanana -Refy paika 4+4 Diary Ratiarison.

Fitsipika mba hisian'ny RINDRA-NGADONA, ialana amin'ny kitoatoana

1/ Refy paika mifanjohy anaty ngadona kiroaroa sy ngadona kitelotelo

Ohatra: aa bb

Refy paika 4 na 2+2+2 na 4+4

Refy paika 4

Refy paika 3 na 3+3 na 3+3+3

Refy paika 3

Nefa isika toy ny olona Refy paika 4

Efa nifankazatra ela -Refy paika 4

NA iaNAO koa Aza Refy paika 3

Mba NAhaTEny iZAny - Refy paika 3

2/ Refy paika mifamaly : abab

Ohatra

Refy paika 4

Refy paika 3

Refy paika 4

Refy paika 3

Ilay fotoana tsy nampoizina Refy paika 4

nahitako anao - Refy paika 3 Ny irery

mahatsiaro-Refy paika 4 ny zavatra natao -

Refy paika 3

3/ Refy paika mifamihina : abba

Ohatra

Refy paika 4

Refy paika 3

Refy paika 3

Refy paika 4

I-a-NA-o RA-ha -TE-o Refy paika 4

TSY mba NIAlaNGAlana. Refy paika 3

Nanohana ahy sahady Refy paika 3

Noho ny lalana malama Refy paika 4

4/ Ao amin'ny Refy paika manokana izay refy paika roa mifamaly dia azo ampifandraisina amin'ireo telo voalohany.

Ohatra.

Refy paika 4+3

Refy paika 3+4 > abba

I-a-NA-o RA-ha -TE-o/TSY mba NIAlaNGAlana. Refy paika 4+3

Nanohana ahy sahady/Noho ny lalana malama-Refy paika 3+4

Refy paika 4+3 - Tany hay, tany may/'zay jeren'ny maso

Refy paika 3+3 - Sy jeren'ny saina/vaka sady maina

Refy paika 3+2 - Mahita ilay maraina/ vao mifoha

Refy paika 2 - ka mamoha

Tsiahy maro sy

ny sisa

,

Farany . Misy telo ny karazana andalana.

* Andalana mihidy- Mifarana eo amin'ny faran'andalana nyampahantsarinteny. Raha vahana ny andininy dia tsy hahazoana fehezanteny

Ohatra

Akory kosa Antehiroka sy Ambohimanarina:

Tsy tendrombohitra hifaninana

Tsy lohasaha hifanebaka

Tanimbary niara-niketsa

Sobika niara-peno vary; Fatam-

bary niara-drinary Zaza niaraka

ihany.

Haintenin''ny Ntaolo.

* Andalana mitafitafy. Mivoha ny faran'andalana saingy mijanona eoan-tenantenan'ny andalana manaraka (/vikina sy tsipy enjambement et rejet)

* Andalana mivoha. Mivoha tanteraka ny faran'andalana rehetra.Raha ravana ka atao amin'ny endrika lahatsoratra ny andininy dia manome fehezanteny feno Ohatra:

Mbola tsy afaka ao an-tsaiko- Refy paika 4

Ilay fotoana nihaonantsika/teny an-tenatenan-dalana - Refy paika 4+4

Satria toa misy hery tsy haiko-Refy paika 4

Hazavaina hatramin'izao/rehefa dify ilay sampanana

Manana safidy ianao. FEHEZO ALOHA RAHA AZONAO ATAO NY MANAO FANAZARANTENA MAMPIADY NGADONA KIROAROA SY KITELOTELO VAO MAMPIADY RIMA.

Ohatra akaiky tiantsika ilay poezian'i Rado mitondra ny lohateny hoe : Hafatra

Ngadona kitelotelo - Refy paika 3 na Refy paika 3+3/3

HAFATRA

Ho any ianao kanefa,/ aza ataonao fantany Refy paika 3+3

'Zao fahoriako izao....Refy paika ,3

Rado

Ampahany

Miaingà amin'ny Teboka efatra famoronana dia ndeha tozoy ny lalan'ny famoronana.

Ranarivelo Rufin

MIANATRA POEMA

Aza atao vato sakana ny mandrasarasa ny andalana ho vanimpeo mafy sy malemy ary moana miaraka ny fitsipika mifehy ny fifandroritan'ny tsindrimpeo, indrindra ny aminlny Andianjanampeo.

Rindra mandray roa.

Ny ho avy ve? - Refy paika 3

Tany hay , feno tsilo, tany mainty babangoana R4+4

Tany mainan'ny ankamantatra Refy paika 44

Tsy fantatra fisiana: Refy paika 3

Ahiahy lava, tebitebin-tsaina Refy paika 3+3

No mandrakotra ny masoko, efa jenjina sy jamba Refy paika 8

'Jembin'ny tampi-maso Refy paika 3

Manakona ny ampitso...Refy paika 3

Ny ampitsoko ve? Refy paika 3

Tany hay, feno tsilo, tany mainty feno haizina Refy paika 4+4

Tsy hitan'ny eritreritra, natao hisava lalana Refy paika 3+3

Tsy ahitana izay diavina Refy paika 4

Na misy aza anefa/ fisiana anaty nofy Refy paika 3+3 Tsy azo iantsampazana, tsy azo tanterahana..

Ny herin'ny zavamisy? Saringom-pahantrana Refy paika 3+3

Gejain'ny fanireriko, fandrika handentehana Refy paika 3+3

Ny ain'ny fikasako tsy ho very sasaka

Ao anaty fahanginako - Refy paika 4

Mitroatra hikomiako... Refy paika 3

Izao tontolo izao dia tontolo mpanaben'

Ny tsindry hazo lena...

Tany hay, hita, re, tany mainty feno tsilo

Tany may, tany mbola iorenan'ny fisiako.

Ranarivelo Rufin

Desambra 1978

MIANATRA POEMA

Ngadona manokana, sy ngadona kitelotelo

Refy paika 7/3 na Refy paika 4+3/3 . Izany hoe isaka ny andalana dia ahitana

- Voalohany : Refy paika 4 miampy refy paika 3 Ohatra f'iZAho

  aLOha aTY dia MBOla/tsy TE hiTEbiTEby

- Faharoa: Refy paika 3

Ohatra

NA koa HIAsa LOha

Indro ilay poezia Refy paika 4+3/3

Vanimpeo mafy no VENTY FANDREFESANA ANDALANA.

TSY aKOry Aho MIAvona/ rah' TOA ka TSY miRAIka
Fa KOsa Efa MAnan-DRAfitra/ Efa MAty PAIka
Rah'TOA ka REsaKA fiTIA.../, AOka miHItsy aLOha
F'izaho aloha aty dia mbola/tsy te-hitebiteby
Na koa...hiasa loha.

F'izaho aty mbola tamana/,amin'ny fiaina-mamy
Mah' selibatera
Manko rehefa iny izaho/ mantsy te-hivoaka
tsy mila izay miera
Ihany koa tsy mbola foiko/, ny torimaso mamy
Isaka ny alina.

Dia matory am-pilaminana/, tsy mila mieritreritra
Na misaina lalina...
Mantsy tsy ho takatrao, / ilay fitia andrasako
Mantsy tsy ho zakanao,/rah' ho tanisaiko
Aminao ny lasako.

Sady ny aty koa lesy! Mahatoky tena!
Tsy matimatina tambazana/vola aman-karena
Tsotsotra fomba fiaina

Fa betsaka hambom-po

Tratra lesy ny tanjona

Izay vao afa-po

KAREN R.

Io kalo io na io poezia io dia azontsila arafitra anaty RINDRA MANDRAY ROA , izany hoe ngadona kiroaroa (refy paika 2 na refy paika 4) mifamaly na mifanjohy amin'ny ngadona kitelotelo (Refy paika 3)

Indro àry:

TSY aKOry Aho MIAvona/

Rah' TOA ka TSY miRAIka

Fa KOsa Efa MAnan-DRAfitra/

Efa MAty PAIka

Rah'TOA ka REsaKA fiTIA.../,

AOka miHItsy aLOha F'izaho

aty aloha dia mbola/ tsy te-

hitebiteby

Na koa...hiasa loha.

F'izaho aty mbola tamana/

Amy fiaina-mamy

MAh' seLIbaTEra

Manko rehefa iny izaho/
Mantsy te-hivoaka tsy
mila izay miera Ihany koa tsy
mbola foiko/,
Ny torimaso mamy
Isaka ny alina.

Dia matory am-pilaminana/,
Tsy mila mieritreritra
Na misaina lalina...

Mantsy tsy ho takatrao, /
Ilay fitia andrasako
Mantsy tsy ho zakanao,/
Rah' ho tanisaiko
Aminao ny lasako.

Sady ny aty koa lesy!
MAhaTOky TEna!
Tsy matimatina tambazana/
Vola aman-karena
Tsotsotra fomba fiaina
Fa betsaka hambom-po
Tratra lesy ny tanjona

Izay vao afa-po

KAREN R.

Amin'ity kalo ity, dia nasiana fikitihana ny ngadona. Noraisina ny Refy paika misy ao amin'ny andalana 1 sy 2 dia iny no nohajaina hatramin'ny andalana farany.

Ampitahao ireo dia omeo ny Tsoa-kevitra

Ranarivelo Rufin

MIANATRA POEMA

Ohatra raisina eto ireto andalana ankiroa

MiSAri-NOfy MIOfo/ Ao aNAty NOfoko Ao (Refy paika 3+4)

Ny eritreri- maninteraka (Refy paika 4) Aingampanahy

Feon'ny Saina.

Ho tohizana ny kalo etsy ambony

Indro àry

MiSAri-NOfy MIOfo/ Ao aNAty NOfoko Ao (Refy 3+4)

Ny EriTREri- MAninTEraka (Refy paika 4)

Tiana nasongadin'/ ilay fanahy te-hisandratra

Hamololona eny hatrany

Amin-daingon'iry maraina

F'indro ipariahan'/ ny tsikitsikim-bony vaky

'Zay donaham-pofo-manitra

Ny embokembokao manento

Ka dia velombelon'aina

Mba ho vongam-panasinana

Ny mofo ho tena mamy nofy Ny

eritreritrao tineraka.

AINGAMPANAHY FEON'NY SAINA.

A F S

Manankarena haisary hosodoko io kalo io. Ary saika izay ny fitosaky ny diam-penin'ny Poeta. Somary sarotra mahaliana na dia somary mavesabesatra aza ny fizotra sy ngadon'ny haifeony

Ranarivelo Rufin

MIANATRA POEMA

Sendra hitako tao anaty tahirin-kevitra ity poezia ity. Kalo nosoratan'ny mpiara-mianatra iray kilasy tamiko (classe de seconde)
tao amin'ny Lycée Ampefiloha, taona 1976. Jean Louis Rakotoarimanga no anarany.

Rindra hentitra manara-dalàna (vers réguliers)

Ngadona kitelotelo, Refy paika 6 na 3+3

Tolom-piavotana/no avoakany asesy

Ihany koa ampiany/ hoe: "Tsy maintsy mandresy!".

Dia mirediredy/ " Firaisana hono no hery!" Milaza

ery fa mafy/ ny ketoky ny fery.

Dia mibadabada/ ny lelany e! miraikitra. Dia

miboredika eo/" Tsy tanty izany kaikitra!" Ny

teniny e! mirada../.Ny iviny mitete.

Ny tongony e! mipilaka/mameno ny arabe.

Tomaniny e! tsy miala /an-tsisin-dreo tamboho Rah'

sendra ka mivena, / manao katro-doha.

Mitolilalila / miantso hoe " Tantano!"

Tsy maintsy mandresy, hono, ny tolom-piavotana.

Ny masony e! kanefa feno haromotana

Mpitolona, hono, izy...Nefa hay mpimamo.

Jean Louis Rakotoarimanga

Vanim-potoana Revolisiona Sosialista no namoronana an'io kalo io. Nianarana tany am-pianarana ny momba an-dry Mao Tse Toung, ry Karl Max, ry Lenine, ry Kim IlSung.

Saika andalana mihidy miady ngadona sy miady rima no nandrafetana an'io kalo io. Ny sarinteny mivantana voarain'ny maso dia tantarana olona mamo anankiray ho sarintsarina mpitolona.

Ranarivelo Rufin

MIANATRA POEMA NA KALO

Ho jerena manokana eto ny rindra ngadona sy andalana anatin'ny kalon'i Karen Stéphanie Manjaka manana ny talentany ao anaty fianakaviambe.

Eto dia sokajiantsika anaty Rindra afaka ito kalo ito izay somary nisy nokitihina kely.

Rehefa hianatra poezia dia ny mampiady ngadona aloha . Ezahana fehezina ny NGADONA KIROAROA SY NY NGADONA KITELOTELO. Manaraka ho azy ny mampiady rima.

Indro kalo iray:

Topazo...

Topazo maso aho/ na dia hoe...

Iray minitra monja.

Mantsy ny ranomasin'/izy ireo milamina,

Ny ahy kosa...tena Be

fanonja.

Ny samboko aty/ madiva ho rendrika

Difotry ny rano

Loatra

Tafahoatra.. Ny vavako no

tsy miloaka Fa ny foko...

Efa te-hitroatra...

Topazo maso aho/ na dia hoe...

Segondra vitsy ihany.

Ny lanitr'izy ireo

Mantsy manga/mitondra hafaliana Tsy

mety lany.

Ny ahy kosa... Rako-drahona

Maizin'ny tontolo/ misy ahy Aiza

ianao 'lay hany tokana Mba

tokony... hiahy?

Topazo maso aho

Fa mitady ho very

Mirenireny

Toy ny zaza

F'efa manao izay/ fara heriko aho

Miandrandra izay Ho

sahaza.

Isanandro aho/mila ny herinao

Isa-minitra aho

Te-hahita

Fitiavana aminao.

Fotsiny

Topazo maso aho

Mba hahalalako

Fa...

Tsy miady irery

Aho ety

Karen Stéphanie Manjaka.

Io dia ohatra iray na endrika kalo Tora-pó ankiray (lyrisme).

Mbola azontsika atao Rindra hentitra manara-dalàna koa io (vers réguliers) izany hoe mitovy ny refy paika isaka ny andalana.

Ohatra ataontsika Ngadona kitelotelo-Refy paika 3+3/3

Topazo maso aho

Na dia hoe iray/ minitra monja aza...

Mantsy ny ranomasin'/ izy ireo milamina

Ny ahy kosa aty

Dia tena be fanonja.

Ny samboko aty/madiva ny ho rendrika

Difotry ny rano

Diso tafahoatra

Ny vavako no tsy miloaka/...ny foko te-hitroatra

Topazo maso aho

Eny na dia hoe:/ segondra vitsy ihany

Ny lanitr'izy ireo/ mantsy manga erÿ

Mitrotro hafaliana

Toa tsy mety lany

Ny ahy kosa aty/tena rako-drahona

Maizin'ny tontolo

Efa misy ahy...

Aiza ianao r' ilay/ hany tokana mba...

Tokony hiahy ahy?

Topazo maso aho

Fa mitady ho very/ ka e! mirenireny

Toy ny zaza very

F'efa manao izay.../fara heriko aho.

Miandrandra izay/ hoe ho sahaza

Isan'andro aho/mila ny herinao Isa-minitra

aho/ te-_hahita hatrany Fitiavana

aminao.

Fotsiny, topazo maso

Aho mba hahalalako/ fa tsy miady irery

Aho ety an-tany...

Karen Stéphanie Manjaka.

Mbola azontsika atao ngadona kiroaroa io kalo io ka refy paika 4+4/4/2

Ranarivelo Rufin

MIANATRA POEMA NA KALO

Ho jerena manokana eto ny NGADONA KIROAROA AMIN'NY ENDRINY ANANKIROA: Andalana mitovy refy paika sy andalana tsy mitovy refy paika kanefa izy roroa samy ao anaty valan'ny ngadona kiroaroa.

Tsiahivina aloha fa ny ngadona dia fiverimberenan'ny VANIMPEO MAFY elanelanin'ny VANIMPEO MALEMY IRAY NA ROA eo amin'ny kalo malagasy.

Ao amin'ny ngadona kiroaroa dia ahitana andalana mitovy Refy paika hatrany amin'ny andalana farany

Refy paika 2

Ohatra

Dia nangina

Ilay tantara

Fa nimoana

Toy ny saona

Ny fisiany

Mamanara.

Refy paika 4 na (2+2)

Ohatra

Dia nangina/ ilay tantara

Toa nimoana /ny fisiany...

Refy paika 6 na (2+2-2)

Ohatra

Dia nangina /ilay tantara/lavareny

Fa nimoana/ny fisiany/teny ho eny

Refy paika 8 na (2+2+2+2) na 4+4

Dia nangina/ilay tantara/lavareny/mankaleo

Fa nimoana/ny fisiany/teny ho eny/efa resy

Hatreo ihany aloha

Ao amin'ny ngadona kiroaroa koa dia ahitana andalana tsy mitovy halava kanefa manaja ireo Refy paika singan'ny ngadona kiroaroa.

Toa Rindra afaka (vers libres,) raha jerena maika kanefa dia Rindra hentitra anaty ngadona kiroaroa.

Ohatra eto ambany, kalo iray ahitana Refy paika 2/4/6/8.

Misalobona ao irery/ny eritreriny efa tia, (Refy paikav8) Tia kanefa dia tsy maintsy mbola hamoy (Refy paika 6) Hamoy ilay fitiavany...

Dia nangina /ilay tantara (Refy 4

Toa nimoana/ny fisiany

Moa mangidy vé ny lalany

No hita miondrika ny tarany

Efa lò (Refy 2)

Nefa tò?

Tsy hay tsy hitanao hiraina

Nefa aina

Mbola mamy sady sitraka

Mbola mamy eny an-tanany

Any ivohon'ilay fitiavany

Nafoiny nefa...

Aina anaty

Afo hamelona mandramaty Refy paika 4

Ny androm-pahoriako vaky/niparasaka ary lasa

Tonga haizina amiratana

Tao vao haiko/tao vao tsapako

Fa hay dia tena sarobidy

Ny tantara iray nivalona..

Dia nangina, ho'aho, ny lalany/nindramiko mba ho ahy fahiny...

Na oviana tsy hay ho lalany./manindry izato fahanginana

Efa feno taolambalo

TIa mandefona ny Ampitso.....

Dia nangina lay tantara toa

mimoana ny fisiany Tena

mamy hay ny tarany

Hay , ho ahy ny hasambarany

Ranarivelo Rufin

1980

.

MIANATRA POEMA

Avy amin'ny asasoratrareo ihany no hazavaiko sy asiako kasika fanitsiana eny an-tsefatsefany eny. Tsy nampoizin'ny mpanoratra ity ngadona efa niainany anaty ity izay mivoaka ho azy eo an-dohampeniny. Ny lantompeo anaty fehezanteny narafitra ho andalana no manazava ilay faingo anaty (césure).

Indro àry, ngadona manokana 7 - Refy paika 3+4

Nilentika ho takona/any ambadiky ny havoana

'Lay masoandro mody/omban'ny tara-pah'zavany.

Nanjohy ny lalany izy/niankandrefana any foana

Najanony ny haizina/ho faha'taperan'ny andro androany.

Nefa firy ireo/mbola misomebiseby

Amin'ny fivelomany/sy ny asa nosahaniny?

Firy ireo tsy miandry/ao anaty tebiteby Satria...

Rakofan'ny akom-peo/mampatahotra ny aliny?

Hiakan-jazavavy/mitomany tratra hariva

Nanantena vonjy/saingy indrisy tsisy nihaino

Redin-jiolahy/ amin'ny feony iva dia iva

Sy 'zato hamamoany/ saininy ho tsiambaratelo.

Fiara miraondraona/no re tsy mampilamin-tsaina

Am'ireo mpamily/ sy 'zay rehetr' ho entiny

Hira soa malefaka/no manafoana ny taraina

Sy mandavo rofy/ amin'ny ngadom-piaina arentiny.

Miampy tonom-bavaka/fisaorana ny efa tò

Sy ny zavatra rehetra/mbola homeny,mbola' iainana

Nofy sy eritreritra/amin'izay mety hanjo

Sy 'zay tian' hitranga/raha tahiany...alim-piainana.

Nilentika ho takona/any ambadiky ny havoana

'Lay masoandro mody/omban'ny tara-pah'zavany.

Nanjohy ny lalany izy/ hampandroso ity fotoana Hahatongavan'ny

andro/ampitso, fa tapitra ny androany.

Diary Ratiarison.

Io izao dia ngadona miala amin'ny ngadona mahazatra efa dridrangilo. Azonao andramana handasirana ny aingampanahinao:

Ngadona manokana 5 ahitana Refy paika 2+3 na Refy paika 3+2

Ngadona manokana 7 ahitana ny Refy paika 3+4 na Refy paika 4+3.

Ranarivelo Rufin

MIANATRA POEMA

Kalomilahatsoratra (poème en prose) indro

ohatra anankiray:

Ny teboka namantsihany ahy ihany sisa no MBA navelany. Reraka ny elatro manjohy irery ny sisin-tanin'ny sento.

Lanitra eny ny heriny. Avo tsy hay sy tsy hita iandrandran'ny masoko.

Ireny rehetra ireny? Fisainana voazanaka. Baboiny avokoa na fanahy na fo na nofo. Kanefa ireny no mainka mampiredareda ny finiavako ao anaty sahan' alina notsivatsivaiko.

Ny faniloko natsangako aza mainka nanazava ny hasarobidin'ny lalankelin'ny hafa hitondra ilay maraina... na dia tsy ho ahy intsony aza... satria... ny amiko...efa amin'ny finiavany niaro ilay faniloko.

Izay ilay teboka namantsihan'ireo mpanitsaka ny rariny sy ny hitsiny ny lalako. Ranarivelo Rufin

08 Jolay 1984

MIANATRA POEMA

Kalo gasy

Ry sarisary moana
Vizana mitrotro
Taratra misaona!

Ry endrika misotro
Vintana miraraka
Eo am-bava motro
Moa...
ilaozanao hisaraka?

Ry sarisary moana
Tsy mahafohy ny lalana
Mahantra efa noana
Very hasambarana,
Toa anao... Iriako
Ho tena fifaliako
Ny aloky ny vita
Iriako mba ho diako
Hitrotro ireo tafita

Ranarivelo Rufin

Tsiahivina mandrakariva fa ao anaty rafi-kiran'ny poezia no handrendrehana ny saryloko entina ivoizana ny tian-kambara.

Efatra raha atao indray mamehy ny karazana saryloko azo atao amin'ny alalan'ny soratra. Ireto avy izy ireo:

Ranarivelo Rufin

POEZIA ANKOATRAHOATRA/RINDRA MALALAKA

TSETSATSETSA TSY ARITRA

Tafiditra ao amin'ny fanazavana sy fianarana kalo ity Tahirin-kevitra ity:

31 Aogositra 2025

Manohy ny fandalovan'ise taty aminay. Fotoana fohy nihaonana fa nahafantarako ny bitika indrindra anefa ngeza momba an'ise dia ilay "ise" tsy mbola miova rehefa hanao zavatra kinendrin'ise izay. Ny tenako moa dia anjorombala lava eny no manohy irery ny fikarohana
-

Fa mikasika ny fangatahan'ise dia indro ny dikany amin'ny teny frantsay mikasika ny Tsetsatsetsa tsy aritra,

REGARD DE LA LUNE

C'est le titre d'un recueil renfermant vingt poèmes surréalistes teintés des éléments symbolistes composés par le poète Hérizà Ratahiana de son pseudonyme à l'époque .

C' est l'un des documents tiré du dossier du Cercle de la littérature malagasy dénommé FA.HA.MA d'antan, autrement dit 'l'Acte de promouvoir et de developper la littérature malagasy"; FAHAMA qui loin

d'être une association légale n'était qu'un lieu de rencontre de quelques poètes et écrivains à l'époque pour des échanges culturels.

A PROPOS DU "REGARD DE LA LUNE"

Ce qui frappe l'oeil à première vue en feuilletant le recueil original avant d'y pénétrer, ce sont les points ci-après:

A/ Musique du verbe

- des poèmes écrits à la machine à écrire dont fade est l'encre noirtournant en gris clair.
- des poèmes écrits à cent pour cent en caractères minuscules
- Aucun signe de ponctuation
- des poèmes écrits en phrases complètes segmentées en groupesrythmiques assimilés aux vers selon le rythme naturel du poème déclamé et imposé par le choix et l'inspiration du poète.

En bref, cette manière de matérialiser la musique des verbes dans ces poèmes démontre

- primo le bon vouloir du poète de ne pas se conformer à la versification soit le bon vouloir du poète de se libérer de certaines normes et ordres établis en général y compris ceux du système culturel. Il est en perpétuelle quête d'une renovation ou d'un changement dans le domaine de "Belles écritures" soit " Sora-kanto" en malagasy.
- Secondo, ladite manière de matérialiser dans les écrits ses inspirations nous précise que ces poèmes surréalistes aux rythmes naturels, improvisés et spontanés des vers sont faits pour être déclamés comme le slam, le kabary.De là, il s'agit d'une autre forme de vers libérés jusqu'ici.

B/ Peinture vivante à l'aide des mots imagés ou séquences d'images.

Il en est de même concernant la peinture avec des mots imagés que le poète a expliqués dans l'avant-propos de son recueil. Et encore plus confirmée à travers l'unique poème que j'ai intitulé " Mission du poète" comme conclusion de ce nouveau chef-d'oeuvre " Regard de la lune" continuant à suivre le beau sillage du " Traduit de la nuit" de JJ Rabearivelo.

En effet, ces séquences d'images décrivant

- les désirs, les souhaits, les rêves tous refoulés,

- et les visions, les objectifs, les projets tous non réalisés

-ainsi que tous les sentiments néfastes et les contraintes subis émanant de ces injustices et violences,

Bref, tous les maux qu'il a subis sont refoulés dans l'inconscience et au plus profond de la subconscience.

Les faits réels traduisant les cultures assimilées et acquises entrent en contradiction dialectique avec les faits surréels.

Et ces séquences d'images qui s'enchaînent logiquement ou ces séquences d'images contradictoires qui se suivent sans aucune suite logique subissent des contraintes pesantes.

Ce sont des séquences d'images refoulées dans l'inconscience qu'il faut libérer ou ce sont des séquences d'images ensevelies vivantes dans l'abîme profonde de la subconscience qu'il faut rescuciter.

Toutes ces séquences d'images réelles et celles surréelles (toujours en contradictions dialectiques) sont des oeufs couvés.

Certains étaient éclos et prenaient la forme des poèmes à la fois réalistes et souvent agressifs sous l'impulsion de l'intelligence et de la raison à l'époque de la Révolution Socialiste Malagasy.

Un seul parmi ces oeufs a failli ne pas être éclos; un seul oeuf qui a fini par trouver son éclosion sous la chaleur intense du soleil reçue par la lune. Mais il était difforme soit dépourvu de tête et une bête sans ses deux pattes: une nature quasi ronde pareille à une pleine lune personnifiée vêtue du linceul noir de la nuit parsemée d'étoiles ou plus ouvertement de la nuit qui avait emprisonné les séquences d'images avortés mais encore toujours en vie dans l'inconscience et dans la subconscience du poète.

C/ MESSAGE

Musique du verbe et Peinture avec des mots imagés sont les deux ailes fortes du message à transmettre dans chaque écrit poétique.

Le message vital dans le présent recueil est la sagesse des anciens ancêtres transmise par le truchement des mots imagés faciles à lire mais dont le vrai sens demeure caché et difficile à comprendre dans l'imédiat. La Mission du poète est d'atteindre le vrai sens dissimulé dans cette vision quasi-prophétique.

Revenons à l'avant-propos.

- La première existence du poète se trouve dans les oeufs couvés etéclos sous la domination de tout ce qui est rationnel et logique, fruit de l'intelligence et de la raison - Une vie enfantée par la mère patrie- Cf Mission du poète. Ce sont les poèmes réalistes auxquels l'auteur s'est livré librement (réalisme subjectif et réalisme objectif)

- La deuxième existence du poète se trouve dans l'un des oeufscouvés qui a failli ne pas être éclos mais sous la chaleur intense du soleil reçue par la pleine lune elle donne un être difforme que ruminent l'inconscience et

la subconscience. Ce sont les poèmes surréalistes teintés parfois des éléments symbolistes.

Cet oeuf couvé, éclos mais difforme constitue l'image des écritures automatiques et poétiques loin de passer par l'intelligence et la raison. Un être éclos sans tête et sans ses deux pattes après avoir reçu la chaleur de milliers dégrés. C'est une nature quasi ronde comme la pleine lune qui représente l'image des poèmes surréalistes jaillissant de son regard, images des ces petits êtres éclos et difformes, nés de l'inspiration puisant sa force aussi bien dans l'inconscience que dans la subconscience. Et cette lune personnifiée à un être humain n'est qu'un seul oeil ayant son propre regard duquel est éclos chaque oeil qui a failli ne pas être éclos.

Et elles sont nées les écritures automatiques parfois bizarres, folles et difformes qui vous font rire dans le REGARD DE LA LUNE ayant aussi bien sa souveraineté (celle de l'Etat Malagasy à l'époque) que sa personnalité (celle du poète) au milieu de la nuit orageuse ou parsemée d'étoiles.

Ce recueil de poèmes surréalistes composés par Ranjatohery Harilala fait partie de la littérature orale si on se refère à la manière dont il confectionne les vers libérés dans la langue malagasy.

A travers la traduction ou la deuxième source d'inspiration de chaque poème prenant la forme DES VERS LIBÉRÉS, (vers affranchis de la versification) on a essayé de rester fidèle au message vital de l'oeuvre.

Ainsi, à la fin de chaque vers se matérialise un silence succint ou une pause; chaque vers étant un groupe rythmique assimilé à des vers de différentes longueurs. On ne prend que le rythme naturel de la MUSIQUE DES VERBES et celui inné du poète. Cette manière et technique de la création automatique des vers libérés et de les déclamer aux rythmes innés du poète se rapproche du genre poétique qu'est le Slam.

Nombreuses sont les les explications pouvant être rapportées pour éclaircir ce genre de création surréaliste spécifiquement malagasy.

REGARD DE LA LUNE reste le pont poétique reliant le TRADUIT DE LA NUIT de JJ Rabearivelo et les éventuelles créations de ce genre apportées par la génération future.

"REGARD DE LA LUNE" sur le sillage de la VISION de la littérature malagasy (s'enracinant et s'accrochant à son propre sol et à sa propre langue) demeure le trésor caché à rechercher perpétuellement et à comprendre: BELLE FLEUR DU VOLCAN EN EXPLOSION (vie dans les entrailles de l'inconscience et de la subconscience du poète)qui est sortie par la bouche de la mère symbolisant la patrie, terre des ancêtres.

FA.HA.MA d'antan aux alentours des années 80 était un cercle littétaire ayant pour objectif de promouvoir et de développer la littérature malagasy. Dans MALAGASY MANKANY de Ranja Zanamihoatra, celui-ci décrivait les comportements de certains malagasy sur le sillage de la civilisation importée et sur la trace de la culture extravertie. Par ailleurs, Ranjatohery Harilala dans le présent recueil fameux lance un défi naturel en soi soit en quête perpétuelle de l'identité culturelle pour pouvoir s'enraciner et s'accrocher au sol et à la langue malagasy Ranarivelo Rufin.

MIANATRA POEMA

Indramina sintonina aseho eto ho fanazavana sy fianarana ity kalo ankiray ankoatrahoatra malagasy (poésie surréaliste malagasy) nosoratan'i Harilala Ranjatohery ity: Mora azo fa sarotra takarina ary ao ivohony ny tena zavamisy marina.

Indro àry ilay kalo sy ny dikany amin'ny teny frantsay

nandramako nohenoina ny fidobodoboky ny
foko eo ampiandrasana ny hivelaran'ny
voninkazo iray.

nandramako nohenoina ny firohondrohonan'ny rian-drako
eo ampanantenana ny entom-pofo-manitry ny felana
